NY FIANGONAN' I JESOA KRISTY HO AN' NY OLOMASIN' NY ANDRO FARANY • ÔKTÔBRA 2015

# Liahona



**Lohatenin'ny tantara aseho sary eto amin'ny fonony: Manome hery tokoa ny mahafantatra ilay drafitra! p. 32**

**Ireo vato mpahita, Joseph Smith ary ny Bokin'i Môrmôna ao amin'ny p. 10**


**Arahabaina nahatratra ny faha-100 taona: Takarivan'ny mpianakavy manerana an'izao tontolo, p. 26**

**Mamaritra indray ny olan'ny pôrnôgrafia, p. 50**



*"Ary nanao fanoharana hafa koa taminy Izy hoe: Ny fanjakan'ny lanitra dia tahaka ny masirasira, izay nalain'ny vehivavy anankiray ka nataony tao amin'ny koba intelon'ny famarana, mandra-pahazon'ny masirasira azy rehetra."*
**Matio 13:33**

# Liahona, Ôktôbra 2015





## HAFATRA

**4 Hafatra avy amin'ny Fiadidiana Voalohany: Tongava eny amin'ny farany miaraka amin'ny fanilonao mbola mirehitra**
Nosoratan'ny Filoha Dieter F. Uchtdorf

**7 Hafatra ho an'ny famangiana isan-tokantrano: Ireo toetra masin'i Jesoa Kristy: Feno fiantrana sy fitiavana**

## LAHATSORATRA MANOKANA

**10 I Joseph ilay Mpahita**
Nosoratan'i Richard E. Turley Jr., Robin S. Jensen ary Mark Ashurst-McGee
*Ahoana no fomba nahafahan'ny Mpamimany Joseph nanatanteraka ny antsony amin'ny maha-mpahita azy sy ny fomba nahafahany nandika ny Bokin'i Môrmôna?*

**18 Teny hanovana ny tontolonay**
Nosoratan'i Norman C. Hill
*Nitondra fitahiana mihoapampana ho an'ireo Olomasina sasantsasany ilay ezaka fampianarana mamaky teny sy manoratra nataon'ny filankevitry ny distrika iray tao Ghana.*

**22 Mampianatra ny zatovo ny fomba fitarihana araka ny fomban'ny Mpamonjy**
Nosoratan'i Carol S. McConkie
*Ho mpitarika ao amin'ny Fiangonana amin'ny ho avy ny zatovo saingy afaka miaina fahafahana mitarika izy ireo ankehitriny.*

**26 Mankalaza ny takarivan'ny mpianakavy**
*Jereo ny fomba fandraisan'ny mpikambana manerana an'izao tontolo anjara ao anatin'io fiaraha-mientana iray izay manamafy orina ny fianakaviana io.*

**32 Ny drafitry ny famonjena: Harem-pahalalana masina mba hitarika antsika**
Nosoratan'ny Loholona Robert D. Hales
*Ny fanohanana ny drafitry ny Raintsika no fanalahidin'ny fahombiazana tany amin'ny fiainana talohan'ny nahaterahana ary mbola fanalahidin'ny fahombiazantsika eto amin'ity fiainana ity izany.*

## DEPARTEMANTA

**8 Manompo ao amin'ny Fiangonana: Ampy ve ny nataoko?**
Nosoratan'i Brooke Barton

**9 Fandinihana: Voatavo sa voatango?**
Nosoratan'i Rachel Cox


**40 Ny Feon'ireo Olomasin'ny Andro Farany**

**80 Mandra-pihaonantsika Indray: Ny lalana mankany amin'ny toerana azo antoka**
Nosoratan'ny Filoha Henry B. Eyring



**EO AMIN'NY FONONY**
Eo aloha: Sary nalain'i Cody Bell. Eo amin' ny fonony aloha ao anatiny: Sary © StockFood/ Talbott, Barbara. Eo amin' ny fonony aloha ao anatiny: Sary nalain'i Tiffany Myloan Tong.

## HO AN'NY TANORA



44


**44 Miaina omban'ny tena finiavana**
Nosoratan'i Randall L. Ridd
*Hanampy anao hiaina fiainana nirina sy manan-tanjona bebe kokoa ny fandinihanao "ny anton'ireo" fanapahan-kevitra noraisinao.*

**48 Finoana, asa fanompoana ary mofo iray**
Nosoratan'i Nissanka (Nissh) Muthu Mudalige




***Jereo raha hitanao ilay Liahona nafenina ato amin'ity laharana ity Fanampiana: Aiza no ahafahanao mahita fanampiana rehefa tsy fantatrao izay tokony hatao?***

## HO AN'NY ZATOVO


**50 Afaka amin'ny fandriky ny pôrnôgrafia**
Nosoratan'ny Loholona Dallin H. Oaks
*Fitsipika dimy ahafahanao mandray andraikitra araka ny tokony ho izy eo anatrehan'ny fitaovan-tserasera ahitana zavatra vetaveta.*

**56 Eo amin'ny toerana tokony hisy azy amin'ny fotoana mahamety azy**
*Fantatrao fotsiny indraindray fa ianao—na ny hafa—dia napetraky ny Tompo eo amin'ny toerana misy anao noho ny antony iray.*


**58 Sary: Ny bokin'ny fiainanao**

**59 Andalana anampy andalana: Genesisy 1:26–27**

**60 Ny fitadiavako ny fahamarinana**
Nosoratan'i Peng Hua
*Nampianarina aho rehefa nihalehibe fa tsy misy Andriamanitra, saingy nila nahafantatra izany ho an'ny tenako manokana aho.*

**62 Zatovolahy sy zatovovavy mahatalanjona ao amin'ny soratra masina**
Nosoratan'i Gisela Guthier

**64 Fanontaniana sy valiny**
*Ahoana no ahafahako manaiky ny fahafatesan'ny reniko—na dia efa nivavaka sy nifady hanina aza izahay mba ho velona izy?*

56

## HO AN'NY ANKIZY



72


**66 Fanapahan-kevitra mpandresy**
Nosoratan'i Marissa Widdison
*Nanana fahafahana hilalao tao anaty ekipa iray mandresy foana ihany i Miranda tamin'ny farany. Saingy afaka nilalao ve izy isaky ny Alahady?*

**68 Fanontaniana miompana amin'ny lohahevitra iray**
*Inona no tena tianao indrindra amin'ny maha-mpikamban'ny Fiangonana anao?*

**69 Ny pejintsika**

**70 Fotoan'ny soratra masina: I Petera sy Kornelio ary ilay Anjely**
Nosoratan'i Erin Sanderson

**72 Mitady fanampiana**
Nosoratan'i Kimberly Reid
*Nahita zavatra tsy tokony ho hitany i Tate saingy natahotra ny hilaza tamin'ny ray aman-dreny ny momba izany izy.*

**74 Oay! Ahoana amin'izay ary izao?**
*Inona no tokony hataonao rehefa mahita zavatra izay fantatrao fa ratsy ianao?*

**75 Ny voatavon'i Paul**
*Nihevitra i Paul fa tsy ho lehibe izany velively izy ka mba afaka ny hanao asa fitoriana tahaka ny rahalahiny.*

**79 Hira: Iray amin'ny iray tapitrisa!**
Nosoratan'i Jan Pinborough sy Michael F. Moody

**ÔKTÔBRA 2015 BOKY. 15 LAH. 3**
**LIAHONA 12570 654**
Gazetiboky iraisam-pirenena an' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany

**Ny Fiadidiana Voalohany:** Thomas S. Monson, Henry B. Eyring, Dieter F. Uchtdorf

**Ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo:** Russell M. Nelson, Dallin H. Oaks, M. Russell Ballard, Richard G. Scott, Robert D. Hales, Jeffrey R. Holland, David A. Bednar, Quentin L. Cook, D. Todd Christofferson, Neil L. Andersen

**Mpanomana ny fanontana:** Joseph W. Sitati
**Mpanorohevitra:** Randall K. Bennett, Craig A. Cardon, Christoffel Golden, Larry R. Lawrence, James B. Martino

**Tale mpitantana:** David T. Warner
**Talen'ny Fanohanana ny Fianakaviana sy ny Mpikambana:** Vincent A. Vaughn
**Talen'ny Gazetibokin'ny Fiangonana:** Allan R. Loyborg
**Mpitantana ny Fandraharahana:** Garff Cannon

**Mpitantana ny Fanontana:** R. Val Johnson
**Mpitantana Mpanampy amin'ny Fanontana:** Ryan Carr
**Mpanampy amin'ny famoahana:** Megan VerHoef
**Mpiara-miasa ao amin'ny Fanoratana sy Fanontana:** Brittany Beattie, David Dickson, David A. Edwards, Matthew D. Flitton, Lori Fuller, Garrett H. Garff, LaRene Porter Gaunt, Jill Hacking, Charlotte Larcabal, Mindy Ann Leavitt, Michael R. Morris, Sally Johnson Odekirk, Joshua J. Perkey, Jan Pinborough, Richard M. Romney, Paul VanDenBerghe, Marissa Widdison

**Tale Mpitantana ny Hai-tao:** J. Scott Knudsen
**Talen'ny Hai-tao:** Tadd R. Peterson
**Mpiara-miasa ao amin'ny Hai-tao:** Jeanette Andrews, Fay P. Andrus, Mandie M. Bentley, C. Kimball Bott, Thomas Child, Nate Gines, Colleen Hinckley, Eric P. Johnsen, Susan Lofgren, Scott M. Mooy, Mark W. Robison, Brad Teare, K. Nicole Walkenhorst
**Mpampirindra ny mikasika ny Fananana ny Zo:** Collette Nebeker Aune
**Talen'ny Famoahana:** Jane Ann Peters
**Mpiara-miasa ao amin'ny Famokarana:** Connie Bowthorpe Bridge, Julie Burdett, Katie Duncan, Bryan W. Gygi, Denise Kirby, Ginny J. Nilson, Gayle Tate Rafferty
**Mpanara-maso Alohan'ny Fanontana:** Jeff L. Martin

**Talen'ny Fanaovana Printy:** Craig K. Sedgwick
**Talen'ny Fanapariahana:** Stephen R. Christiansen

**Adiresin'ny biraon'ny fandikan-teny eto Madagascar:**
Bâtiment Robert 5, en face du complexe Ampefiloha
Fokontany Manarintsoa Est
Antananarivo 101, Madagascar

Ho an'ny famandrihana sy ny sarany ivelan'i Etazonia sy Kanadà dia manatona ny mpiandraikitra ny foibe fanapariahana any amin'ny Fiangonana eo amin'ny toerana misy anao na ny mpitarika ao amin'ny paroasy na sampana misy anao.

**Ny taratasy sy ny fanontaniana** dia alefaso amin'ny alalan'ny internet ao amin'ny liahona.lds.org; amin'ny alalan'ity e-mail ity liahona@ldschurch.org; na amin'ny alalan'ity adiresy ity *Liahona,* Rm. 2420, 50 E. North Temple St., Salt Lake City, UT 84150-0024, USA.

Ny *Liahona* (teny avy ao amin'ny Bokin'i Môrmôna izay midika hoe "kompà" na "mpitari-dalana") dia avoaka amin'ny teny Albaniana, Alema, Anglisy, Armeniana, Bislama, Boligariana, Danoa, Espaniola, Estoniana, Fijiana, Finisy, Frantsay, Grika, Hôlandey, Hongoroa, Indoneziana, Isilandey, Italiana, Japôney, Kambojiana, Kiribatia, Koreana, Kroasiana, Lativiana, Litoaniana, Malagasy, Marisalizy, Mongoliana, Norveziana, Okireniana, Ordo, Pôlôney, Portogey, Romaniana, Rosiana, Samoana, Seboanô, Siloveniana, Sinoa, Sinoa (notsorina), Soaily, Soedoa, Tagalogy, Tahisiana, Tailandey, Tongana, Tseky ary Vietinamiana (Ny fivoahan'ny boky dia miovaova araka ny tenim-pirenena nanoratana azy.)

© 2015 an'ny Intellectual Reserve, Inc. Zo rehetra voatokana. Natonta tany Etazonia.


Ny Lahatsoratra sy ny sary ao amin'ny *Liahona* dia azo adika raha sendra ilaina any am-piangonana na ao an-tokantrano ka tsy atao itadiavam-bola. Ny sary dia tsy azo adika raha misy famerana mikasika izany eo amin'ny toerana fanaovana fanamarihana eo amin'ilay sary. Ny fanontaniana momba ny fahazoan-dalana tamin'ny fandikana dia alefaso amin'izao adiresy izao: Intellectual Property Office, 50 E. North Temple St., Salt Lake City, UT 84150, USA; e-mail: cor-intellectualproperty@ldschurch.org.

**For Readers in the United States and Canada:**
October 2015 Vol. 15 No. 3. LIAHONA (USPS 311-480) Malagasy (ISSN 1525-7592) is published four times a year (April, May, October, and November) by The Church of Jesus Christ of Latter-day Saints, 50 East North Temple, Salt Lake City, UT 84150. USA subscription price is $2.00 per year; Canada, $2.40 plus applicable taxes. Periodicals Postage Paid at Salt Lake City, Utah. Sixty days' notice required for change of address. Include address label from a recent issue; old and new address *must* be included. Send USA and Canadian subscriptions to Salt Lake Distribution Center at address below. Subscription help line: 1-800-537-5971. Credit card orders (Visa, MasterCard, American Express) may be taken by phone. (Canada Poste Information: Publication Agreement #40017431)

POSTMASTER: Send all UAA to CFS (see DMM 707.4.12.5). NONPOSTAL AND MILITARY FACILITIES: Send address changes to Distribution Services, Church Magazines, P.O. Box 26368, Salt Lake City, UT 84126-0368, USA.

# Fanovozan-kevitra ho an'ny Takarivan'ny Mpianakavy

*Ity laharana ity dia ahitana lahatsoratra sy zavatra atao azo ampiasaina mandritra ny takarivan'ny mpianakavy. Ireto manaraka ireto misy ohatra anankiroa*



**"Mankalaza ny takarivan'ny mpianakavy,"** pejy (26): Na tsy tara mihitsy aza ianareo manao takarivan'ny mpianakavy isan-kerinandro na ity no fotoana voalohany hanaovanareo izany dia manaova takarivan'ny mpianakavy anankiray miavaka *ho fanomezam-boninahitra* ny takarivan'ny mpiankavy! Azonao vakina ilay lahatsoratra mba hahitanao ny fankafizan'ny fianakaviana manerana an'izao tontolo izao ny fotoana iarahan'izy ireo rehefa mianatra ny filazantsara. Ifanakalozy hevitra ny fomba entinareo manatanteraka ilay tanjonareo hanao takarivan'ny mpianakavy. Ahoana no fomba mety hampifanarahanareo izany amin'ny zavatra ilain'ny fianakavianareo? Mety hamerina hanolo-tena ny fianakavianareo mba hanao ho lohalaharana ao anatin'ny tokantranonareo ity fomba fanao efa naharitra 100 taona ity, na inona na inona toe-javatra iainanareo.

**"Mitady fanampiana,"** pejy 72: Iaraho mamaky amin'ny fianakaviana ilay lahatsoratra dia ifanakalozy hevitra ireto fanontaniana manaraka ireto: (1) Inona avy ireo karazana sary na fitaovan-tserasera mety ho hitan'ny ankizy? (2) Iza amin'ireo no tsy ho tsara ho antsika ny mijery azy na ny mifantoka aminy? (3) Inona no tokony hataon'ny olona tsirairay ao anatin'ny toe-javatra iray izay ahitany na ahenoany zavatra fantany fa tsy tokony ho hitany na ho henony? Ifanakalozy hevitra ireo tetika ampiasaina avy ao amin'ny "Oay! Ahoana amin'izay ary izao?" ao amin'ny pejy (74) raha mila hevitra ianao (manalavitra ilay zava-miseho, miresaka amin'ny ray amandreny, manao asa fanompoana, sy ny sisa).

## AMIN'NY FITENINAO

Ny *Liahona* sy ny fitaovan'ny Fiangonana hafa dia misy amin'ny fiteny maro ao amin'ny www.languages.lds.org. Tsidiho ny **Facebook.com/liahona.magazine** mba hahitana fanovozan-kevitra ho an'ny takarivan'ny mpianakavy, sy fanampiana mikasika ny lesona atao isaky ny alahady ary zavatra azonao zaraina amin'ny namana sy ny fianakaviana (Misy amin'ny teny Anglisy sy Pôrtogey ary Espaniôla).

## LOHAHEVITRA AO AMIN'ITY LAHARANA ITY

*Ireo tarehimarika dia maneho ny pejy voalohany amin'ilay lahatsoratra.*

***Andro Sabata,** 66*
***Antso ao amin'ny Fiangonana,** 8*
***Asa Fanompoana,** 8, 56*
***Asa fitoriana,** 44, 48, 60, 70*
***Bokin'i Môrmôna,** 10, 44*
***Drafitry ny famonjena,** 32*
***Fahafahana misafidy,** 32*
***Fahafatesana,** 64*
***Fahaizana mamaky teny sy manoratra,** 18*
***Fahavitrihana,** 4*
***Fanambadiana,** 32*
***Fanambarana,** 80*
***Fanapahan-kevitra,** 9, 44, 58, 66*
***Fanentanam-panahy,** 40, 41, 42, 56*
***Fangorahana,** 50*
***Fiantrana,** 7*
***Filankevitra,** 18*
***Fiovampo,** 60*
***Fitaovan-tserasera,** 50, 72, 74*
***Fitarihana,** 22*
***Ho an'ny Zatovo,** 22, 62*
***Jesoa Kristy,** 7*
***Joseph Smith,** 10*
***Laharampahamehana,** 9*
***Maha-mpikamban'ny Fiangonana,** 68*
***Mpaminany,** 10, 80*
***Pôrnôgrafia,** 50, 72*
***Soratra Masina,** 18, 59, 62*
***Takarivan'ny mpianakavy,** 26*
***Tantaran'ny Fiangonana,** 10*
***Tempoly,** 69*
***Testamenta Taloha,** 59*
***Testamenta Vaovao,** 70*
***Vavaka,** 43, 64, 72*



**Nataon'ny Filoha Dieter F. Uchtdorf**
Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany



# Tongava

## ENY AMIN'NY FARANY MIARAKA AMIN'NY FANILONAO MBOLA MIREHITRA

Tany Grèce fahiny, ireo mpihazakazaka dia nifaninana tao anatin'ny fifaninanana hazakazaka ifanoloana nantsoina hoe *lampadedromia*.[1] Mihazona fanilo eny amin'ny tanany ny mpihazakazaka ao anatin'ilay hazakazaka ary mamindra izany eny amin'ilay mpihazakazaka manaraka mandra-pahatongan'ilay olona iray farany ao amin'ny ekipa eny amin'ny faritra hahatongavana.

Tsy nomena an'izay ekipa nahery nihazakazaka ny loka—fa nomena ny ekipa voalohany tonga teny amin'ny faritra hahatongavana niaraka tamin'ilay fanilony mbola mirehitra.

Misy lesona lalina sintonina eto izay nampianarin'ireo mpaminany fahiny sy maoderina: raha zava-dehibe ny manomboka ilay fifaninanana, dia zava-dehibe kokoa noho izany ny hahatongavantsika miaraka amin'ny fanilontsika mbola mirehitra.

### Nanomboka tao anatin'ny tanjaka i Solomona

Ny Mpanjaka lehibe Solomona dia ohatra iray mampiseho izany hoe olona nanomboka tao anatin'ny tanjaka izany. "Tia an'i Jehovah [izy fony mbola tanora] ka nizotra araka ny dian'i Davida rainy" (1 Mpanjaka 3:3). Faly taminy Andriamanitra ka nilaza hoe: "Angataho izay tianao homeko anao" (1 Mpanjaka 3:5).

"Saina malady ho entiko mitsara ny olonao, hahaizako manavaka sy soa sy ny ratsy" (1 Kings 3:9) no nangatahan'i Solomona fa tsy harena na fahalavan'ny andro iainana.

Tena nahafaly ny Tompo izany ka sady nomeny fahendrena i Solomona no nomeny harena mihoa-pampana no nataony lava andro iainana.

Tsy nitoetra ho matanjaka hatramin'ny farany i Solomona na dia tena hendry sy nanao zavatra lehibe maro aza. Indrisy fa taty aoriana tao anatin'ny fiainany dia, "nanao izay ratsy [teo] imason'i Jehovah [i Solomona], ka tsy mba tanteraka tamin'ny fanarahana Azy" (1 Mpanjaka 11:6).

### Mamita ny hazakazatsika manokana

Impiry isika no nanomboka zavatra dia tsy nahavita izany hatramin'ny farany? Fanarahana fitsipi-pihinanana? Fanaovana fanatanjahantena? Fanolorantena hamaky ny soratra masina isan'andro? Fanapahan-kevitra ny ho mpianatr'i Jesoa Kristy tsara kokoa?

Impiry isika izay no nametraka tanjona ny volana Janoary ary nanatanteraka izany tamin-kafanampo tao anatin'ny andro vitsivitsy na herinandro vitsivitsy na volana vitsivitsy mihitsy aza nefa rehefa tonga ny ôktôbra dia tsy nisy afa-tsy lavenona mangatsiaka ilay afom-panolorantena?

Indray andro aho nahita sary nampihomehy iray izay nahitana alika natory teo akaikin'ny taratasy norotidrotehiny. Mivaky hoe, "Diplaoma tamin'ny fiofanana ho alika mpankatò" izany.

Toy izany isika indraindray.

Manana fikasana tsara isika, manomboka ao anatin'ny tanjaka isika ary te hamoaka ny tsara indrindra avy amintsika. Saingy avelantsika ho rotidrotika sy hanjavona ary ho hadino ireo tanjontsika.

Efa toetran'olombelona ny hoe tafintohina, dia mianjera, dia te hitsoaka an-daharana indraindray. Saingy amin'ny maha-mpianatr'i Jesoa Kristy antsika dia nanolo-tena isika hoe, tsy hanomboka ilay hazakazaka fotsiny fa hamita izany koa—ary hamita izany miaraka amin'ilay fanilo mbola miredareda. Nampanantena ny mpianany ny Mpamonjy hoe: "Fa izay maharitra hatramin'ny farany no hovonjena" (Matio 24:13).

Mamelà ahy hanazava amin'ny teny hafa ny zavatra nampanantenain'ny Mpamonjy amin'izao androntsika izao: Raha mitandrina ny didiny isika ary tonga eny amin'ny



Rehefa manohy miezaka sy mandroso mankany amin'ny Mpamonjintsika isika, dia handresy ao anatin'ilay fifaninanana miaraka amin'ireo fanilo miredaredа.

Tsy miompana amintsika na ny zavatra ataontsika akory ilay fanilo. Miompana amin'ilay Mpamonjy an'izao tontolo izao izany.

Ary Fahazavana tsy hitsilopilopy velively izany. Fahazavana mitelina ny haizina izany sy manasitrana ny ratra ary matanjaka na dia ao anatin'ny alahelo tena lalina sy fahoriana tsy takatry ny saina aza.

Fahazavana izay manoatra noho ny fahatakaran'ny saina izany.

Enga anie isika rehetra mba hamita ny dia natombotsika. Ary ho tonga eny amin'ny farany amim-pifaliana miaraka amin'ny fanilontsika mbola mirehitra isika amin'ny alalan'ny fanampian'ny Mpamonjy sy Mpanavotra antsika. ■

farany miaraka amin'ny fanilontsika mbola mirehitra dia hahazo ny fiainana mandrakizay izay fanomezana lehibe indrindra amin'ny fanomezan'Andriamanitra rehetra (jereo ny F&F 14:7; jereo koa ny 2 Nefia 31:20).

### Ilay Fahazavana izay tsy mba maty na oviana na oviana

Indraindray rehefa avy tafintohina na nianjera na nilavo lefona mihitsy aza isika dia kivy ka mino fa maty ilay hazavantsika ary vita hatreo ilay hazakazatsika. Kanefa mijoro ho vavolombelona aminareo aho fa tsy mety maty ny Fahazavan'i Kristy. Mazava ao anatin'ny alina maizin-kitroka izany ary handrehitra indray ny fontsika raha toa ka hampanatonintsika Azy ny fontsika (jereo ny 1 Mpanjaka 8:58).

Miredareda foana ny Fahazavan'i Kristy na impiry na impiry isika mianjera ary na hatraiza na hatraiza ianjerantsika. Ary rehefa manatona Azy fotsiny isika na dia anatin'ny ali-mikitroka aza dia hatelin'ilay fahazavany ny haizina ary harehiny indray ny fanahintsika.

Ity fifaninanana hazakazaka amin'ny maha-mpianatra ity dia tsy fifaninanana hafainganan-kazakazaka fa fifaninanana hazakaza-davitra. Ary fahasamihafana kely fotsiny ihany no entin'ny hafainganan'ny fandehantsika. Raha ny marina, ny hany mety tsy hahavitantsika ilay hazakazaka dia ny fitsoahantsika an-daharana na ny filavoana lefona.

SARY NALAIN'NY STOCKTREK IMAGES/THINKSTOCK

**FANAMARIHANA**

1. *Harpers Dictionary of Classical Antiquities* (1898), "Lampadedromia," www.perseus.tufts.edu/hopper. Nanazava fifaninanana hazakazaka mitondra fanilo amin'ny endriny hafa iray i Pausanias, izay ahitana ny tsy famotsoran'ireo mpitondra fanilo ny fanilon'izy ireo. Saingy ny ao anatin'ny *lampadedromia,* izay tonga eny amin'ny faran'ny hazakazaka miaraka amin'ny fanilony mbola mirehitra no mandresy.

### FAMPIANARANA AVY AMIN'ITY HAFATRA ITY

Amporisiho ireo izay ampianarinao handinika hoe aiza ho aiza izy ireo amin'ilay "hazakazaky" ny fiainany. Moa ve miredareda ny fanilony? Azonao atao ny mamaky ilay fehezanteny izay milaza fa ny Fahazavan'i Kristy dia "Fahazavana mitelina ny haizina sy manasitrana ny ratra ary matanjaka na dia ao anatin'ny alahelo tena lalina sy fahoriana tsy takatry ny saina aza." Dia ifanakalozy hevitra miaraka amin'ireo izay ampianarinao ny fiantraikan'ny Fahazavan'i Kristy teo amin'ny fiainan'izy ireo taloha ary eo amin'ny fiainan'izy ireo ankehitriny.

ZATOVO

## Asio solika ny fanilonao: Fisedrana mandritra ny 30 andro

Ho an'ny zatovo ao amin'ny Fiangonana izay be zavatra atao eo amin'ny fiainana dia mety mora ny ho tafahitsoka ao anatin'ny fanaovan-javatra amim-pahazarana fotsiny, indrindra ny zavatra ara-panahy. Mamaky ny soratra masina sy mivavaka ary mitsaoka amin'ny fomba mitovy isika saika isan'andro nefa avy eo manontany tena hoe nahoana no toa nikororosy fahana ara-panahy.

Ny iray amin'ireo fomba tsara indrindra hihazonana ny fanilo ara-panahintsika hiredareda dia ny fanaovana izay hiainanao zavatra ara-panahy manan-danja. Saingy mora lazaina fa sarotra tanterahina izany. Noho izany dia ity misy torohevitra mba hanampiana anao hivoatra ara-panahy: Mieritrereta zavatra atao iray mifandray amin'ny filazantsara izay tsy nataonao velively teo aloha (na mahalana ny anaovanao azy ) ka dia manolora tena ny hanao izany isan'andro ao anatin'ny iray volana. Afaka manomboka amin'ny zavatra kely ianao satria ho hitanao fa mora kokoa ny manao fanovana kely mba ho lasa fiovana maharitra. Mety hitaky finoana sy ezaka bebe kokoa avy amintsika ny fanaovana zavatra izay mamoaka antsika ao anatin'ilay faritra mampahazo aina antsika ara-panahy, saingy rehefa ataontsika izany dia manasa ny Fanahy Masina isika hiaraka amintsika ary mampiseho finoana lehibe kokoa ny Ray any an-danitra sy faniriana hanakaiky Azy kokoa isika. Ireto ary misy hevitra vitsivitsy hanombohanao izany:



- Mametraha tanjona mba hanao vavaka maraina sy hariva. Miezaha mivavaka amin'ny feo avo.
- Mifohaza 15 minitra mialoha ary mamakia soratra masina alohan'ny handehanana mianatra.
- Mamakia lahateny natao nandritra ireo fihaonamben'ny Fiangonana teo aloha.
- Mametaha soratra masina avy ao amin'ny Bokin'i Môrmôna ao anatin'ny tambazotra ifaneraserana.
- Mihainoa hira ao amin'ny fihirana na hiran'ny Fiangonana toy izay hira tsotra mahazatra.

HO AN'NY ANKIZY

## Ataovy mazava kokoa ny fanilonao

Taloha ela be tany Grèce dia nisy fifaninanana hazakazaka izay ahitana mpihazakazaka mihazona fanilo mirehitra. Izay mahavita hatramin'ny farany ilay fifaninanana hazakazaka miaraka amin'ny fanilo mbola mirehitra no mpandresy. Toy io fifaninanana hazakazaka io ny fiainana hoy ny Filoha Uchtdorf. Ilay fanilo hazonintsika no Fahazavan' i Kristy. Rehefa miezaka ny hitovy amin'i Jesoa Kristy isika dia mampahazava bebe kokoa ny fanilontsika.




Lokoy ireo faribolana misy zavatra azon'ity ankizikahy ity atao mba hitoviany bebe kokoa amin'i Jesoa sy hampahazava bebe kokoa ny fanilony.

SARY NATAON'I SIMONE SMITH

*Halalino ombam-bavaka ity hafatra ity ary katsaho ny hahafantarana izay tokony hozaraina Ahoana no ahafahan'ny fahatakarana ny fiainan'ny Mpamonjy sy ny anjara asany hampitombo ny finoanao Azy sy hitahy ny fiainan'ireo olona izay iandraiketanao amin'ny alalan'ny famangiana isan-tokantrano Ho fanampim-pahalalana bebe kokoa dia tsidiho ny reliefsociety.lds.org.*

# Ireo toetra masin'i Jesoa Kristy: Feno fiantrana sy fitiavana

*Ity hafatra ity dia anisan'ireo andiana hafatra ho an'ny famangiana isan-tokantrano izay maneho ireo toetra masin'ny Mpamonjy.*

Ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina dia mamaritra ny fiantrana ho toy "ny avo indrindra, ny ambony indrindra, ny mahery indrindra amin'ny karazam-pitiavana" ("Fiantrana"). Fitiavana madion'i Kristy izany. Rehefa mianatra mikasika an'i Jesoa Kristy isika sy miezaka ny hitovy Aminy, dia hanomboka hahatsapa ilay fitiavany madio eo amin'ny fiainantsika sy ho voatosika hitia sy hanompo ny hafa toy ny ho nataony. "Ny atao hoe fiantrana dia fananana faharetana amin'ireo olona izay nandiso fanantenana antsika," hoy ny Filoha Thomas S. Monson. "Fanoherana ny toetra mora tafintohina izany. Fanekena ireo fahalemena sy ny tsy fahalavorariana. Fanekena ny olona amin'ny maha-tena izy azy. Fijerena mihoatra ny endrika ivelany ireo toetra izay tsy ho lefy rehefa mandeha ny fotoana. Famehezana ny tena mba tsy ho voasarika hitsara ny hafa."[1]



NY HERY MITARIKA ENTIN'NY VEHIVAVY MARINA, NOSORATAN'I JULIE ROGERS

Ao anatin'ny Bokin'i Môrmôna no ahalalantsika ilay fahamarinana lehibe hoe: "Mivavaka amin'ny Ray amin'ny herin'ny fo manontolo [isika] mba hahazoana mameno [antsika] amin'izany fitiavana izany izay efa natolony ireo rehetra izay mpanaradia marina an'i Jesoa Kristy Zanany mba hahatonga [antsika] ho zanak'Andriamanitra ka rehefa hiseho Izy dia ho tahaka Azy isika fa ho hitantsika Izy tahaka ny maha-Izy Azy mba hananantsika izany fanantenana izany, mba hahazoana manadio antsika tahaka Azy izay madio" (Môrônia 7:48).

### Soratra masina fanampiny

Jaona 13:34–35; 1 Korintiana 13:1–13; 1 Nefia 11:21–23; Etera 12:33–34

### Eritrereto Ity

Nahoana no ohatra tonga lafatra eo amin'ny fitiavana sy fiantrana i Kristy?

**Finoana, Fianakaviana, Fanampiana**

### Avy amin'ny tantarantsika

"Nankasitraka ny mpamangy isan-tokantranony izay niara-ory taminy sy nampahery azy ny rahavavy iray izay maty vady vao haingana. Nanoratra izy hoe: 'Nitady mafy olona azoko hangatahina fanampiana aho, olona izay hihaino ahy. . . . Ary dia nihaino tokoa izy ireo. Nampahery ahy izy ireo. Niara-nitomany tamiko izy ireo. Nofihinin'izy ireo teny an-tsandriny aho . . . [ary] nampian'izy ireo mba ho tafavoaka tamin'ilay hakiviana sy harerahan-tsaina amam-panahy tao anatin'ireo volana vitsivitsy voalohany naha-irery ahy.'

"Toy izao no namintinan'ny vehivavy iray hafa ny zavatra tsapany rehefa nahazo fitiavana marina avy tamin'ny mpamangy isan-tokantrano iray izy: 'Fantatro fa nanan-danja bebe kokoa noho ny hoe olona iray ao amin'ny boky firaketana tokony hovangiany fotsiny aho. Fantatro fa nitia ahy izy.'"[2]

Olomasin'ny Andro Farany maro manerana an'izao tontolo izao toy ireo rahavavy ireo no afaka manaparofo ny fahamarinan'ity fanambarana nataon'ny Filoha Boyd K. Packer (1924–2015), Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity: "Tena mampahery tokoa ny fahalalana fa na aiza na aiza [mety alehan'ny fianakaviana iray] dia misy fianakavian'ny Fiangonana miandry azy any. Manomboka amin'ilay andro hahatongavan'izy ireo dia ho tafiditra ao anatin'ny kôlejin'ny fisoronana ilay ray ary ho tafiditra ao anatin'ny Fikambanana Ifanampiana ilay reny."[3]

FANAMARIHANA
1. Thomas S. Monson, "Ny fiantrana tsy ho levona mandrakizay," *Liahona,* nôv. 2010, 124.
2. *Filles dans Mon Royaume: L'histoire et l'oeuvre de la Société de Secours* (2011), 119–120.
3. *Filles dans Mon Royaume,* 87.

# AMPY VE NY NATAOKO?

Nosoratan'i Brooke Barton

*Nanampy ahy hahatakatra ny fomba tena tsara hanatanterahana ny antsoko ny lesona iray momba ny ondry very.*

Voantso ho filohan'ny Fikambanana Ifanampiana tao amin'ny paroasin'ny mpianatra manambady nisy anay aho fony 23 taona. Tsaroako ilay tsy fahampian'ny fahaiza-manao tsapako niaraka tamin'ny faniriako hanao izay tsara indrindra avy amiko. Tsindrindaona sy feno fientanentanana ny hanompo aho saingy niahiahy tamin'ny fahafahako ho mpitarika tsara.

Volana vitsy taorian'ny nahafilohan'ny Fikambanana Ifanampiana ahy dia nahatsapa aho fa tsy ampy ny zavatra nataoko. Naniry ny hifandray tamin'ireo rahavavy aho ary hahatakatra ny zavatra ilainy manokana kanefa tsapako fa tsy tanterako izany.

Niresaka tamin'ny evekako aho ary namboraka ny olako. Nohazavaiko fa toy ny tsy afaka manampy tsotra izao ireo rahavavy rehetra tiako hanaovana izany aho. Nolazaiko fa tena maniry ny hisian'ny tenako ampitomboana dimy aho mba hanatanterahana ilay asa araka ny eritreretiko fa tokony hanatanterahana azy. Niezaka naneho ny olako tamin'ny fomba tsotsotra sy nifono vazivazy aho, saingy vetivety ny masoko dia vonton-dranomasom-pahakiviana. Nitsiky izy ary nanolotra torohevitra faran'izay tsara azoko hatramin'izay ho an'ny mpitarika.

"Moa ve ianao mahafantatra ny tantaran'ilay mpiandry ondry izay rehefa very ny iray tamin'ireo ondriny dia nandao ny 'sivy amby sivifolo' izy mba hitady izany?" hoy izy nanontany (jereo nyLioka 15:4–7). Nanetsika ny lohako aho ho fanekeny izany.

"Toa misy fahendrena tena lehibe ao anatin'io fanoharana io," hoy izy nanohy. "Fantatr'ilay mpiandry ondry fa tsy haninona ireo sivy amby sivifolo raha toa ka hilaozany mba hitadiavany an'ilay ondry anankiray very."

Dia nanolotra ity torohevitra manaraka ity ny evekako:



"Hitanao! Manana fomba tsara hifampikarakarana ireo sivy amby sivifolo ireo rehefa lasa ianao. Hifamporisika sy hifanohana tsara tokoa izy ireo. Manoro hevitra ny mba hifantohanao amin'ireo izay toa very aho. Tsy haninona ny ambiny."

Nahazo fijoroana ho vavolombelona matanjaka aho fa marina ny zavatra nolazainy tamiko ka tsy tokony hiahiahy mikasika ny ondry iray manontolo ao anatin'ny indray mandeha aho. Ny hitady ireo very no tanjoko ary hanasa azy ireo hiverina ao amin'ny vala. Afaka ny ho tanteraka amin'izay fomba izay ireo tanjon'ny Ray any an-danitra ary afaka ny ho fitaovana eo am-pelatanany aho.

Rehefa nanaraka ny torohevitry ny eveka aho dia nahatsapa ho nahazo fahatakarana lehibe kokoa ny fomba tian'ny Tompo hanompoako ao amin'ny Fanjakany. Nahatsapa fahafahampo ara-panahy koa aho izay nampahatanjaka ahy tao anatin'ny antsoko satria nanompo araka ny fomba natoron'ny Mpamonjy aho. Nomen'ny evekako fahatakaran-tsaina sy fahitana zava-baovao izay fanomezana lehibe aho tamin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina.

Mijoro ho vavolombelona aho fa rehefa mivavaka sy mikatsaka fitaomam-panahy avy amin'ireo mpitarika antsika ao amin'ny fisoronana isika dia ho entanin'ny fanahy mba hampiseho antsika ny fomba hitarihana amin'ny fomba tsara izy ireo. ■

*Monina any Utah Etazonia ny mpanoratra.*

SARY NATAMBATAMBATRA NATAON'I MIKE BOYLAND/ISTOCK/THINKSTOCK SY OLEKSIY FEDOROV/HEMERA/THINKSTOCK

# VOATAVO SA VOATANGO?

Nosoratan'i Rachel Cox

*Indraindray tsy misy ny hoe safidy ratsy. Fa misy fotsiny safidy iray.*



Somary taitra ihany ny raiko rehefa nahita fa ny voan'ny voatavo namboleny tamin'ny herintaona dia lasa naniry teo afovoan'ny sombin-tany nambolena voatango tamin'ity fahavaratra ity. Naniry tsara ihany ireo voatango—dia toy izany koa ireo voatavo. Naniry tsara tokoa izany raha ny marina ka nalaim-panahy ny hamela ireo voatavo hitohy haniry ny raiko. Kanefa fantany fa raha manao izany izy dia hanakana ny fanirian'ny voatango ny voatavo.

Tsy maintsy nanao safidy izy noho izany. Na izy hanongotra ireo voatavo mba hananan'ny voatango fahafahana tsara kokoa haniry tsara na hamela ny voatavo haniry ka hijery azy ireo mety handrakotra ny voatango izay samy tena hampihena ny vokatra azo avy amin'izy roa ireo. Voatavo sa voatango? Nipetraka teo amin'ny fisafidianana ny iray tamin'ireo zavatra tsara anankiroa ilay safidy.

Rehefa nandanjalanja azy roa teo ny raiko dia nanapa-kevitra ny hanongotra ny voatavo izay naniry tsara. Tsy hoe miadana fotsiny ny fandrombonan'izy ireo fa nanapa-kevitra koa izy hoe tiany kokoa ny hioty ireo voatango *efa nantenaina* fa tsy ireo voatavo tsy nampoizina.

Nanosika ahy hieritreritra ireo safidy ataontsika io zavatra nitranga io, indrindra eo anatrehan'ny fifandraisantsika amin'ny hafa. Na eo anatrehan'ny fianakaviantsika izany na ny namantsika na ny mpampiasa antsika na ny olona miaraka amintsika na ny vadintsika, dia sarotra indraindray ny mamantatra ilay safidy tsara na tsara indrindra rehefa zavatra tsara anankiroa no isafidianana, indrindra rehefa te hisoroka ny fanaovana safidy ratsy isika. Mampalemy antsika indraindray ny fahatahorana hanao safidy ratsy ary mety hanakana antsika tsy handroso hatrany ao anatin'ny finoana izany. Saingy raha ny marina, indraindray tsy misy ny hoe *safidy ratsy*. Fa misy fotsiny safidy iray. Raha ny zavatra nitranga tamin'ny raiko dia nampifotorin'ny tamin'izay *manan-danja* bebe kokoa ho azy ny fanapahan-kevitra noraisiny. Tsy tiany ny nahita ny fahafatesan'ireo voatavo, saingy fantany fa hanenina amin'ny fanimbana ataon'izy ireo amin'ireo voatango izy any aoriana.

Misy safidy sasany ataontsika matetika eo amin'ny fiainana izay tsy maninona, toy ny hoe, inona no hataoko sakafo maraina? Inona no lokon'ny akanjo tokony hanaovako androany? Rehefa manao safidy eo anatrehan'ny zavatra tsara anankiroa ianao dia mety afaka manao toy ny nataon'ny raiko ka manontany tsotra fotsiny hoe, "Inona no manan-danja bebe kokoa amiko?" Dia mandraisa fanapahan-kevitra ary mandrosoa amim-pinoana miaraka amin'ny fahatokiana fa hanitsy antsika ny Tompo raha tsy araka ny tokony ho izy ny nataontsika.

Misy safidy sasany *tena* manan-danja anefa. Nilaza ny Filoha Thomas S. Monson indray mandeha hoe: "Manoloana antsika tsy tapaka ny fandraisana fanapahan-kevitra. Mba handraisana azy ireny amim-pahendrena dia mila fahasahiana isika—ilay fahasahiana hiteny tsia, ilay fahasahiana hiteny eny. Ny fanapahan-kevitra raisintsika *no* mamaritra ny hoavintsika" ("Ny Dingana Telon'ny Safidy," *Liahona,* nôv. 2010, 68.) Ny fanontaniana tsara apetraka rehefa miatrika karazana safidy toy izany dia hoe, "Inona no *manan-danja bebe kokoa* amin'ny Tompo?" Rehefa fantatsika ny valin'izany fanontaniana izany dia ampifanarahantsika amin'izay manan-danja Aminy izay manan-danja amintsika ary manatanteraka izany safidy izany hatramin'ny farany isika avy eo. Ho ilay safidy tena izy foana izany. ■

*Monina any Utah Etazonia ny mpanoratra.*

SARY NATAON'I CAROLYN VIBBERT



# I JOSEPH ILAY Mpahita

*Manazava ny fomba nanatanterahan'i Joseph Smith ny anjara asany tamin'ny naha-mpahita azy sy ny fomba nandikany ny Bokin'i Môrmôna ny tahirintsoratra ara-tantara.*

**Nosoratan'i Richard E. Turley Jr.,** Mpahaitantara sy mpiandraiki-tahiritsoratra mpanampy momba ny Fiangonana, **Robin S. Jensen sy Mark Ashurst-McGee,** Departemantan'ny tantaran'ny Fiangonana

Tamin'ny 6 Aprily 1830, izay andro nanorenan'i Joseph Smith ny Fiangonan'i Kristy (izay nantsoina hoe Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany taty aoriana),[1] dia nanambara teny nifono fanambarana tamin'ireo izay tafavory teo izy. "Indro," nambaran'ny feon'Andriamanitra ao anatin'izany fa, "hisy rakitsoratra hotanana eo anivonareo, ary ao anatin'izany no hiantsoana anao [Joseph Smith] ho mpahita" (F&F 21:1).

Ny porofo tena maneho ilay anjara asan'i Joseph Smith hoe mpahita tao anatin'ilay Fiangonana vaovao natsangana dia ny Bokin'i Môrmôna, izay naverimberiny nohazavaina fa nadika "tamin'ny alalan'ny fanomezam-pahasoavan'Andriamanitra."[2] Maro tamin'ireo olona tena akaiky an'i Joseph ny taona talohan'ny niorenan'ny Fiangonana no nahita ny dingana nahatongavan'ny Bokin'i Môrmôna ka nanana fahatakarana ny dikan'ny teny hoe *mpahita*.

## Ny dikan'ny hoe *Mpahita*

Inona no dikan'ny hoe *mpahita* ho an'ilay mpaminany mbola tanora sy ireo olona niara-niaina taminy tamin'izany fotoana izany? I Joseph dia lehibe tao anatin'ny fianakaviana iray namaky ny Baiboly izay namerimberina ny teny hoe mpahita. Ao amin'ny 1 Samoela, ohatra, dia manazava ny mpanoratra hoe: "Fahiny teo amin'ny Isiraely, raha nisy olona nandeha hanontany amin'Andriamanitra dia izao no fanaony: Andeha, aoka hankany amin'ny mpahita isika; fa izay atao hoe Mpaminany ankehitriny no natao hoe Mpahita tany aloha" (1 Samoela 9:9).

Ny Baiboly koa dia niresaka momba ireo olona izay nahita fanehoan-javatra ara-panahy tamin'ny alalan'ny zavatra azo tsapain-tanana toy ny tehina,[3] menarana teo amin'ny hazo lava iray (izay lasa mari-pamantarana maneran-tany ny asa fitsaboana),[4] efoda (anisan'ny fitafiana anaovan'ny mpisorona izay ahitana vato sarobidy anankiroa),[5] ary ny Orima sy Tomima.[6]

*JOSEPH SMITH,* NARINDRAN'I DAVID ROGERS, NAHAZOANA LALANA AVY TAMIN'NY COMMUNITY OF CHRIST LIBRARY-ARCHIVES, INDEPENDENCE, MISSOURI



NAHAZOANA LALANA AVY TAMIN'NY TRANOMBOKIN'NY FIANGONANA

*Nipetraka tao amin'ny efitra iray tany ambony rihana tao amin'io trano io i Joseph sy Emma Hale Smith vadiny nandritra ny fandikana ampahany tamin'ny Bokin'i Môrmôna. Ny rihana anankiroa aty ankavanan'ilay trano dia naorina taty aoriana.*



*Fantatra tamin'ny nahampaminany sy mpahita ary mpanambara azy i Joseph Smith ho an'ireo mpikambana an'arivorivony maro nandritra ny fiainany ary ho an'ireo mpikambana antapitrisany maro hatramin'izay nahafatesany izay.*

Ny hoe "mahita" sy "mpahita" dia tao anatin'ny kolontsaina Amerikana sy kolotsain'ny fianakaviana izay nitaizana an'i Joseph Smith. Noho ny fifikirana lalina tamin'ny tenin'ny Baiboly sy noho ilay fifangaroan'ny kolontsaina Anglisy sy Eorôpeana nentin'ireo mpifindra monina nankany Amerika Avaratra, dia nino ny olona sasany tany am-piandohan'ny taonjato faha 19 fa ny olona manana fanomezam-pahasoavana manokana dia afaka "mahita," na mandray fanehoan-javatra ara-panahy amin'ny alalan'ny zavatra azo tsapain-tanana toy ny vato mpahita.[7]

Nanaiky ny fomba fanao toy izany tamin'ny vanimpotoana niainany ny tovolahy Joseph Smith, ka tao anatin'izany ilay fampiasana vato mpahita mba hijerena zavatra very na miafina. Noho ireo tantara tao anatin'ny Baiboly izay nampiseho ny fampiasan'Andriamanitra zavatra azo tsapain-tanana mba hitantanana ny finoan'ny olona na hifampifandraisana ara-panahy fahiny, dia nihevitra i Joseph sy ny hafa fa mbola azo tanterahina koa izany tamin'ny androny. I Joseph Smith Sr. sy Lucy Mack Smith ray aman-drenin'i Joseph dia namporisika ny fianakaviana hanaraka io kolontsaina io sy ny fampiasana zavatra azo tsapain-tanana araka io fomba io ka nangataka an'i Joseph mba hitady zavatra very ireo mponina tao amin'ny tanànan'i Palmyra sy Manchester, New York, izay toerana nipetrahan'ny fianakaviana Smith talohan'ny nifindrany tany Pennsylvania tany amin'ny faramparan'ny taona 1827.[8]

Mety tsy hahafantatra izany hoe mpahita amin'ny alalan'ny vato izany ireo izay tsy mahalala ny fomba niainan'ny olona ny fivavahany tamin'ny taonjato faha 19 tany amin'ny faritra nipetrahan'i Joseph ary niady hevitra nandritra ny fotoana ela mikasika io vanimpotoana niainany io ireo manam-pahaizana. Vokatr'ilay Taonjaton'ny fahazavana sy ny Vanimpotoan'ny fifotorana amin'ny rafi-pisainana amin'ny ampahany izay nanome lanja ny siansa sy ny tontolo hita maso noho ny zavatra ara-panahy, dia olona maro tamin'ny andron'i Joseph no lasa nieritreritra fa ny fampiasana vato na tehina dia finoanoam-poana sy tsy mety raha ampiasaina eo amin'ny lafin'ny fivavahana.

Taona maro taty aoriana rehefa nitantara ilay tantarany miavaka i Joseph, dia nifantoka tamin'ireo fahitana azony sy ireo zavatra ara-panahy hafa niainany izy.[9] Ireo niara-niasa taminy taloha kosa anefa dia nifantoka tamin'ilay nampiasany vato mpahita teo aloha mba hamotehana ny lazany tao anatin'ny tontolo izay nihanandà io fomba fanao io. Tao anatin'ny asa fitoriana nataon'izy ireo dia nisafidy ny tsy hanaraka ny fomba fanaon'ny olona tamin'izany fotoana izany i Joseph sy ireo mpikambana hafa tany am-piandohana satria maro ireo olona nankany amin'ny lalan'ny fiovampo no niaina fiovana teo amin'ny fahatakaran'izy ireo ny finoana tao anatin'ilay Vanimpotoan'ny fampiasana ny rafi-pisainana. Tao anatin'ireo fanambarana nankatoavina anefa dia nanohy nampianatra i Joseph fa ireo vato mpahita sy ireo fitaovana hafa ampiasain'ireo mpahita ary koa ny fahaizana mampiasa azy ireo dia fanomezam-pahasoavana lehibe sy masina avy amin'Andriamanitra.[10]

## Fitaovana nampiasaina nandikana ny Bokin'i Môrmôna

Hita koa ao anatin'ny tantara momba an'i Joseph Smith sy ny fandikana ny Bokin'i Môrmôna ny momba ireo vato mpahita. Ny tantara ôfisialin' Joseph, izay natombony tamin'ny 1838, dia manazava ny famangian'ilay anjely iray izay fantatra fa i Môrônia, izay nilaza taminy momba ireo takelabolamena nalevina tany amin'ny havoana tsy dia lavitra ny nisy azy. Nitantara i Joseph fa rehefa niresaka tamin'ilay anjely izy dia "nosokafana [mazava tsara tao an-tsainy] ny fahitana" ka dia "fanta[ny] ilay toerana" rehefa hitan'ny tenany mihitsy ilay izy taty aoriana (Joseph Smith—Tantara 1:42).

Nanomboka nanoratra i Joseph ny taona 1838 araka ny ao anatin'ny tantara ka nampitandrina azy i Môrônia "fa hanandrana ny haka fanahy ahy i Satana (noho ny ankohonan-draiko miaina ao anatin'ny fahantrana) mba hakako ireo takelaka hampanan-karena ahy." Nosakanan'ilay anjely tsy hanao izany izy araka ny fitantaran'i Joseph ka nolazainy fa raha toa i Joseph manana "zavatra hafa banjinina" ankoatra ny fanorenana ny fanjakan'Andriamanitra dia tsy "ho azo[ny] izany" (Joseph Smith—Tantara1:46). Nanazava i Joseph tao anatin'ny tantarany tany ampiandohan'ny taona 1832 hoe, "Nikatsaka ireo takelaka mba hahazoako harena aho ka tsy nitandrina ilay didy hoe tokony tsy hibanjina afa-tsy ny voninahitr'Andriamanitra

*JOSEPH SMITH*, NARINDRAN'I DAVID ROGERS, NAHAZOANA LALANA AVY TAMIN'NY COMMUNITY OF CHRIST LIBRARY-ARCHIVES, INDEPENDENCE, MISSOURI

ny masoko."[11] Vokatr'izany dia nangatahina izy mba hiverina isan-taona teny amin'ilay havoana tao anatin'ny efa-taona mandrapahavonona azy handray ireo takelaka (jereo ny Joseph Smith—Tantara 1:53–54).

Nitantara i Joseph fa rehefa azony avy tany amin'i Môrônia ihany tamin'ny farany ireo takelaka tamin'ny 1827, dia nahazo vato anankiroa koa izy mba hampiasaina amin'ny fandikana azy ireo. Nirakitra an-tsoratra ny mikasika an'ireo vato ireo izy sy ireo olona nifanerasera akaiky taminy ka namaritra izany ho toy ny fotsy na mazava ny endriny, mipetaka ao anatina zavatra volafotsy miendrika vona na tahon-tsolomaso toy ireny solomaso maoderina ireny, ary mifandray amin'ny sarontratra lehibe iray.[12] Araka io famariparitana io dia mety ho nafonja io fitaovana ampiasain'ny mpahita io. Nilaza ny renin'i Joseph Smith fa nesoriny teo amin'ilay saron-tratra ireo vato mba hahamora ny fampiasana izany.[13]

Ny lahatsoratry ny Bokin'i Môrmôna dia miantso ireo vato ireo hoe "fandikana" ary manazava fa "voaomana hatrany am-piandohana [izy ireo] ary nifanoloran'ny taranaka nifandimby, satria ny fikasana dia ny fandikana teny," izay "notanana sy notehirizin'ny tanan'ny Tompo" (Môsia 28:14–15, 20).


Ny boky dia mitantara ny fomba nanomezan'ny Tompo "vato roa" ny rahalahin'i Jareda niaraka tamin'ny fampanantenana fa hanampy ireo taranaka ho avy hahazo indray ny teniny izy ireo. "Soraty ireo zavatra ireo ary fehezo ireo," hoy ny Tompo nandidy azy, "ary Izaho haneho ireo amin'ny zanak' olombelona amin'ny fotoana mahamety izany Amiko." Ireo vato ireo hoy ny Tompo nanazava dia "[hanazava] eo imason'ny olona ireo zavatra izay hosoratanao ireo" (Etera 3:24, 27).

Rehefa nanakaiky ny fahavitan'i Joseph Smith ny fanononany ny dikantenin'ny Bokin'i Môrmôna nataony tamin'ireo mpandika soratra teo antenantenan'ny taona 1829, dia nazava bebe kokoa tao anatin'ilay lahatsoratra ny dikan'ny hoe *mpahita*. Ny Bokin'i Môrmôna dia ahitana faminaniana iray niantefa tamin'i Josefa tany Egypta izay nanambara fa ny iray amin'ireo taranany—i Joseph Smith raha ny marina—dia ho "mpahita nofinidy iray" hitondra ireo taranaka hafa "ho amin'ny fahalalana ny fanekempihavanana" izay nataon'Andriamanitra tamin'ny razan'izy ireo (2 Nefia 3:6, 7).

Ao anatin'ny tantara iray hafa ao amin'ny Bokin'i Môrmôna dia nomen'i Almà Zanany an'i Helamàna zanany lahy ireo fandikan-teny. Nanoro hevitra azy i Almà hoe: "[Tsimbino] ireo fandikan-teny ireo," izay ilazana an'ireo vato roa nipetaka tao anaty zavatra volafotsy miendrika vona. Saingy nanambara faminaniana iray koa i Almà izay toa miresaka momba ny vato tokana iray: "Ary hoy ny Tompo: Izaho hanomana ho an'i Gazelema mpanompoko, vato iray izay hamirapiratra ao amin'ny haizina" (Almà 37:21, 23).

Raha ny tsikaritra, na dia ao anatin'ilay sahan-kevitry ny hoe "ireo fandikan-teny" (manondro ny maro) aza, dia miresaka momba ny fanomezana "vato iray" (manondro ny tokana) ho an'ny mpanompo iray ho avy io faminaniana io (manondro ny tokana) "izay hamirapiratra ao amin'ny haizina."[14] Ireo Olomasin'ny andro farany tany am-piandohana dia nino fa io mpanompo nambara avy amin'ny faminaniana io dia i Joseph Smith.[15]

Raha ny marina dia nisy porofo ara-tantara izay maneho fa ankoatra ireo vato mpahita anankiray nantsoina hoe "fandikan-teny," dia nampiasa vato mpahita iray hafa i Joseph Smith farafahakeliny nandikana ny Bokin'i Môrmôna, ka matetika izany no napetrany tao anaty satroka mba hanakanana ny fidiran'ny hazavana. Nanao izany izy araka ireo olona niara-niaina tamin'i Joseph mba hahitana tsara kokoa ireo teny teo amin'ilay vato.[16]


Lehies dream of the ...
tasted yea and i behold that the fruit thereof was white
to exceed all the whiteness that i had ever seen and as
i partook of the fruit thereof it filled my soul with ex-
ceding great joy wherefore i began to be desirous that my
should partake of it also for i knew that it was desirous
Above all other fruit and as i cast my eyes round
that perhaps i might discover my family also
And i beheld a river of water and it ran along and it
near the tree of which i was partaking the fruit and
looked to behold from whence it came and i saw

***Sombiny avy tamin'ny pejy irain'ny rakitsoratry ny Bokin'i Môrmôna avy any ifotony izay ahitana ny fialan'ny fianakavian'i Lehia tany Jerosalema ka ao anatin'ny 1 Nefia 2 amin'izao fotoana izao izany. Nanonona ny tao anatin'ny Bokin'i Môrmôna tamin'ny mpandika soratra maro i Joseph Smith ka tao anatin'izany i Oliver Cowdery izay mpandika ireo andalan-tsoratra ireo.***

NAHAZOANA LALANA AVY TAMIN'NY TRANOMBOKIN'NY TANTARAN'NY FIANGONANA; SARY NOHATSARAINA MBA HAZAVA



*NY ANJELY MÔRÔNIA MANOME IREO TAKELAKA AN'I JOSEPH SMITH,* NATAON'I C. C. A. CHRISTENSEN

***Mpikamban'ny Fiangonana maro nandritra ny tantarany no nikatsaka ny hahatakatra ny tantaran'i Joseph Smith tany am-piandohana sy ny fomba nahitany sy nandikany ireo takela-bolamena. Ity sary nataon'ilay mpahaikanto C. C. A. Christensen ity tamin'ny 1886 dia mampiseho an'i Joseph Smith nandray ireo takelaka avy tany amin'ny anjely Môrônia.***

Nanomboka nampiasa ny teny tao anatin'ny Baiboly hoe "Orima sy Tomima" i Joseph Smith sy ireo mpiara-miasa taminy tamin'ny 1833 mba hilazana izay mety ho vato nampiasaina mba handraisana fanambarana masina, ka tafiditra tao anatin'izany ireo fandikan-tenin'ny Nefita sy ilay vato mpahita tokana.[17] Nampanahirana ny ezaka natao mba hamantarana ny fomba marina nandikan'i Joseph Smith ny Bokin'i Môrmôna io fiteny manokana somary manjavozavo io. Ankoatra ny fampiasana ireo fandikan-teny ireo araka ny nolazain'i Martin Harris, dia nampiasa iray tamin'ireo vato mpahita koa i Joseph mba hanamorana ny asa nandritra ny fandikana ny Bokin'i Môrmôna. Nisy loharano hafa izay nanamafy ny fanovan'i Joseph ny fitaovana nentiny nandikana teny.[18]

## Taorian'ny namoahana ny Bokin'i Môrmôna

Taorian'ny namoahana ny Bokin'i Môrmôna tamin'ny martsa 1830, dia nanomboka nanao asa mikasika ilay fantatsika amin'izao fotoana izao hoe Baiboly dikantenin'i Joseph Smith i Joseph Smith sy ireo mpitambokiny, izay fanovana ara-paminaniana nentina tao amin'ny Dikantenin'ny Mpanjaka James.[19] Noraketin'i Joseph fa tsy afaka nisafidy hampiasa ireo fandikan-teny ireo izy tamin'io asa fandikan-teny io satria efa tsy teo am-pelatanany intsony izany.

Manazava ny ao amin'ny tantaran'i Joseph fa "noho ny fahendren'Andriamanitra dia tafajanona soa aman-tsara teo am-pelatanako [ireo takelaka sy fandikan-teny], mandrapahavitako taminy izay nangatahina tamiko. Nony tonga haka izany ilay iraka, araka ny nifanarahana, dia natolotro azy izany; ka izy no efa miahy izany hatramin'ny andro androany" (Joseph Smith—Tantara 1:60).

Nanazava izany ny Filoha Brigham Young (1801–77), "Naverin'i Joseph niaraka tamin'ireo takelaka ny O[rima sy] T[omima] rehefa vita ny fandikany."[20]

Nanana vato mpahita hafa i Joseph, saingy araka ny tenin'ny Loholona Orson Pratt (1811–81), mpikambana iray tao amin'ny Fiadidian'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ary Mpahaitantaran'ny Fiangonana taty aoriana, dia nihamatotra tamin'izany fotoana izany ny fahatakaran'i Joseph arapanahy. Nandritra ilay fivoriana tamin'ny 28 jona 1874, izay natrehin'ny Filoha Brigham Young sy ny Manampahefana Ambony maro, dia nilaza tamin'ny mpanatrika azy teo ny Loholona Pratt fa "nanatrika imbetsaka" tamin'ny fotoana "nandikan'i [Joseph Smith] ny Testamenta Vaovao." Rehefa tsy nahita fitaovana entina mandika teny izy nandritra ilay fotoana nandikana teny dia nanontany tena hoe "nahoana i Joseph no tsy nampiasa ny Orima sy Tomima toy ny nataony tamin'ny fandikana ny Bokin'i Môrmôna?"

Raha teo am-pijerena ny Mpaminany nandika teny ny Loholona Pratt, "dia nitraka i Joseph, toy ireny nahafantatra ny tao an-tsainy ireny, ka nanazava fa ny Orima sy Tomima dia nomen'ny Tompo azy tamin'izy tsy nanana traikefa mikasika ny Fanahy ahazoana aingam-panahy. Saingy efa lasa lavitra ny fivoarany tamin'izay ka takany ny fomba fiasan'izany Fanahy izany ary tsy nila fanampiana avy amin'io fitaovana io izy."[21]

Nozarain'i Brigham Young teo anatrehan'ny olona mpanatrika fivoriana iray ilay eritreriny hahazo vato mpahita iray. Niteny izy hoe, "tsy fantatro tsara raha toa aho ka naniry ny hanana anankiray tokoa hatramin'izay."[22] Ny zavatra nolazain'i Brigham dia naneho ny fahatakarany fa tsy voatery ilaina ny vato mpahita mba hahatongavana ho mpahita.

Nanatrika fihaonambe iray tany Orange, Ohio i Joseph Smith tamin'ny 25 Ôktôbra 1831. Nandritra ilay fihaonambe dia nilaza i Hyrum rahalahiny fa "araka ny eritreriny dia tena tsara raha toa ka i Joseph tenany mihitsy no milaza amin'ireo Loholona ny fampahalalana ny fomba nahatongavan'ny Bokin'i Môrmôna mba hahafahan'ny rehetra mahafantatra ho an'ny tenany manokana." Araka ny zavatra notanana an-tsoratra mikasika io fivoriana io dia nilaza i Joseph "fa tsy nisy ny fikasana hilaza amin'izao tontolo izao ireo antsipirian-javatra mikasika ny fomba nahatongavan'ny Bokin'i Môrmôna" ary "tsy zava-dehibe ho azy ny fitantarana ireo zavatra ireo."[23] Noho izy nihamatotra teo amin'ilay anjara asany amin'ny maha-mpahita azy sy noho ny nahazoany finoana fa tsy voatery ilaina ahazoana fanambarana ireo vato mpahita, dia angamba niahiahy izy sao hifantoka loatra amin'ny fomba nahatongavan'ny boky ny olona ka zara raha hifantoka amin'ilay boky.



SARY TAMIN'NY TAONA 1866 TEO HO EO, NAHAZOANA LALANA AVY TAMIN'NY TRANOMBOKIN'NY TANTARAN'NY FIANGONANA

***Azon'i Phineas Young, izay mipetraka eo afovoan-dry Young mirahalahy isany ary eo ankavian'i Brigham Young, tany amin'i Oliver Cowdery ilay vato mpahita iray nampiasaina tamin'ny fandikana ny Bokin'i Môrmôna.***



SARY NALAIN' I WELDEN C. ANDERSEN SY RICHARD E. TURLEY JR.

***Ity vato eto amin'ity sary ity dia nisy ifandraisany nandritra ny fotoana ela tamin'i Joseph Smith sy ny fandikana ny Bokin'i Môrmôna. Ny vato nampiasain'i Joseph Smith tamin'ny fandikana ny Bokin'i Môrmôna dia nolazaina matetika fa vato miloko manja mena ary miendrika salavalava. Io vato io avy tany amin'i Joseph Smith, dia nomena an'i Oliver Cowdery ary avy eo nomena ny Fiangonana tamin'ny alalan'i Brigham Young sy ny hafa.***

## INONA NO NITRANGA TAMIN' ILAY VATO MPAHITA?

Araka ny tantaran'i Joseph Smith dia naveriny tany amin'ilay anjely ny Orima sy Tomima na "ireo fandikan-tenin'ny" Nefita. Saingy inona no nitranga tamin'ilay vato mpahita iray hafa na ireo vato mpahita hafa izay nampiasain'i Joseph tamin'ny fandikana ny Bokin'i Môrmôna?

Nanoratra i David Whitmer hoe "taorian'ny fahavitan'ny fandikana ny Bokin'i Môrmôna tany am-piandohan'ny lohataon'ny taona 1830, talohan'ny 6 aprily, dia nomen'i Joseph an'i Oliver Cowdery ilay vato ary nilaza tamiko sy ny ambiny koa fa vita ny nilany azy ary tsy nampiasa ilay vato intsony izy."[1]


I Oliver, izay tany ivelan'ny Fiangonana nandritra ny folo taona mahery mandra-pahavita batisa azy indray tamin'ny 1848, dia nikasa ny handeha ho any andrefana hiaraka amin'ireo Olomasina any Utah, saingy nodimandry tamin'ny 1850 tany Richmond, Missouri izy talohan'ny nanaovany ilay dia.[2] I Phineas Young, izay nanampy an'i Oliver Cowdery hiverina tao amin'ny Fiangonana, no nahazo ilay vato mpahita avy tamin'ny vadin'i Oliver, izay anabavin'i David Whitmer, Elizabeth Ann Whitmer Cowdery. Nomen'i Phineas indray an'i Brigham Young rahalahiny izany.[3]

Nanaiky ny Filoha Young tamin'ny 1853 hoe, "Aty amiko ilay Vato Mpahita voalohany an'i Joseph izay azoko avy tany amin'i Oliver Cowdery, ilay anankiray hita tao amin'ny lavadrano izay nahazoany ireo takelaky ny Bokin'i Môrmôna." Mbola nisy hafa koa. "Nanana anankitelo i Joseph izay any amin'i Emma," hoy izy nanampy, "kely anankiroa dia lehibe anankiray."[4] Roa taona taty aoriana dia nilaza tamin'ireo mpitarika tao amin'ny Fiangonana izay tafavory i Brigham Young hoe, "nalefan'i Oliver taty amiko ny vato mpahita voalohan'i Joseph, notehiriziny tany foana izany mandra-pandefany azy taty amiko."[5]

Taorian'ny fahafatesan'i Brigham Young, i Zina D. H. Young izay iray tamin'ireo vadiny ary lasa filohan'ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany fahatelo taty aoriana, dia nahazo vato mpahita miloko manja mena tao anatin'ny taniny izay nitovy tamin'ilay famariparitana ny vato nampiasain'i Joseph mba handikana ny Bokin'i Môrmôna, ary dia nomeny ny Fiangonana izany.[6] Nanomboka tamin'izay fotoana izay dia mpitarika maro nifandimby tao amin'ny Fiangonana no nanaiky ny fananan'ny Fiangonana ilay vato mpahita.[7]

**FANAMARIHANA**

1. David Whitmer, *An Address to All Believers in Christ* (1887), 32.
2. Mba hahazoana fampahalalana bebe kokoa momba ny fiverenan'i Oliver Cowdery tao amin'ny Fiangonana dia jereo ny Scott F. Faulring, "The Return of Oliver Cowdery," ao amin'ny John W. Welch sy Larry E. Morris, mpamoaka boky, *Oliver Cowdery: Scribe, Elder, Witness* (2006), 321–62.
3. Jereo ny fitanana an-tsoratra ny fivoriana, 30 sept.1855, Tranombokin'ny Tantaran'ny Fiangonana, Salt Lake City; "David Whitmer," *The Historical Record,* ôkt. 1888, 623; Maria L. Cowdery Johnson hatrany amin'i David Whitmer, 24 jan. 1887, Community of Christ Library-Archives, Independence, Missouri; ary Franklin D. Richards, Journal, 9 mar. 1882, Tranombokin'ny Tantaran'ny Fiangonana.
4. Fitanana an-tsoratra ny fivoriana, 17 apr. 1853, Tranombokin'ny Tantaran'ny Fiangonana.
5. Fitanana an-tsoratra ny fivoriana, 30 sept. 1855, Tranombokin'ny Tantaran'ny Fiangonana.
6. Jereo ny Zina Young hatrany amin'ny Franklin D. Richards, 31 jolay 1896, ao amin'ny Journal History of The Church of Jesus Christ of Latter-day Saints, 31 jolay 1896, 4, Tranombokin'ny Tantaran'ny Fiangonana.
7. Jereo ny B. H. Roberts, *A Comprehensive History of the Church,* 6:230–31; Joseph Fielding Smith, *Doctrines of Salvation,* natambatr'i Bruce R. McConkie, boky 3 (1954–56), 3:225; Bruce R. McConkie, *Mormon Doctrine,* boky navoaka faha 2 (1966), 818–19.




NAHAZOANA LALANA AVY TAMIN'NY TRANOMBOKIN'NY TANTARAN'NY FIANGONANA

***Tamin'ny 1883 ny* The Contributor, *izay gazetibokin'ny navoakan'ny Fiangonana, dia nampiseho ireo Vavolombelona Telon'ny Bokin'i Môrmôna. Efa nankasitrahan'ny Olomasin'ny Andro Farany hatry ny ela ny anjara biriky lehibe nentin'ny lehilahy tsirairay mba hanampiana an'i Joseph Smith handika sy hamoaka ny Bokin'i Môrmôna.***

Ny fanamarihana tena manan-danja indrindra nataon'i Joseph Smith mikasika ny fandikana ny Bokin'i Môrmôna dia ny hoe, nataony "tamin'ny alalan'ny hery sy fanomezam-pahasoavan'Andriamanitra" izany.[24] Nampianatra ireo mpitarika tao amin'ny Fiangonana izy fa io boky io, "no boky marina indrindra amin'ny boky rehetra eto an-tany sy vato ifaharan'ny fivavahantsika," ary "hanatona bebe kokoa an'Andriamanitra" ireo mpamaky amin'ny alalan'ny fankatoavana ny fepetra ao anatiny "toy izay [amin'ny alalan'ny] boky hafa."[25] ■

**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 115
2. Sasinteny momba ny Bokin'i Môrmôna, tany amin'ny Aog. 1829 tany, ao amin'ny *Documents, Boky 1: Jolay 1828–Jona 1831,* boky 1 an'ny Documents tohin-daharan'ny *The Joseph Smith Papers* (2013), 93. Jereo koa "Ny Tenivavolombelon'ny VavolombelonaTelo," Bokin'i Môrmôna.
3. Jereo ny Eksodosy 4:1–5, 17, 20–21; 7:8–21; 8:16–19; 9:22–26; 10:12–15; 14:15–18; 17:1–13; Nomery 17:1–10; 20:7–11; Hebreo 9:4.
4. Jereo ny Nomery 21:7–9; Jaona 3:14–15.
5. Jereo ny Eksodosy 28:12; 35:9, 27; 1 Samoela 23:9–12; 30:7–8.
6. Jereo ny Eksodosy 28:30; Levitikosy 8:8; Nomery 27:21; Deoteronomia 33:8; 1 Samoela 28:6; Ezra 2:63; Nehemia 7:65.
7. Ho fampahalalana bebe kokoa momba an'io kolontsaina ara-pivavahana tamin'ny taonjato faha 19 io dia jereo ny *Journals, Boky 1: 1832–1839,* boky 1 an'ny Journals tohin-daharan'ny *The Joseph Smith Papers* (2008), xix; ary *Revelations and Translations, Boky 3: Printer's Manuscript of the Book of Mormon,* boky 3 an'ny Revelations and Translations tohin-daharan'ny *The Joseph Smith Papers* (2015), xv–xvi; Dallin H. Oaks, "Recent Events Involving Church History and Forged Documents," *Ensign,* ôkt. 1987, 68–69.
8. Jereo ny teny nambaran'i Joseph Smith Sr., izay notsoahina tao amin'ny Francis W. Kirkham, *A New Witness for Christ in America: The Book of Mormon,* boky 2 (1959), 366; jereo koa ny Lucy Mack Smith, "Lucy Mack Smith, History, 1844–1845," boky 3, pejy 10, josephsmithpapers.org/paperSummarylucy-mack-smith-history-1844-1845. Tsaroan'i Martin Harris ny fitsapany ny fahaiza-manaon'i Joseph tamin'ny alalan'ny fangatahana azy hitady paingotra tao anaty mololo (jereo ny "Mormonism—No. II," *Tiffany's Monthly,* jolay 1859, 164).
9. Jereo mba hahitana ohatra ny Joseph Smith—Tantaraao amin'ny Voahangy Lafo Vidy.
10. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 130:10–11. Jereo koa ireo teny tany am-boalohany indrindra izay ankehitriny hita ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 8, izay niantefa tamin'i Oliver Cowdery rehefa naniry ny hanampy an'i Joseph Smith izy tamin'ny fandikana ny Bokin'i Môrmôna (Fanambarana, apr. 1829–B, ao amin'ny *Documents, Boky 1: jolay 1828–jona 1831,* 44–47).
11. Joseph Smith, "History, History, ca. Summer 1832," ao amin'ny *Histories, Boky 1: 1832–1844,* boky 1 an'ny Histories tohin-daharan'ny *The Joseph Smith Papers* (2012), 14.
12. Jereo ny Joseph Smith—Tantara 1:35; Joseph Smith, "Church History," ao amin'ny *Histories, Boky 1: 1832–1844,* 495; Martin Harris, ao amin'ny "Mormonism—No. II," 165–66; "Lucy Mack Smith, History, 1844–1845," boky 5, pejy 7–8, josephsmithpapers.org.
13. Jereo hahitana ohatra ny, "Lucy Mack Smith, History, 1844–1845," boky 5, josephsmithpapers.org.
14. Azo an-tsaina fa nahavariana ireo mpanao fanamarihana io fahasamihafana io. Jereo hahitana ohatra ny Bruce R. McConkie, *Mormon Doctrine,* boky nivoaka faha 2 (1966), 307–8; Joseph Fielding McConkie sy Robert L. Millet, *Doctrinal Commentary on the Book of Mormon,* boky miisa 4 (1987–92), 3:278; ary Matthew B. Brown, *All Things Restored: Confirming the Authenticity of LDS Beliefs* (2000), 62.
15. Jereo ny William W. Phelps, Funeral Sermon of Joseph and Hyrum Smith, Tranombokin'ny tantaran'ny Fiangonana, Salt Lake City; ny Orson Pratt, "Explanation of Substituted Names in the Covenants," *The Seer,* mar. 1854, 229; William W. Phelps, letter to Brigham Young, 10 apr. 1854, ao amin'ny Brigham Young, Office Files, 1832–1878, Tranombokin'ny Tantaran'ny Fiangonana, Salt Lake City sy *Revelations and Translations, Boky 2: Published Revelations,* boky 2 an'ny Revelations and Translations tohin-daharan'ny *The Joseph Smith Papers* (2011), 708–9.
16. Ho fampahalalana bebe kokoa momba ilay fandikanteny dia jereo ny "Book of Mormon Translation," izay hita ao amin'ny lds.org/topics/book-of-mormon-translation. Jereo koa ny Russell M. Nelson, "A Treasured Testament," *Ensign,* jolay 1993, 61–65; Neal A. Maxwell, "By the Gift and Power of God," *Ensign,* jan. 1997, 36–41.
17. I Wilford Woodruff, ohatra, dia niantso vato mpahita iray izay hitany tany Nauvoo hoe Orima sy Tomima iray (Wilford Woodruff journal, 27 Des. 1841, Tranombokin'ny Tantaran'ny Fiangonana). Jereo koa ny *Revelations and Translations, Boky 3: Printer's Manuscript of the Book of Mormon,* xix.
18. Jereo koa ny *Revelations and Translations, Boky 3: Printer's Manuscript of the Book of Mormon,* xviii–xix.
19. Mba hahitana ny famintinana fohy io ezaka natao io dia jereo ny *Documents, Boky 1: jolay 1828–jona 1831,* 150–52.
20. Fitanana an-tsoratra ny fivoriana, 17 apr. 1853, Tranombokin'ny Tantaran'ny Fiangonana.
21. "Two Days' Meeting at Brigham City, June 27 and 28, 1874," *Millennial Star,* 11 aog. 1874, 498–99.
22. Fitanana an-tsoratra ny fivoriana, sept. 30, 1855, Tranombokin'ny Tantaran'ny Fiangonana.
23. Fitanana an-tsoratra ny fivoriana, 25-26 ôktôbra 1831, ao amin'ny *Documents, Boky 2: jolay 1831–janoary 1833,* boky 2 an'ny Documents tohin-daharan'ny *The Joseph Smith Papers* (2013), 84.
24. Sasinteny momba ny Bokin'i Môrmôna, tany amin'ny aog. 1829 tany, ao amin'ny *Documents, Boky 1: jolay 1828–jona 1831,* 93. Jereo koa ny "Ny Tenivavolombelon'ny Vavolombelona Telo," Bokin'i Môrmôna.
25. Joseph Smith, ao amin'ny diarin'i Wilford Woodruff, nôv. 28, 1841, Tranombokin'ny Tantaran'ny Fiangonana; na fampidirana ny Bokin'i Môrmôna.

*TAMIN'NY ALALAN'NY FANOMEZAM-PAHASOAVAN'ANDRIAMANITRA SY NY HERINY,* NATAON'I SIMON DEWEY, NAHAZOANA LALANA AVY TAMIN'NY ALTUS FINE ARTS

## FAMPISEHOANA AN-TSARY NY DINGAN'NY FANDIKAN-TENY

Nikatsaka ny haneho an-tsary ny fandikana ny Bokin'i Mômôna ireo mpahaikanto nandritra ny taona maro, ka nampiseho ireo mpandray anjara tamin'izany tao anatin'ny toerana isehoan-javatra sy fipetraka amin'ny endriny maro miaraka amin'ny fitaovana samihafa. Ny fanehoana an-tsary ara-haikanto tsirairay dia mifototra amin'ny fomba fijerin'ny mpahaikanto manokana sy ny fikarohana nataony ary ny famoronana avy ao an-tsainy izay indraindray nampian'ny fampahalalana sy torolalana avy amin'ny hafa. Ireto ny sasantsasany tamin' ireo sary izay novokarina tao anatin'ny taona maro nifanesy.




I JOSEPH SMITH MANDIKA NY BOKIN'I MÔRMÔNA, NATAON'I DEL PARSON

*Fanehoan'ny mpahaikanto iray an-tsary an'i Joseph Smith sy i Oliver Cowdery manao ny fandikan-tenin'ny Bokin'i Môrmôna. I Oliver Cowdery dia nilaza tsara araka ny aseho an-tsary eto fa* **tsy** *nahita ireo takelaka izy raha tsy taorian'ny fahavitan'ny fandikan-teny. Nilaza ireo vavolombelona nahita ny dingana narahina fa natao izay tsy ahitana maso ireo takelaka toy ny hoe norakofana tamin'ny alalan'ny lamba matevina izany.*



*Fanehoan'ny mpahaikanto iray an-tsary an'i Joseph Smith mandalina ireo takelaka. Tsaroan'i Joseph hoe "naka tahaka endri-tsoratra maro" teo amin'ny takelaka izy. Rehefa avy nandika ireo endri-tsoratra ireo izy "tamin'ny alalan'ny Orima sy Tomima," dia nentin'i Martin Harris tany amin'i Charles Anthon sy manam-pahaizana hafa ireo endri-tsoratra ireo mba hanamarinana ny dikanteny (Joseph Smith—Tantara 1:62–64).*



FANDIKANA IREO TAKELAKA, NATAON'I EARL JONES, NAHAZOANA LALANA AVY TAMIN'NY TRANOMBAKOKY NY FIANGONANA

*Fanehoan'ny mpahaikanto iray an-tsary an'i Joseph Smith sy ny mpandika soratra iray manao ny fandikan-teny ka misy bodofotsy eo anelanelan'izy ireo. Na dia tsy nisy bodofotsy voalaza aza tao anatin'ny ankamaroan'ireo fanazavana mikasika ny dingana nizoran'ny fandikan-teny dia nisy anankiray nampiasaina raha ny fahafantarana azy tany am-piandohana mba tsy hahitan'ilay mpandika soratra maso an'ireo takelaka na solomaso na saron-tratra. Nandritra ny asa fandikan-teny taty aoriana dia mety nampiasaina ny bodofotsy mba hiarovana ny mpandika tena sy mpandika soratra tsy ho hitan'ny olona hafa liana te hijery ny fandikan-teny.*

*Fanehoan'ny mpahaikanto iray an-tsary an'i Joseph Smith mandika teny sady manao ilay saron-tratra miraikitra amin'ilay fandikan-teny na solomaso izay nantsoina hoe Orima sy Tomima taty aoriana.*



SARY NATAON'I ROBERT T.BARRETT

# Teny HANOVANA NY tontolonay

**Nosoratan'i Norman C. Hill**
Filohan'ny Misiôna avaratr'i Accra Ghana

*Nampisehon'ny filankevitry ny distrika iray tany Ghana fa afaka miteraka fivoaran'ny tena manokana sy fanompoana ny hafa ny fiarahana mifanoro hevitra.*


Naniry mafy ny hianatra hamaky sy hanoratra teny Anglisy rahavavy Vida Osei avy any Ghana. Nanandrana imbetsaka nandray anjara tamin'ireny fandaharanasa natolotry ny fiaraha-monina ireny izy saingy kivy ary niala an-daharana herinandro vitsivitsy taorian'izany. Dia indray alahady raha nanatrika fivoriana tao amin'ny sampana faharoa izy dia naheno fa miantoka fandaharanasa fianarana mamaky sy manoratra teny Anglisy ny distrikan'i Asamankese. Nanapakevitra ny hanandrana izy ka hisoratra anarana.

Vetivety dia hitany fa niavaka ilay fandaraharanasa. Ho afaka ny hanatrika izany miaraka amin'ny namana ao am-piangonana izy. Ny soratra masina no ampiasaina ho toy ny fitaovana enti-mianatra ka sady hianatra teny Anglisy izy izany no hianatra ny filazantsara.

Roa volana taorian'ny nanombohany nanatrika ilay fotoam-pianarana dia nanao ny vavany voalohany i Vida tao an-dakilasy—izay no voalohany hatramin'izay. Telo volana taorian'ny nanombohany dia nanao ny lahateniny voalohany hatramin'izay nandritra ny fivoriana fanasan'ny Tompo izy ka nanao ny antsasak'izany tamin'ny fiteny Twi, teny Afrikana eo an-toerana ary ny antsasany tamin'ny teny Anglisy. Efa-bolana taorian'ny nanombohany izany dia nanomboka nanoratra tao anatin'ny kahie rovidrovitra iray ireo zavatra ilain'ny mpanjifa sy ny vola lany ary ny vidin'entana izy ho an'ny asany amin'ny maha-mpanjaitra miasa tena azy. Lasa vitsy kokoa ny fahadisoana nataony tamin'ireo mpanjifa, ary nahazo vidin-javatra ambany avy amin'ny mpivarotra izy ary nahazo vola bebe kokoa noho ny tamin'ireo volana lasa tany aloha.

"Menatra loatra fotsiny hanatrika fotoam-pianarana mamaky teny sy manoratra miaraka amin'olona aho," hoy izy. "Saingy rehefa notanterahina tany amin'ny trano fivoriana niaraka tamin'ny mpikambana fantatro ilay fianarana mamaky teny sy manoratra dia nanome ahy herimpo hanandrana indray izany. Ary amin'izao fotoana izao dia afaka mamaky ny soratra masina sy manatsara ny asako aho amin'ny alalan'ny famakiana sy fanoratana teny Anglisy."

Any Afrique subsaharienne dia maro ny olona izay tsy mahay mamaky teny sy manoratra indrindra fa ny vehivavy. Tena mihanaka ny tsy fahaizana mamaky teny sy manoratra hany ka misy ohabolana Afrikana fahiny iray milaza hoe, "Raha te hanafina zavatra ianao dia soraty ao anaty boky izany." Mitombo anefa



SARY NATAON'I TAYLOR GALLERY





***Nikorana nandritra ny lanonana fanomezana mari-pankasitrahana tao anatin'ilay fandaharanasa fianarana mamaky teny sy manoratra niantohan'ny distrika ireo mpandray anjara sy olona tao anatin'ny fianakaviana ary namana.***

ny fahaizana mamaky teny sy manoratra ho an'ny vehivavy Olomasin'ny Andro Farany toa an'i Vida.

### Olana tokony horesena

Ny tsy fahampian'ny trano fianarana sy ny fanolorana fampianarana maimaim-poana any amin'ny ankamaroan'ireo firenena subsahariens dia midika hoe voafetra ireo fahafahana manao zavatra, indrindra ho an'ny zatovovavy. Toa fahaizana tsy mba ho tratra ho an'ny olona maro izany hoe mamaky teny izany noho ny halafon'ny fianarana sy ny famerana ny zon'ny zatovovavy eo amin'ny fiaraha-monina. Any Ghana ohatra na dia ny teny Anglisy aza no fiteny ôfisialy dia manambara ny fanadihadiana fa ny antsasany latsaka amin'ireo vehivavy lehibe no miteny Anglisy. Tsy mahay mamaky teny sy manoratra ny roa ampahatelon'ny vehivavy lehibe any amin'ny faritra ambanivohitr'i Ghana.

"Tsy miteny Anglisy ny ankamaroan'ny vehivavy lehibe any amin'ireo tanànanay sy ambanivohitray," hoy i Seth Oppong, filohan'ny Distrikan'i Abomosu ao amin'ny Misiôna avaratr'i Accra Ghana. "Fiteny ifandraisana am-bava fotsiny nandritra ny taonjato maro ny fiteny Twi izay fiteny ampiasainay eo an-toerana. Vao haingana no noforonina ny abidia ho an'ny fiteny Twi, noho izany dia olona vitsy ihany no mahay mamaky izany."

"Tsy maintsy miantehitra amin'ny hafa ny rahavavy—indrindra amin'ny vadiny raha manambady izy ireo na amin'ny zavatra henony amin'ny namany raha tsy manambady izy ireo—mba hahatakarana ireo fitsipiky ny filazantsara sy ny Fiangonana," hoy ny fanazavan'i Georgina Amoaka, filohan'ny Fikambanana Ifanampian'ny distrika. "Maro ireo manana faniriana lehibe mba hanompo saingy tsy afaka mamaky boky na gazetiboky izy ireo ka dia voafetra ny fahafahany mandray anjara ao am-piangonana."

### Torohevitra avy amin'ny filankevitra

Tsy miteny Anglisy ny vehivavy any an-tokantranony na any an-tsena fa ny fahafahana mba handray anjara ao am-piangonana no tena nanosika azy ireo hianatra ilay fiteny. Mety ho tratran'ny fanoherana avy amin'ny fianakaviana anefa ireo mpikambana efa ela sy vaovao mikasika ilay fandaharanasa mamaky teny sy manoratra. Niresaka momba izany olana izany ny filankevitry ny distrika ary avy eo niresaka tamin'ireo mpitarika tao amin'ny fisoronana sy vondrona fanampiny tany amin'ny sampana tsirairay mikasika ny fanapariahana manerana ny distrika ilay fampianarana mamaky teny sy manoratra. Na dia natao ho an'ny vehivavy rehetra ao anatin'ny fiaraha-monina aza ilay fandaharanasa dia hifantoka amin'ny vehivavy ao amin'ny Fiangonana izany. Fanasana mba hanatrika miaraka amina vondron'olona no natao fa tsy fanasana olona mandeha tsirairay—ohatra, hiaraka hanatrika ny fiadidian'ny Fikambanana Ifanampiana sy ny Kilonga mba hahafahan'izy ireo mifanohana.

Nandray fanapahan-kevitra nifototra tamin'ny fifanakalozan-kevitra natao tany amin'ireo sampana ny mpitarika tao amin'ny distrika fa hisy ny fotoam-pianarana mamaky teny sy manoratra any amin'ny sampana tsirairay isaky ny alahady ary indroa mandritra ny herinandro. Aorian'ny ezaka mafy mandritra ny enim-bolana dia homena taratasy mari-pankasitrahana noho ny fahavitan'ny fianarana ireo izay nanatrika tsy tapaka sy nahavita ireo enti-mody nasaina natao.

### Fitaovana ampifanarahana amin'ny zavatra ilaina

"Anisan'ny iray tamin'ireo olana ny fitadiavana fomba hampianarana mamaky teny sy manoratra olona izay tsy manana afa-tsy fiteny ifandraisana am-bava fotsiny," hoy ny fanazavan'i Elder Jim Dalton, izay misiônera zokiolona nanompo tao amin'ny distrika. "Noho ny fampiasana efa nentim-paharazana ny fiteny Twi nandritra ny fotoana ela ho toy ny fiteny ifandraisana am-bava fa tsy natao hosoratana dia tsy mahay manoratra ny ankamaroan'ny olona miteny izany, ka dia tsy maintsy natombokay tamin'ny fianarana manoratra izany."

Niara-niasa tamin'i Francis Ansah sy Cecelia Amankwah izay misiônera anankiroa efa nahavita ny asa fitoriany i Ransford Darkwah avy ao amin'ny filankevitra avon'ny distrikan'i Abomosu mba hampiasa boky novokarina teo an-toerana. Nampisehoana sary ireo mpandray anjara ary nangatahina izy ireo mba hanoratra ny zavatra hitany. Nanampy azy ireo hampivelatra fahaizana fototra eo amin'ny fanoratana izany teo am-pianarana mieritreritra amin'ny teny Anglisy. Raha vao tafalentika tsara ireo fahaizana fototra dia azo atao amin'izay ny nampiasa fitaovampianarana ambony kokoa.

### Fiomanana sy fitondrana zava-baovao

Alohan'ny hiantombohan'ny fandaharanasa dia hofanin'ny tompon'andraikitra misahana ny fampianarana mamaky teny sy manoratra ireo mpampianatra ka tsy momba ny fomba fampianarana fotsiny no hanofanana azy fa momba ireo fomba mora hitandroana ny fahasalamana sy hikarakarana ny fianakaviana koa. Saingy na

ilay fanofanana faran'izay tsara aza dia tsy afaka nahita mialoha ireo olana sasantsasany nitranga raha vao nanomboka ny fotoam-pianarana: Nanahirana ny fanatanterahana ny fotoam-pianarana amin'ny hariva noho ny fahatapahan-jiro matetika, nampiteraka tebiteby ny tsaho nandeha fa misy jiolahimboto mpitrandraka volamena mirenireny eny amin'ny arabe amin'ny alina ary indraindray tsy afaka tonga ara-potoana mba hanokatra ny tranon'ny fiangonana ireo manana ny fanalahidy.

Nifanakalo hevitra indray mandeha indray mikasika ny zavatra tokony hatao ny filankevitry ny distrika. Vokatry ny torohevitra avy amin'izy ireo dia nanomboka nivondrombondrona ny mpandray anjara rehefa nandeha nianatra. Nomena lampe de poche izy ireo mba hanampiana azy ireo tsy ho azon-doza rehefa mandeha eny an-dalana. Nanome alalana ny hampiasana ny groupe électrogène any am-piangonana amin'ny alina ny mpitarika teo an-toerana. Nomena an'ireo mpikambana azo itokiana nipetraka teo akaikin'ny tranon'ny fiangonana ireo fanalahidy mba hahafahan'izy ireo manokatra izany ara-potoana.

### Fandraisam-pitenenana nandritra ny fizarana mari-pankasitrahana

Mpikambana sy naman'ny fiangonana miisa iraika amby enimpolo no nanomboka nandray anjara tamin'ilay fandaharanasa. Telo amby efapolo no nanatrika ny fotoam-pianarana rehetra sy nahavita ny enti-mody rehetra. Nasaina mba handray fitenenana fohy izy ireo nandritra ny fizarana mari-pankasitrahana.

"Tsy nahay namaky teny mihitsy aho talohan'ny nanombohan'ity fandaharanasa fianarana mamaky teny sy manoratra ity," hoy i Sandra Obeng Amoh avy ao amin'ny sampan'i Sankubenase. "Tsy mba nanao takarivan'ny mpianakavy velively aho rehefa lasa mandeha lavitra amin'ny asany ny vadiko. Herinandro vitsivitsy lasa izay, rehefa lasa izy dia nampian'ny zanako lahimatoa hamaky ilay boky aho ka dia nizara lesona tamin'ny teny Anglisy tamin'ireo zanako aho. Nanomboka tamin'izay dia nataoko foana izany isaky ny herinandro tsy maha-ao an-trano ny vadiko."

Namaky fijoroana ho vavolombelona ahitana fehezanteny miisa telo izay nosoratany i Prosper Gyekete, izay na dia zara raha nahay teny Anglisy aza dia nitoetra ho mpikambana mahatoky tao amin'ny sampana faharoan'i Abomosu. Nilaza izy fa tsy nahay namaky teny sy nanoratra talohan'ilay fianarana saingy amin'izao fotoana izao izy dia afaka manampy ny zanany kely manao ny enti-modiny. "Noho ny zavatra nianarako," hoy izy, "dia afaka ny ho ray tsara kokoa aho."

"Afaka mamaky ny soratra masina irery aho amin'izao fotoana izao," hoy i Kwaku Sasu avy ao amin'ny sampan'i Kwabeng. "Fantatro teo aloha fa marina ny Bokin'i Môrmôna na dia tsy afaka namaky izany aza aho. Fantatro fa marina izany ankehitriny *satria* namaky izany aho. Mihamitombo ny fijoroana ho vavolombelona ananako."

Nilaza ireo mpikambana tao amin'ny fiadidian'ny Fikambanana Ifanampian'ny sampana Asunafo fa nanokana ny Alakamisy izy ireo mba hifampiresahana amin'ny teny Anglisy fotsiny. "Lava kokoa ny fifampiresahana sasany tamin'izay andro izay satria tsy hainay hoe inona ireo teny marina tokony holazainay," hoy i Evelyn Agyeiwaa, filohan'ny Fikambanana Ifanampiana. "Saingy fotoana fohy taorian'izay dia nanomboka nifandika teny izahay ka nitady izay teny marina tokony holazaina. Tsy nisy taminay menatra na nahotra hiteny teny diso satria niara-nianatra izahay. Nifanampy tsotra fotsiny izahay."

### Niavosa ny fitahiana

Nilaza ireo vehivavy izay nahavita nanaraka ilay fandaharanasa fampianarana mamaky teny sy manoratra fa nahazo aina bebe kokoa izy ireo ary tena afaka nandray anjara tao am-piangonana. Lasa vonona bebe kokoa hanaiky antso sy hamaky soratra masina ary hampianatra any am-piangonana sy any an-trano izy ireo. Nisy lehilahy vitsivitsy nahavita nanaraka ilay fandaharanasa koa. Ny akamaroan'izy ireo dia mpanao fambolena sy fiompiana hameloman-tena, izay nilaza fa afaka manao kajy tsara kokoa ny vola mivoaka sy ny famarotany ny vokany izy ireo, sy manampy ny zanaka amin'ny fanaovana enti-mody ary mamaky soratra masina irery sy miaraka amin'ny fianakaviany.

Rehefa nahazo hery tamin'ny fahitana ny fahombiazana tany Abomosu, dia nanomboka ny fandaharanasany momba ny fampianarana mamaky teny sy manoratra koa ny distrikan'i Asamankese izay mifanakaiky aminy eo.

"Manova ny fiainanay sy ny fiainan'ireo zanakay ny fahafahana mamaky teny sy manoratra," hoy i Gladis Aseidu ao amin'ny sampan'i Sankubenase. "Manova ny tontolonay ny teny ary misaotra ny Rainay any an-danitra izahay." ■

### FIZAKAN-TENA TENA MIAVAKA



Tsy misy valiny iray monja mety amin'ny rehetra natokana ho an'ny fifanampiana ato amin'ny Fiangonana. Izany dia fandaharanasa manampy ny tena izay ny tsirairay no tompon'andraikitra amin'ny fizakan-tenany manokana. Ny loharano izay ananantsika dia ahitana ny vavaka manokana, ny talenta manokana nomen'Andriamanitra sy ny fahaiza-manao sy ny zavatra maro ananantsika amin'ny alalan'ny fianakaviantsika sy ny havantsika sy ny loharano samihafa misy eo amin'ny fiaraha-monina ary mazava ho azy ny fanohanan'ny kôlejin'ny loholona sy ny Fikambanana Ifanampiana. . . .


"Amin'ny farany dia tsy maintsy manao izay nataon'ny mpianatry ny Tompo nandritra ny fotoampitantanana rehetra ianao amin'ny faritra misy anao: miaraka mifanakalo hevitra, mampiasa ireo loharano rehetra misy, mikatsaka fitaomam-panahy avy amin'ny Fanahy Masina, mangataka amin'ny Tompo ny fankatoavany ary dia mampiakatra ny tanan'akanjonao ary mandeha miasa."

**Filoha Dieter F.Uchtdorf Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany, "Manome araka ny fomban'ny Tompo," *Liahona,* nôv. 2011, 53–56.**

SARINA LAMBA NATAON'NY AFRICANWAY/ISTOCK/THINKSTOCK





**Nosoratan'i Carol F. McConkie**
Mpanolotsaina voalohany ao amin'ny fiadidian'ny Zatovovavy maneran-tany

# Mampianatra ny Zatovo

## NY FOMBA FITARIHANA ARAKA NY FOMBAN'NY MPAMONJY

*Tsy hoe ho mpitarika amin'ny ho avy fotsiny ny zatovontsika. Mpitarika amin'izao fotoana izao izy ireo. Afaka manampy azy ireo hitarika tahaka ny Mpamonjy isika.*

Ny Loholona David A. Bednar ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia niresaka tamin'ireo ray aman-dreny sy ny mpitarika ny zatovo mikasika ilay fandanjalanjana tsara izay ilaintsika tadiavina: "Asao ny zatovo handray andraikitra. Mila eo isika saingy tokony homentsika fahafahana handray andraikitra izy ireo. Mila manome torolalana ianao saingy tsy tokony hifehy ny zava-drehetra."[1]

Afaka manampy ny zatovolahy sy ny zatovovavy ny ray aman-dreny sy ny mpitarika mba hianatra fitsipika izay hanomana azy ireo hitarika amim-pahamarinana sy hanorina ny fanjakan'Andriamanitra eto an-tany.

Fony aho 14 taona dia nihaona tamina zatovovavy izay mpitarika tena tsara. Nifindrafindra monina nanerana an'i Etazonia ny fianakaviako tamin'izay fotoana izay ka lasa mpikambana tao amin'ny paroasy iray vaovao. Tsy tadidiko hoe iza no nanompo tao amin'ny fiadidian'ny kilasin'ny Farimbona, saingy tena tsaroako fa tsara fanahy tamiko manokana ireo zatovovavy. Noraisin'izy ireo tamin-kitsimpo toy ireny namana very tsy hita ela be ireny ilay ankizivavy vaovao manifinify ary nataon'izy ireo izay hahazoako aina teo anivony. Noho izaho avy any Delaware dia nieritreritra aho hoe, *"Toy izao* mihitsy angamba izany hoe lanitra izany!" satria tany dia tsy nisy afa-tsy ny tenako ihany no ankizivivavy Môrmôna tao amin'ilay sekoly ambaratonga voalohany ary ilay hany ankizivavy Môrmôna iray hafa fantatro dia nipetraka adiny iray niala teo amin'ny tranoko raha mandeha fiarakodia.

Voalohany teo amin'ny fiainako ny nananako andiana namana izay niaina ireo fenitra ao anatin'ny *Jeunes Soyez Forts,* sy nanasa ahy handray anjara amin'ireo fiarahamientana ary nizara tamiko ny fijoroana ho vavolombelona ananany. Ny hatsaram-panahy feno fitiavana nasehon'izy ireo dia nampanakaiky bebe kokoa ahy tamin'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany noho ny natolotr'izay lahateny na lesona natao. Ao anatin'ilay fitiavana sy fahazavana tahaka ny an'i Kristy nasehon'izy ireo dia izy ireo no hafatry ny filazantsara ary izy ireo no natao hitarika ahy ao amin'ny valan'ondriny.

Inona no zavatra nampahatonga ireo namako vaovao ireo ho mpitarika lehibe?

Nisy misiônera tanora iray namaritra tamin'ny fomba tena tsotra ny atao hoe mpitarika. Hoy izy hoe: "Mila any amin'ilay toerana tokony hisy antsika amin'ny fotoana tena ilana izany isika ka manao sy sitrapon'ny Tompo sy manampy olona izay mila ny fanampiantsika. Izany no zavatra mampahatonga antsika ho mpitarika."[2] Noho ilay maha-izy azy ireo sy ny Fahazavan'i Kristy izay mamiratra ao amin'izy ireo dia manana hery ireo zatovolahy sy zatovovavy manerana an'ity Fiangonana ity ***hitarika araka ny fomban'ny Mpamonjy*** ary "hanampy ny olona hafa mba ho lasa mpanaradia marina an'i . . . Jesoa Kristy."[3]

Amin'ny maha-mpitarika antsika dia mitarika sy miaramandeha amin'ireo zatovolahintsika sy zatovovavintsika isika. Saingy ny kilasy sy ireo fiadidian'ny kôlejy no tompon'andraikitra amin'ny fitarihana sy fitantanana ny asa ao amin'ny kilasiny sy ny kôlejiny ka tafiditra ao anatin'izany ny fifidianana ireo lesona atao isaky ny Alahady ary ny fandrafetana ireo fiaraha-mientana atao ao anatin'ny andro fiasana. Antsoina sy atokana eo ambany fitantanan'ireo izay mihazona ny fanalahidin'ny fisoronana ireo mpitarika ao amin'ny kilasy sy kôlejy, noho izany dia manana fahefana hitarika sy hampahery ny zatovo hafa izy. Manaraka ny

ohatra nasehon'ny Mpamonjy izy ireo ary mianatra manompo toy ny fomba nanompoany.

**Toerana sy fotoana tsara ahafahan'ny zatovo mitarika**

Any an-trano no fanombohan'ny fitarihana. "Ny fanaovana ny adidintsika amin'Andriamanitra amin'ny maha-ray aman-dreny sy mpitarika antsika dia manomboka amin'ny fitarihana aseho amin'ny ohatra—dia ny miaina tsy tapaka ary amim-piniavana ny filazantsara ao an-tokantrano," hoy ny fampianaran'ny Loholona Robert D. Hales ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo. "Mitaky fahavononana sy finiavana isan'andro izany."[4] Mampianatra ny fotopampianaran'i Kristy ny ray aman-dreny. Manampy ny zatovo hametraka tanjona izy ireo. Ny Mon Progrès Personnel sy ny Devoir envers Dieu dia manampy ny zatovo hampahatanjaka ny fijoroana ho vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy ananan'izy ireo, sy hiomana hanao sy hitandrina fanekempihavanana ary hanatanteraka ireo anjara asa sy andraikitra masiny ao amin'ny fianakaviana sy ao an-tokantrano ary ao amin'ny Fiangonana.

Any am-piangonana dia afaka manampy ny zatovo izay manompo ao amin'ny fiadidian'ny kôlejy sy ny kilasy ireo mpitarika ao amin'ny Fisoronana Aharôna sy Zatovovavy hahatakatra ny andraikitra masiny sy hanandriana ny antsony mba hikarakara sy hampahatanjaka ireo mpikambana hafa ao amin'ny kôlejy sy ny kilasy.

Manomana ny zatovo hitarika fivorian'ny kôlejy sy kilasy ary Fiaraha-mientana Ifampizarana isika amin'ny maha-mpitarika antsika. Miara-mivory amin'ireo zatovo isika mandritra ireo fivorian'ny fiadidiana rehefa mitady fomba hanampiana an'ireo sahirana sy hampandraisana anjara ny zatovo rehetra mandritra ny lesona isaky ny Alahady, ary handrafetana ireo fiaraha-mientana, asa fanompoana, lasy sy fihaonamben'ny zatovo izy ireo.

Mamporisika ireo fiadidian'ny zatovo isika mba hanampy ireo mpikambana ao amin'ny kôlejy sy kilasy rehetra handray anjara amin'ny lafin-javatra rehetra hita ao amin'ny asa famonjena, ka tafiditra ao anatin'izany ny asa fitoriana ataon'ny mpikambana, ny fihazonana ny mpikambana vaovao, ny fampahavitrihana ny mpikambana malaindaina, ny fanaovana ny asa any amin'ny tempoly sy ny tantaram-pianakaviana ary ny fampianarana ny filazantsara.[5] Manampy ny zatovolahy sy zatovovavy ireo fiadidian'ny zatovo mba hahalala ny fifaliana sy fitahiana avy amin'ny fanompoana amin'ny anaran'ny Mpamonjy sy avy amin'ny famahanana ny ondriny.

Ny asan'ny mpitarika dia tsy miompana amin'ny hafatra voahaingo sary tena tsara ao amin'ny Pinterest na ny fizarana fampianarana feno famelabelarana ny zava-misy. Ny asan'ny mpitarika dia ny manampy ny zatovolahy sy zatovovavy hianatra sy hampihatra fitsipika izay hanampy *azy ireo* hitarika araka ny fomban'ny Mpamonjy. Ireto manaraka ireto ny efatra amin'ireo fitsipika ireo.[6]

**Miomana ara-panahy**

Ampio ny zatovo hahatakatra ny herin'ny fiomanan'izy ireo ara-panahy manokana. Ampio izy ireo hampihatra finoana amin'ny fanekempihavanana ataony ao anatin'ny ôrdônansin'ny Fanasan'ny Tompo. Ny fahavononan'izy ireo hitondra ny anaran'i Jesoa Kristy eo aminy, sy hahatsiaro Azy mandrakariva, ary hitandrina ny didiny dia maha-mendrika azy ireo hanana ny Fanahy Masina ho namana mandrakariva. Tsy irery izy ireo ao anatin'ny asa fanompoany rehefa afaka mandray, sy mamantatra ny bitsiky ny Fanahy Masina ary mandray andraikitra eo anatrehan'izany.

Miomana ara-panahy izy ireo amin'ny alalan'ny fikatsahana fitarihana ao anatin'ny vavaka atao amin-kafanampo sy ny famakiana soratra masina mba hahitana valiny. Miezaka mitandrina ny didy izy ireo mba hitenenan'ny Fanahy Masina ao am-pon'izy ireo sy ao an-tsain'izy ireo ka afaka ny hahatsapa sy hahafantatra izay olona mila ny fanampiany sy ny zavatra azony atao izy ireo. Mahatsapa fitiavana



### NY FITARIHANA AMPY TSARA

Miovaova ny habetsaky ny fanohanana ilain'ny zatovo rehefa mianatra mitarika izy ireo. Ny sasany afaka manao zavatra betsaka irery, ny hafa kosa mila fitarihana bebe kokoa. Afaka miaraka mifampaka hevitra ny ray aman-dreny rehefa manampy ny zanany hianatra hitarika izy ireo ary afaka mifampaka hevitra miaraka amin'ny episkôpà ireo fiadidian'ny Zatovolahy sy Zatovovavy rehefa mandinika hoe hatraiza ny fitarihana homena ny zatovo tsirairay ao amin'ny paroasy. Ny tanjona: manampy ny zatovolahy sy zatovovavy tsirairay mba hivoatra ka hatomboka eo amin'izay dingana misy azy ireo aloha izany.



madion'i Kristy ho an'ny mpikambana tsirairay ao amin'ny kilasy na kôlejy izy ireo.

Ny fiomanana ara-panahy dia mampisy fahatokiantena eo amin'ny zatovo fa solontenan'ny Tompo izy ireo ary manatanteraka iraka ho Azy (jereo ny F&F 64:29).

### Mandray anjara ao amin'ny Filankevitra

Ampianaro ny zatovo ny rafitra fototra sy ny herin'ny fanambarana hita ao amin'ny filankevitra rehefa mandray anjara ao anatin'io lamina masina napetraka io izy ireo izay hitantanana ny Fiangonan'ny Tompo sy hahazoan'ny olona tsirairay sy fianakaviana fitahiana.[7] Ny fivorian'ny kômitin'ny episkôpà misahana ny zatovo sy ny fivorian'ny fiadidian'ny kôlejy sy ny kilasy dia filankevitra izay ianaran'ny zatovo ny andraikiny sy andraisany andraikitra hanompo ny hafa.

Ireo mpikambana ao amin'ny filankevitra dia:

- Miray hina amin'ny fanarahana ny fitarihan'ireo mpitarika ao amin'ny fisoronana izay mihazona ireo fanalahidin'ny fisoronana.
- Mizara ny eritreriny sy ny heviny ao anatin'ny toetsaina mifototra amin'ny fahamarinana, fahamasinana, finoana, hatsaran-toetra, faharetana, fiantrana, ary hatsaram-panahy feno fitiavana.
- Miara-miasa araka ny fitarihan'ny Fanahy Masina mba handrafitra ny zavatra hataon'izy ireo hanampiana ny sahirana.

### Manompo ny hafa

Mitarika araka ny fomban'ny Mpamonjy ny zatovo rehefa manompo amim-pitiavana sy amin-katsaram-panahy izy ireo. Nampianatra i Joseph Smith hoe: "Tsy misy zavatra hafa tena voakajy tsara hitarihana olona hiala amin'ny fahotana toy ny fandraisana ny tanan'izy ireo sy ny fiambenana azy ireo amim-pitiavana. Rehefa maneho hatsaram-panahy sy fitiavana amiko na faran'izay kely aza ny olona dia tena misy fiantraikany lehibe amiko izany."[8]

Nampianatra ny maha-sarobidy ny olona tsirairay ny Mpamonjy (jereo ny F&F 18:10–15). Ampio ny zatovontsika mba hahatakatra ilay fahamarinana lehibe hoe nanolotra ny ainy i Jesoa Kristy ary nanokatra ny lalana mba hahafahan'ny rehetra manatona Azy. Manolo-tanana sy manompo amim-pitiavana ny zatovolahy sy zatovovavy rehetra izay namoizan'ny Mpamonjy ny zava-drehetra ny mpanompo marin'ny Tompo ho fankasitrahana ny zavatra nataony.

### Mampianatra ny filazantsaran'i Jesoa Kristy

Ampio ny zatovolahy sy zatovovavy hamantatra izay fotoana tsara hampianarana ny filazantsara ary hahatakatra fa ny fampianarana manan-danja indrindra hozarain'izy ireo dia ny ohatra hasehon'izy ireo. Mitarika araka ny fomban'ny Tompo ny zatovo rehefa miaina araka ny tenin'ny mpaminany sy mitandrina ireo fenitra ao amin'ny *Jeunes Soyez Forts* izy ireo. Mampiseho ny dikan'ny hoe mpianatr'i Jesoa Kristy marina izy ireo amin'ny alalan'ny fahamasinan'ny teniny sy ny fihetsiny. Mijoro ho vavolombelony tsy misy fihatsarambelatsihy izy ireo. Ka dia ho heniky ny Fanahy izy ireo ary hanana hery hampiova fo ny tenin'izy ireo rehefa mijoro ho vavolombelona na manampy amin'ny fampianarana lesona atao ny alahady na mizara fahamarinan'ny filazantsara amin'ny namany.

### Mitarika araka ny fomban'ny Mpamonjy

Tombontsoa masina izay hitaky ny fanomezan'ny zatovo ny tsara indrindra avy aminy ny fitarihana araka ny fomban'ny Mpamonjy rehefa manompo ny Tompo any an-tokantrano sy any am-piangonana ary eo amin'ny fiarahamonina izy ireo. Ny zatovolahy sy zatovovavy izay mitarika araka ny fomban'ny Mpamonjy dia lasa hafatry ny filazantsaran'i Kristy, valim-bavaky ny olona iray sy anjely izay manompo ireo sahirana ary fahazavan'i Kristy ho an'izao tontolo izao. ■


FANAMARIHANA

1. David A. Bednar, "Youth and Family History," lds.org/youth/family-history/leaders.
2. Taratasy avy amin'ny zafikelilahin'i Carol F. McConkie, 13 mar. 2015.
3. *Manuel 2: Administration de l'Église* (2010),3.1.
4. Robert D. Hales, "Ny adidintsika amin'Andriamanitra: Asa anirahana ny ray aman-dreny sy ny mpitarika mba hataony amin'ny taranaka vao misondrotra," *Liahona,* aog. 2010, 95.
5. Jereo ny *Manuel 2*6.1
6. Jereo ny *Manuel 2*6.1
7. Jereo ny *Manuel 2*6.1
8. *Enseignements des Présidents de l'Église: JosephSmith* (2007), 394, 428.






# MANKALAZA NY TAKARIVAN'NY MPIANAKAVY

Nanoro hevitra antsika ireo mpaminanin'ny andro farany tamin'ny 1915, mba hanokana takariva iray isan-kerinandro ho an'ny fianakaviantsika. Nantsoina hoe "takariva ho an'ny tokantrano" izany tamin'ny voalohany—fotoana ianarana ny filazantsara sy iarahana mifaly sady hanamafisana orina ilay fifandraisantsika eto an-tany sy mandrakizay.

Zato taona aty aoriana dia mbola manohy manampy antsika hanorina fianakaviana izay haharitra mandrakizay ny takarivan'ny mpianakavy. Nampanantena ireo mpaminany fa hisy finoana sy tanjaka ara-panahy lehibe kokoa hitombo ao am-pontsika amin'ny alalan'izany ary hisy fiarovana sy firaisankina ary filaminana hitoetra ao an-tokantranontsika.

Mpikambana ao anatin'ny fianakaviana iray isika rehetra eto an-tany ary mpikambana ao anatin'ny fianakavian'ny Raintsika any an-danitra. Afaka mankalaza ny takarivan'ny mpianakavy sy mandray anjara amin'izany isika na aiza na aiza misy antsika eto amin'izao tontolo izao ary na inona na inona toe-javatra iainantsika eo amin'ny fiainana. ■

***Ankavia:** Nifindra vao haingana tany Thailand ny fianakaviana Moua izay toerana nahalalan'izy ireo ny filazantsara sy nanaovana batisa azy. Mandalina ny Bokin'i Môrmôna izy ireo mandritra ny takarivan'ny mpianakavy ka amin'ny fiteny Hmong izay fitenin-drazany ary amin'ny fiteny Tailandey izay fiteny ao amin'ilay toerana vaovao ipetrahany no anaovany izany.*

***Ambany:** Ny fiarahana mifaly sy ny filalaovana kilalao no fomba iray hanorenan'ny fianakaviana Santos avy any Portugal finamanana akaiky ao anatin'ny takarivan'ny mpianakavy.*









*Ankavanana: Midika zavatra bebe kokoa noho ny hoe reny sy ray ary zanaka ny atao hoe fianakaviana any amin'ny Repoblika Demôkratikan'i Congo. Noho izany rehefa mampivory ny fianakaviany rahalahy Suekameno hanao ny takarivan'ny mpianakavy dia afaka manatrika tsara an'izany koa ny olona maro avy eo amin'ilay tanàna.*

*Eny amin'ny tampony: Ampiasain-drahavavy Gercan avy any Philippines ireo hiran'ny Kilonga sy hira nentim-paharazana mba hampianarana ny zanany momba ny fifaliana avy amin'ny filazantsara.*

*Ambony: Tia manao mofomamy antsoina hoe cookies ny fianakaviana Anderson izay hita ao an-dakozian'ilay tranony any Georgia, Etazonia eto amin'ny sary. Ampiasain'izy ireo ao anatin'ny lesona izany indraindray na atao ody am-bava fo fotsiny.*


COAST



*Ambony: Mitady fomba tsotra hampianarana ny filazantsara rahalahy sy rahavavy Reynolds avy any Washington, Etazonia, mba hahafahan'ireo zanany kely mianatra sy mahatakatra.*

*Eny amin'ny tampony ankavanana: Ampandraisin'ny fianakaviana Espinoza anjara ao anatin'ny takarivan'ny mpianakavy ny renibeny mendri-kaja rehefa mihira sy mianatra ny filazantsara izy ireo.*

*Ny tantaram-pianakaviana no zavatra tena ankafizin'ny fianakaviana Jin avy any Georgia, Etazonia ny manao azy mandritra ny takarivan'ny mpianakavy. Mahafinaritra azy ireo ny mampianatra ny zanany mikasika ny zavatra nolovain'izy ireo amin'ny maha-koreana azy.*

*Mandehandeha mivoaka mijery ireo toerana mahafinaritry ny tanàna no takarivan'ny mpianakavy ataon'ny fianakaviana Ligertwood avy any Australie indraindray.*










*Jereo ny pejy 3 ao anatin'ny laharan'ny* Liahona *tsirairay mba hahitana hevitra momba ny takarivan'ny mpianakavy.*

*Mizarà sary na horonantsarin'ny takarivan'ny mpianakavinao amin'ny alalan'ny fampiasana ny #FamilyNight.*

*Mianara zavatra bebe kokoa avy ao amin'ny facebook.com/liahona.magazine (misy amin'ny teny Anglisy, Pôrtogey ary Espaniôla).*



*Tsy hirenireny any ivelan'ny lalana izay mitondra miverina any amin'ny Raintsika any an-danitra ny tenantsika rehefa mahatakatra sy manaraka amim-pankatoavana ny drafitr'Andriamanitra isika.*



**Nataon' ny Loholona Robert D. Hales**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Ny drafitry ny famonjena

## HAREM-PAHALALANA MASINA MBA HITARIKA ANTSIKA

*Ny fanohanantsika ny drafitry ny Ray no fanalahidin'ny fahombiazantsika tany amin'ny fiainana talohan'ny nahaterahana. Izany koa no fanalahidin'ny fahombiazantsika eto amin'ny fiainana an-tany.*

Matetika aho no nieritreritra ny fahakivian'ireo zanak'Andriamanitra izay mirenireny ao anatin'ilay izao tontolo izao izay ngazana maizina sy mahonena, ka tsy mahafantatra hoe iza izy ireo, na avy aiza na nahoana no eto an-tany na ho aiza izy ireo aorian'ny fiainany eto an-tany.

Tsy mila mirenireny isika. Nanambara fahamarinana mandrakizay mba hamaliana ireo fanontaniana ireo Andriamanitra. Hita ao anatin'ny drafitra lehibe ho an'ny zanany izany. Io drafitra io ao anatin'ny soratra masina dia fantatra amin'ny hoe "drafitry ny fanavotana,"[1] ny "drafitry ny fahasambarana,"[2] ary ny "drafitry ny famonjena."[3]

Tsy hirenireny any ivelan'ny lalana izay mitondra miverina any amin'ny Raintsika any an-danitra ny tenantsika rehefa mahatakatra sy manaraka amim-pankatoavana ny drafitr'Andriamanitra isika.[4] Amin'izay ary amin'izay ihany vao afaka ny hiaina ilay karazana fiainana iainany isika, dia ny "fiainana mandrakizay, . . . izay fanomezana lehibe indrindra amin'ny fanomezan'Andriamanitra."[5]

Io fanomezana ny fiainana mandrakizay io dia mendrika ny hanaovana izay azo atao mba handalinana sy hianarana ary hampiharana ny filazantsara. Hitsangana amin'ny maty ny olombelona rehetra ary handray ny fitahian'ny tsy fahafatesana. Saingy ny fanatratrarana ny fiainana mandrakizay—ilay fiainana izay iainan'Andriamanitra[6]—dia mendrika ny hiainana ny drafitry ny famonjena amin'ny fo, ny hery, ny saina, ary ny tanjatsika rehetra.

*HAZO HETIRA*, NATAON'I ASHER BROWN DURAND, © THE METROPOLITAN MUSEUM OF ART, LOHARANO NIAVIAN'NY SARY: ART RESOURCE, NY, TSY AZO HADIKA

### Mahatakatra ny drafitry ny famonjena

Tena manome hery tokoa ny fahafantarana ilay drafitra! Ny drafitry ny famonjena dia iray amin'ireo harem-pahalalana lehibe indrindra nomena ny olombelona hatramin'izay satria manazava ny tanjona mandrakizain'ny fiainana izany. Tena mirenireny ao anatin'ny haizina tokoa isika raha tsy misy izany. Izany no mahatonga ilay hoe ny lamin'Andriamanitra dia ny hanome didy ny zanany "*rehefa* nampahafantariny azy ny drafitry ny fanavotana."[7]

Ny tanjoko dia ny hanampy antsika tsirairay mba hanararaotra io harem-pahalalana io—mba hahatakatra tsara kokoa ny drafitry ny famonjena sy hampihatra izany fahatakarana izany eo amin'ny fiainantsika isan'andro.

#### *Fahafahana misafidy*

Noho ny maha-manan-danja ny fahafahana misafidy ao anatin'io lamina io dia ndeha hatombontsika amin'izany izy ity. Nomen'ny Raintsika fahafahana handray andraikitra na handà tsy handray andraikitra isika[8] araka ireo fahamarinana mandrakizay—fahamarinana izay mahatonga an'Andriamanitra amin'izao misy Azy izao sy mahatonga ny lanitra araka ny ahitana azy.[9] Mahazo fifaliana maharitra mandrakizay isika raha toa ka mampiasa ny fahafahantsika manaiky sy miaina ireo fahamarinana ireo. Mifanohitra amin'izany kosa no hiseho fa hiaina fijaliana sy fahoriana isika raha toa ka ampiasaintsika ny fahafahantsika misafidy mba tsy hankatoavana sy handavana ny lalàn'Andriamanitra.[10]



*I Jesoa Kristy no ilay zanaka malalan'ny Ray nofidina sy notendrena hatrany am-piandohana.*

Ny fahafahana misafidy dia mifandray amin'ireo ambaratonga telon'ny drafitry ny famonjena: ny fiainana talohan'ny nahaterahana, ny fiainana an-tany ary ny fiainana aorian'ny fiainana an-tany.

#### *Fiainana talohan'ny nahaterahana*

Araka ny nambara ao amin'ny "Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao," isika tsirairay dia "fanahy izay zanakalahy na zanakavavy malalan'ny ray aman-dreny any an-danitra" izay manana "toetra sy anjara araka an'Andriamanitra."[11] Nohazavain'ny Ray any an-danitra antsika ilay drafitry ny fanavotany nandritra ilay filankevitra talohan'ny nahaterahana.[12] Nifototra tamin'ny fotopampianarana sy lalàna ary fitsipika izay efa nisy hatrizay ilay drafitra.[13] Nianatra isika fa raha manaiky sy manaraka ilay drafitra dia ho angatahina mba handao amim-pahavononana ny fiaraha-miaina amin'ny Raintsika ary hosedraina mba hahitana raha toa ka hisafidy ny hiaina araka ny lalàny sy ny didiny isika.[14] Nifaly tamin'izany zavamahasoa izany isika[15] ary nanohana tamim-pankasitrahana ilay drafitra satria nanome antsika ilay fomba hahafahana ho tonga tahaka ny Raintsika any an-danitra izany sy handovana ny fiainana mandrakizay.

Saingy mety misy vokany hafa mitranga koa avy amin'ilay drafitra: raha nisafidy ny tsy hiaina araka ireo lalàna mandrakizain'Andriamanitra isika dia handray zavatra ambany kokoa noho ny fiainana mandrakizay.[16] Fantatry ny Ray fa ho tafintohina sy hanota isika eo ampianarantsika amin'ny alalan'ny zavatra iainantsika eto an-tany, ka dia nanome Mpamonjy iray Izy mba hanavotra ireo rehetra izay mibebaka amin'ny fahotana sy hanasitrana ireo ratra ara-panahy sy ara-pihetsehampon'ireo izay mankatò.[17]

I Jesoa Kristy no ilay zanaka malalan'ny Ray nofidina sy notendrena hatrany am-piandohana.[18] Nanohana ny drafitry ny Ray Izy ary nanolo-tena ho Mpamonjy antsika rehefa nilaza hoe: "Inty Aho, iraho aho."[19] Dia notendren'ny Ray i Jesoa mba ho Ilay hiaina fiainana tsy misy fahotana eto amin'ny fiainana an-tany sy hanao sorona ho an'ny fahotantsika sy ny fahoriantsika ary hitsangana amin'ny maty mba hanapaka ny famatoran'ny fahafatesana.

Niaina tany amin'ilay fiainana talohan'ny nahaterahana koa i Losifera izay lasa fantatra amin'ny anarana hoe Satana.[20] Nolaviny ilay drafitra noho ny antony feno fitiavan-tena ary nikatsaka ny hamotika ny fahafahan'ny olona misafidy izy sy nikomy tamin'ny Ray.[21] Vokatr'izany dia tsy hahazo vatana velively i Satana sy ireo izay nanaraka azy. Narian'izy ireo ilay fahafahana mandray anjara ao amin'ny drafitry ny Ray ary nafoiny ilay anjara masiny.[22] Manohy ny adim-pikomiana amin'Andriamanitra izy ireo ary mikatsaka ny hampanalavitra ny fon'ny olombelona sy ny sainy Aminy.[23]

Narafitra sy namboarina ho an'ireo izay nanaiky ny drafitry ny Ray ity tany ity.[24] Mahazo vatana izay nohariana araka ny endrik'Andriamanitra sy ny tarehiny isika ety. Sedraina sy tsapaina isika ety. Maka traikefa izay ilaina mba handovana ny fiainana mandrakizay isika ety.[25]

#### *Fiainana an-tany*

Noharian'Andriamanitra i Adama sy Eva ary natambany ho mpivady dia napetrany tao amin'ny Sahan'i Edena ary nodidiany mba hanan-janaka izy ireo.[26] Rehefa nampiasa ny fahafahany misafidy i Adama sy Eva dia samy nesorina teo anatrehan'Andriamanitra ary lasa olona mety maty.[27] Nahatanteraka ny drafitry ny Ray izany satria afaka nanan-janaka izy ireo izay zavatra tsy azony natao tao amin'ny Sahan'i Edena.[28] Ny hery masina ahafahana miteraka araka ny lalàna mandrakizay dia tsy azo ampiasaina afa-tsy ao anatin'ny fepetra apetraky ny Raintsika

SOMBINY AVY TAMIN'NY *KRISTY TAO EMAOSY*, NATAON'I CARL HEINRICH BLOCH; SOMBINY AVY TAMIN'NY *ADAMA SY EVA*, NATAON'I DOUGLAS M. FRYER



any An-danitra ihany. Manome fahafahana mba hahazoana fifaliana mandrakizay ny fanaovana izany. Hiteraka fahoriana amin'ny farany izay mety ho fampiasana io hery masina io any ivelan'ny fetra napetrak'Andriamanitra.[29]

Miezaka ny mampanalavitra antsika amin'ireo zava-mahasoa misy amin'ny alalan'ny drafitry ny Ray i Satana, izay maniry ny mba "hahatonga ny olon-drehetra ho ory tahaka azy."[30] Nahoana no avelan'ny Ray any andanitra maka fanahy antsika i Satana? Satria fantany fa ny fifanoherana dia ilaina amin'ny fivoarantsika sy ny fisedrana antsika eto amin'ny fiainana an-tany.[31] Manome antsika fahafahana sarobidy mba hitodihana any amin'Andriamanitra sy hianteherana Aminy ny fifanoherana. Noho ny tsara sy ny ratsy izay eo anoloantsika mandrakariva dia afaka maneho mazava tsara ny fanirian'ny fontsika isika amin'ny alalan'ny fanekena ny anankiray ary ny fandavana ilay iray hafa.[32] Ny fifanoherana dia hita ao anatin'ny fakan'i Satana fanahy nefa koa hita ao anatin'ny fahalementsika manokana, fahalemen'ny olona izay miraikitra ao anaty amin'ny maha-olombelona.[33]

Mba hanampiana antsika hisafidy amimpahendrena dia nambaran'Andriamanitra ny drafitry ny fanavotany ary nanome didy,[34] ny Fahazavan'i Kristy,[35] ary ny Fanahy Masina ho namana lalandava Izy.[36] Na dia eo aza ireo fanomezana ireo dia manota daholo isika rehetra eto amin'ity izao tontolo lavo ity, ka tsy afaka ny hiditra eo anatrehan'Andriamanitra amin'ny alalan'izay zava-bitantsika manokana fotsiny isika rehetra.[37] Izany no antony nanomezan'ilay drafitra feno famindrampony Mpamonjy iray.

Tonga tety an-tany tamin'ny naha-zanaka Lahitokan'Andriamanitra azy i Jesoa Kristy ary nahavita tanteraka ilay iraka nampanaovina Azy tamin'ny alalan'ny fanekena ny sitrapon'Andriamanitra amin'ny zavatra rehetra.[38] Araka ilay drafitra feno famindrampon'ny Ray dia resy tamin'ny alalan'ny Fitsanganan'ny Mpamonjy tamin'ny maty ny vokatry ny Fahalavoana,[39] ary afaka resena ny vokatry ny fahotana ary afaka mivadika ho tanjaka ny fahalemena raha toa ka misafidy ny hampiasa ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy isika.[40]

Amin'ny alalan'ny fankatoavana ny didy ihany no ahafahantsika mahazo ny fiainana

***Rehefa nampiasa ny fahafahany misafidy i Adama sy Eva dia samy nesorina teo anatrehan'Andriamanitra ary lasa olona mety maty. Nahatanteraka ny drafitry ny Ray izany satria afaka nanan-janaka izy ireo.***



*Ny tena fototry ny fiainana mandrakizay dia ny fanambadiana mandrakizay eo amin'ny lehilahy sy ny vehivavy izay lafin-javatra tena manan-danja mba hahatongavantsika tahaka ireo ray aman-drenintsika any an-danitra.*

mandrakizay. Mitaky ny fananana finoana an'i Jesoa Kristy Tompo, ny fibebahana, ny fanaovana batisa ary ny fandraisana ny fanomezana ny Fanahy Masina sy ny faharetana hatramin'ny farany amin'ny fanarahana ny ohatra nasehon'ny Mpamonjy izany.[41] Raha amin'ny teny tsotsotra dia tsy maintsy mandray ireo ôrdônansin'ny fisoronana ilaina rehetra isika ary maharitra hatramin'ny farany eo amin'ny fitandremana ireo fanekempihavanana mifandray amin'izany.

### *Fiainana aorian'ny fiainana an-tany*

Aorian'ny fahafatesantsika dia hijoro eo anatrehan'ny Mpamonjy isika mba hotsaraina.[42] Ho voavela sy handova izay ananan'ny Ray rehetra, ka tafiditra ao anatin'izany ny fiainana mandrakizay, ireo izay mampihatra ny finoany an'i Kristy ho amin'ny fibebahana noho ny maha-be famindrampo an'Andriamanitra.[43] Noho ny maha-marina an'Andriamanitra dia tsy hahazo ilay fanomezana ny fiainana mandrakizay ny olona tsirairay izay mibebaka.[44] Hahazo ny valisoany araka ny finoany, ny fibebahany, ny eritreriny sy ny faniriany ary ny asany ny olona tsirairay.[45]

### Mampihatra ny drafitry ny famonjena eo amin'ny fiainantsika andavanandro

Rehefa takatsika ilay endrika iray manontolon'ilay drafitra ary hitantsika ao anatin'izany ny tenantsika dia mahazo zavatra sarobidy isika na hoe tena manan-danja mihitsy aza: fahatazanana lavitra ny mandrakizay. Manampy antsika eo amin'ny fanapahan-kevitra raisintsika sy ny zavatra ataontsika isan'andro ny fahatazanana lavitra ny mandrakizay. Mampilamina ny saintsika sy ny fontsika izany. Miorina mafy sy tsy azo hozongozonina isika eo anatrehan'ireo hevitra izay toa mandresy lahatra manodidina antsika nefa mifono faharatsiana mandrakizay.

Nampianatra ny Loholona Neal A. Maxwell (1926–2004) ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo hoe: "Ny fiezahana manakatra ity fiainana ity amin'ny fisehony fotsiny fa tsy miaraka amin'ny fananana fahatakarana ny drafitry ny famonjena izay ahitana ny fiainantsika talohan'ny nahaterahana sy ny fitsarana ary ny fitsanganana amin'ny maty dia toy ny tsy nahita afa-tsy ny fizarana faharoan'ilay tantara an-tsehatra misy fizarana telo."[46] Tsy maintsy mahatakatra ny fizarana voalohany


isika (ny fiainana talohan'ny nahaterahana) mba hahalalana ny fomba hanaovana safidy tena tsara ao amin'ny fizarana faharoa (ny fiainana an-tany), izay hamaritra ny hitranga amintsika ao anatin'ny fizarana fahatelo (ny fiainana aorian'ny fiainana an-tany).

Raha lazaina amin'ny fomba hafa dia manova ny fomba fijerintsika ny fiainana sy ny olona rehetra manodidina antsika ary ny tenantsika ny fahatakarana ny drafitry ny famonjena miaraka amin'ny vavaka atao amin-kitsimpo. Manazava ny fahitantsika ny ara-panahy ny fahatakarana ny drafitra ary manome fahafahana antsika hahita zavatra araka ny tena fisehony.[47] Toy ny nanomezan'ny Orima sy Tomima fahafahana ny Mpaminany Joseph Smith mba handray fanambarana sy fitarihana,[48] no hampisehoan'ilay fahalalana ny drafitra antsika koa ny fomba "[hiasana] araka ny fotopampianarana sy ny fitsipika mikasika ny hoavy, araka ny safidim-pitondrantena" izay efa nomen'ny Tompo antsika.[49] Noho izany dia hatanjaka ny finoantsika ary ho haintsika ny fomba hamaritana ny lalam-piainantsika sy ny fandraisana fanapahan-kevitra mifanaraka amin'ny fahamarinana mandrakizay.

Ireto misy ohatra vitsivitsy izay manan-danja manokana amin'izao androntsika izao:

### *Ny tanjon'ny fanambadiana ao anatin'ny drafitr'Andriamanitra*

Tandindomin-doza ny fanambadiana sy ny fianakaviana satria fantatr'i Satana fa zavatra manan-danja mba hahazoana ny fiainana mandrakizay izany—toy ny maha-manan-danja ny Fahariana, ny Fahalavoana ary ny Sorompanavotana sy ny Fitsanganan'i Jesoa Kristy tamin'ny maty.[50] Mikatsaka ny hanimba ny fahatakarantsika ny fanambadiana sy ny fianakaviana ary ny fanorenana izany i Satana satria efa tsy nahomby tamin'ny famotehana ny iray tamin'ireo andry ijoroan'ny drafitra ireo izy.



***Araka ilay drafitra feno famindrampon'ny Ray dia resy tamin'ny alalan'ny Fitsanganan'ny Mpamonjy tamin'ny maty ny vokatry ny Fahalavoana.***

Lasa zavatra mazava ifantohan'ny saina ny tanjon'ny fanambadiana rehefa raisina ho fitaovana raikitra hijerena ny tokony hatao ny drafitry ny Ray any an-danitra. Mahatonga ny drafiny ho tanteraka ilay didy mba handao ny ray sy ny reny ary hikambana amin'ny vady,[51] ary hiteraka sy hameno ny tany[52]. Mitondra ireo fanahy izay zanany eto an-tany isika amin'ny alalan'ny fanambadiana ary lasa mpiara-miasa aminy eo amin'ny fanampiana ny zanany mba handray anjara amin'ny drafiny.[53]

Manome antsika ilay fomba handovana ny fiainana mandrakizay ny drafitry ny Ray, ilay fiainana iainan'ireo ray aman-dreny any an-danitra. Ao anatin'ilay drafitra dia, "tsy misy vehivavy raha tsy misy lehilahy ary tsy misy lehilahy raha tsy misy vehivavy."[54] Ny tena fototry ny fiainana mandrakizay dia ny fanambadiana mandrakizay eo amin'ny lehilahy sy ny vehivavy izay lafin-javatra tena manan-danja mba hahatongavantsika tahaka ireo ray aman-drenintsika any an-danitra.[55]

### *Ny fanambadiana eo amin'ny lehilahy sy ny vehivavy*

Mifameno isika ao anatin'ny fanambadiana ka amin'ny alalan'ny lehilahy sy vehivavy manana ny fahasamihafany miavaka sy tena ilaina ihany no ahafahan'izany ho tanteraka. Rehefa mamakivaky ny fiainana an-tany amin'ny maha-mpivady isika dia miara-mivoatra, manakaiky kokoa ny Mpamonjy rehefa mankatò sy mahafoy tena manao ny sitrapony ary miaraka manorina ny fanjakany. Rehefa fantatsika fa didin'Andriamanitra ny fanambadiana mandrakizay ary manomana fomba hanatanterahan'ny zanany ny zavatra rehetra asainy atao Izy,[56] dia fantatsika fa hahomby ny fanambadiantsika rehefa miray hina eo amin'ny fitandremana ireo fanekempihavanana nataontsika isika.

Amin'ny alalan'ireo ôrdônansin'ny fisoronana sy ny fisafidianana ny hitandrina ireo fanekempihavanana mifandray amin'izany no ahazoantsika ny herin'ny toetra araka an'Andriamanitra rehefa miatrika ireo olana eto amin'ny fiainana an-tany isika.[57] Manome antsika hery avy any ambony ireo ôrdônansin'ny tempoly ary manome fahafahana antsika hiverina eo anatrehan'ny Raintsika any an-danitra.[58] Manome fahafahana ny mpivady hiaraka hivoatra ny ôrdônansin'ny famehezana sy ho iray ao amin'ny Tompo.[59] Izay mety ho solon'izany karazana fanambadiana izany dia tsy hahatanteraka ireo tanjona masiny ho antsika sy ho an'ireo taranany ho avy.[60]

### *Zava-manintona sy faniriana*

Tonga eto amin'ity tontolo lavo ity miaraka amin'ny fahalemena na olana izay raiki-tapisaka amintsika amin'ny maha-olombelona isika tsirairay.[61] Manampy antsika hahita ireo fahalemen'ny olombelona rehetra ny fahatakarana ny drafitr'Andriamanitra—tafiditra ao anatin'izany ireo zava-manintona sy faniriana izay tsy mifanaraka amin'ny drafiny—satria mandalo izany.[62] Ny fahafantarantsika hoe niaina toy ny zanakalahy sy zanakavavy malalan'ny ray aman-dreny any an-danitra isika talohan'ity fiainana ity dia manome fahafahana antsika hihevitra fa loharano masina no niavian'ny maha-izy azy antsika manokana. Ilay maha-zanakalahy na maha-zanakavavin'Andriamanitra antsika —fa tsy ny fahalementsika na ny zavatra ironantsika—no loharano marina iavian'ny maha-izy azy antsika.[63]

Ny fahitana izany dia ahafahantsika miandry tsara kokoa amim-panentrentena sy amim-paharetana ny Tompo,[64] ka mahatoky fa amin'ny alalan'ny finoantsika sy ny

SARY NATAON'I JAMES JOHNSON; *SARIN'I KRISTY*, NATAON'I HEINRICH HOFFMANN



***Hisy dikany lalina kokoa ny fiainantsika rehefa mampihatra isan'andro ny fahalalantsika ilay drafitra isika.***

fankatoavantsika, ary ny faharetana hatramin'ny farany dia ho voadio ny toetrantsika sy ny faniriantsika, ho hamasinina ny vatantsika ary lasa zanakalahy sy zanakavavy marin'i Kristy isika izay tonga lavorary tamin'ny alalan'ny Sorompanavotany.

Ny tanjona mandrakizain'ilay drafitra dia mitondra fahatokiana eo amin'ny mahatoky fa ho avy tokoa ny andro izay "hamafan'Andriamanitra ny ranomaso rehetra; . . . tsy hisy fanaintainana: fa efa lasa ny zavatra taloha."[65] Io "fanantenana mamirapiratra sy lavorary" io[66] dia hampilamina ny saintsika sy ny fontsika ary hanome fahafahana antsika hiandry ny Tompo amim-paharetana sy amim-pahatokiana.

### Fampanantenana ho an'ireo izay maharitra amim-pahatokiana

Ireo izay miahiahy sao hanakana azy ireo tsy hahazo ny fiainana mandrakizay ny toe-javatra iainany amin'izao fotoana izao dia tokony hahatsiaro fa "tsy misy na iza na iza voafidy mialoha mba hahazo kely kokoa noho ny zavatra rehetra omen'ny Ray ny zanany."[67]

Tsy hisy fitahiana tsy homena ny mahatoky izany. Nanambara ny Filoha Lorenzo Snow hoe: "Tsy misy Olomasin'ny Andro Farany izay maty taorian'ny niainany fiainana feno fahatokiana ka hamoy zavatra satria tsy nahavita nanao zavatra vitsivitsy noho ny tsy fanomezana fahafahana azy ireo hanao izany. Amin'ny teny hafa, raha toa ny zatovolahy na zatovovavy iray ka tsy manana fahafahana hanambady nefa miaina fiainana feno fahatokiana izy ireo mandra-pahatonga ny fotoana hahafatesany, dia hahazo ireo fitahiana rehetra sy ny fisandratana ary ny voninahitra ho azon'ny lehilahy na vehivavy izay afaka nanao sy nampivoatra izany izy. Tena marina sy azo antoka izany."[68]

### Fampanantenana ho an'ireo izay mahafantatra ny drafitra sy mampihatra izany isan'andro

Nanohana tamin'ny fontsika manontolo ny drafitry ny Ray isika tany amin'ny tontolo talohan'ny nahaterahana. Fantatsika fa tia antsika Izy ary nitolagaga tamin'ilay fanomezany tamim-pahalalahan-tanana ity fahafahana handova izay rehetra ananany ity isika ary tafiditra ao anatin'izany ny fiainana mandrakizay.

Ny fanohanantsika ny drafitry ny Ray no fanalahidin'ny fahombiazantsika tany amin'ny fiainana talohan'ny nahaterahana. Izany koa no fanalahidin'ny fahombiazantsika eto amin'ny fiainana an-tany.


Noho izany ny fanasana ataoko dia ny mba hiarahantsika mijoro indray mandeha indray hanohana ny drafitry ny Ray. Ataontsika noho ny fitiavana ny rehetra izany satria ilay drafitra koa aza dia fanehoana ny fitiavana an'Andriamanitra.

Hisy dikany lalina kokoa ny fiainantsika rehefa mampihatra isan'andro ny fahalalantsika ilay drafitra isika. Hiatrika ireo olantsika amim-pinoana bebe kokoa isika. Hibosesika handroso isika miaraka amin'ny fananana fanantenana azo antoka sy mamirapiratra hahazo ny fiainana mandrakizay. ■

AMPIANARO IZY IREO HAHATAKATRA, NATAON'I WALTER RANE

**FANAMARIHANA**


1. Jakôba 6:8; Almà 12:25–26, 30, 32; 17:16; 18:39; 29:2; 39:18; 42:11.
2. Almà 42:8, 16.
3. Jarôma 1:2; Almà 24:14; 42:5; Mosesy 6:62.
4. Jereo ny Almà 12:32; jereo koa ny Boyd K. Packer, "The Great Plan of Happiness and Personal Revelation" (Church Educational System broadcast for young adults, 7 nôv. 1993).
5. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 14:7
6. Jereo ny Harold B. Lee, *The Teachings of Harold B. Lee,* navoakan'i Clyde J. Williams (1996), 72; jereo koa ny Bruce R. McConkie ao amin'ny Conference Report, aprily 1970, 26.
7. Almà 12:32; nampiana fanamafisana; jereo koa ny andininy 25.
8. Jereo ny 2 Nefia 2:13–16; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 101:78.
9. Jereo ny George Q. Cannon, *Gospel Truth: Two Volumes in One: Discourses and Writings of President George Q. Cannon* nofantenan'i Jerreld L. Newquist (1974), 296.
10. Jereo ny Richard G. Scott, "How to Live Well amid Increasing Evil," *Liahona,* mey 2004, 102; Robert D. Hales, *Return: Four Phases of Our Mortal Journey Home* (2010), 33.
11. "Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao," *Liahona,* nôv. 2010, 129; jereo koa ny Asan'ny Apostoly 17:29; Romana 8:16–17; Hebreo 12:9; Abrahama 3:18–25.
12. Jereo ny Almà 12:30; jereo koa ny Joba 38:4–7; Abrahama 3:22–28.
13. Jereo ny 2 Nefia 2:13; jereo koa ny Howard W. Hunter, "To Know God," *Ensign,* nôv. 1974, 97; *Teachings of Presidents of the Church: Heber J. Grant* (2002), 30: "Ny didy tsirairay rehetra dia nomena noho ny tanjona mazava iray, dia ny mba . . . hahamendrika sy hahavonona antsika hiverina sy hipetraka eo anatrehan'ny Raintsika any an-danitra. Ireo adidy sy andraikitra ireo dia narafitra mba hahatonga antsika hanana toetra araka an'Andriamanitra. Narafitra mba hanaovana izay hahatonga antsika ho Andriamanitra izy ireo sy hamolavolana antsika ary hanaovana izay hahamendrika antsika mba ho lasa . . . mpiara-mandova amin'i Jesoa Kristy Tompo sy Mpamonjy antsika."
14. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 136:31; Abrahama 3:24–25.
15. Jereo ny Joba 38:7.
16. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:34–36, 39–40.
17. Jereo ny Isaia 53:3–5; 2 Nefia 2:8; 9:10–11; 31:21; Môsia 3:17; Almà 7:11–13.
18. Jereo ny 1 Petera 1:20; Mosesy 4:2.
19. Abrahama 3:27
20. Jereo ny Isaia 14:12–16.
21. Jereo ny Mosesy 4:3–4; jereo koa ny 1:19.
22. Jereo ny Apokalypsy 12:7–9.
23. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 10:26–27.
24. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 59:18–19.
25. Jereo ny Abrahama 3:24–26
26. Jereo ny Genesisy 1:26–28.
27. Jereo ny Almà 42:2–6; Mosesy 4:25, 28–31.
28. Jereo ny 2 Nefia 2:23; Mosesy 5:11; jereo koa ny Boyd K. Packer, "The Plan of Happiness," *Liahona,* mey 2015, 26–28.
29. Jereo ny Almà 39:3–5; 41:3–4, 10–15.
30. 2 Nefia 2:27.
31. Jereo ny 2 Nefia 2:11.
32. Jereo ny 2 Nefia 2:26–29; Alma 34:32–35.
33. Jereo ny Jakôba 4:7; Etera 12:27; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 62:1.
34. Jereo ny Almà 12:30–32.
35. Jereo ny Môrônia 7:16–19; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:7, 11–13.
36. Jereo ny 2 Nefia 31:12–14, 18.
37. Jereo ny 1 Jaona 1:8.
38. Jereo ny Lioka 22:39–42; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 19:16–19.
39. Jereo ny 1 Korintiana 15:20–23; 2 Nefia 9:10–13; Almà 11:42–45.
40. Jereo ny Almà 42:2–15, 22–31; Môrônia 10:32–33.
41. Jereo ny 2 Nefia 31:10–21; 3 Nefia 27:13–22.
42. Jereo ny Jaona 5:22; Romana 14:10; Apokalypsy 20:12–13; 2 Nefia 9:41; Almà 11:41–44; 3 Nefia 27:14–17, 20, 22.
43. Jereo ny Almà 34:14–17.
44. Jereo ny Môsia 3:21–27; Helamàna 14:15–19; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:21–24, 29–32.
45. Jereo ny Môrmôna 3:20–22.
46. *The Neal A. Maxwell Quote Book,* navoakan'i Cory H. Maxwell (1997), 252.
47. Jereo ny Thomas S. Monson, "Be Thou an Example," *Liahona,* mey 2005, 113.
48. Jereo ny Joseph Smith—Tantara 1:35.
49. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 101:78.
50. Jereo ny Thomas S. Monson, "Be Thou an Example," *Liahona,* mey 2015, 52.
51. Jereo ny Matio 19:5.
52. Jereo ny Genesisy 9:1.
53. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93:36-40.
54. 1 Korintiana 11:11
55. Jereo ny Dallin H. Oaks, "Apostasy and Restoration," *Ensign,* mey 1995, 87; jereo ny Dallin H. Oaks, "No Other Gods," *Liahona,* nôv. 2013, 73.
56. Jereo ny 1 Nefia 3:7.
57. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:19-21.
58. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 109:13–26, 38.
59. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 132:1-21.
60. Jereo ny 1 Petera 3:7; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 131:1–4; jereo koa ny Joseph Fielding Smith, *Answers to Gospel Questions,* boky 5 (1957–66), 4:197: "Ireo izay manambady any amin'ny tempoly mandritra izao fotoana izao ary mandrakizay dia hahazo ny fitahiana ao anatin'ny *fiainana mitohy mandrakizay.* Tsindriko ilay hoe *fiainana mitohy mandrakizay.* Ny hoe fiainana mandrakizay dia ny fiainan'Andriamanitra izany hoe mitovy Aminy. Ny *fiainana mitohy mandrakizay* dia midika hoe fivoarana mandrakizay—ny fitohizan'ny taranaka mandrakizay. Fanambadiana mandritra izao fiainana izao ihany ny fanambadiana any ivelan'ny tempoly. Manasaraka ny fahafatesana—fisarahana mandrakizay izany raha tsy hoe ao anatin'izany fotoana izany dia mibebaka izy ireo ary manana fahafahana ihany mandeha any amin'ny tempoly ary manao ny fanovana."
61. Jereo ny Etera 12:27
62. Jereo ny Etera 12:37.
63. Jereo ny "Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao," 129; jereo koa ny *God Loveth His Children* (bokikely, 2007), 1.
64. Jereo ny Isaia 40:31.
65. Apokalypsy 21:4; jereo koa ny andininy 1–3.
66. 2 Nefia 31:20.
67. D. Todd Christofferson, "Nahoana no ilaina ny manambady sy manorina fianakaviana," 52.
68. *Enseignements des Présidents de l'Église: Lorenzo Snow* (2012), 130. Jereo koa ny Gordon B. Hinckley, "Daughters of God," *Ensign,* nôv. 1991, 98: "Ny olona sasany tsy manambady izay tsy vokatry ny fahadisoana nataony, dia manontany tena raha toa izy ireo ka tsy hahazo mihitsy ilay ambaratonga farany ambony indrindra ao amin'izany fanjakana izany. Matoky aho fa eo ambanin'ny drafitr'ilay Ray be fitiavana sy ilay Mpanavotra masina dia tsy misy fitahiana izay mendrika ny ho azonao ka tsy homena anao mandrakizay izany."



Teo am-pivazavazana sy teo am-panondronondroana tovolahy miaramila iray ny kapitenin'ilay sambo raha iny nentina niditra ny efitrano fisakafoan'ny miaramila iny aho.

# INONA NO METY HAMPANAN-DANJA ITY ZAVATRA ITY?

Nandritra ny fandehanako teny amoron'ny sambo *USS West Virginia,* dia nisy fitadiavana miaramila iray mahay miteny Pôrtogey mba handeha hanao fifanakalozana traikefa amin'ny tafika an-dranomasina Bireziliana mandritra ny telo herinandro. Izaho irery no hany nahay niteny Pôrtogey tao anatin'ny tafiky ny tantsambo mpisitrika.

Ny tsy handeha no zavatra tsapako voalohany. Vao avy nahavita fanaovana fisafoana nandritra ny telo volana aho ary niandrandra ny hahita ny fianakaviako, saingy tsy nety niala tato an-tsaiko mihitsy ilay fifanakalozana traikefa. Nitodika tamim-bavaka tany amin'ny Ray any an-danitra aho ary nahazo valiny mazava fa tokony handeha ka dia nekeko ilay asa hampanaovina.

Maro ireo sakantsakana teo amin'ny fanaovana fifandaminana. Nisy fotoana nahatsapako faniriana ny hilavo lefona. Nieritreritra aho hoe, "Inona no mety hampanan-danja ity zavatra ity?" Nibitsika tamiko anefa ny Fanahy Masina mba hanohy.

Tonga tany amin'ilay sambo Bireziliana ihany aho tamin'ny farany taorian'ny fanemorana maro. Teo am-pivazavazana sy teo am-panondronondroana tovolahy miaramila iray ny kapitenin'ilay sambo raha iny nentina niditra ny efitrano fisakafoan'ny miaramila iny aho. Hitan'ilay kapiteny aho ka nijanona izy ary nilaza tamin'ny teny Anglisy tsy dia mazava loatra hoe, "Oay! Tonga ilay namako Amerikana. Tonga soa Inona no tianao hosotroina?"

Namaly tamin'ny teny Pôrtogey aho hoe te hisotro ilay zava-pisotro malefaka malaza any Birezila aho izay nandritra ny nanaovako asa fitoriana no nisotroiko azy farany. Nilaza izy fa manana ny karazana toaka maro samihafa ny sambo, saingy nolazaiko hoe tsy misotro toaka aho.

Nisy nandondona taty aoriana tao amin'ilay efitra keliko. Rehefa nosokafako ny varavarana dia indro nijoro teo ilay tovolahy miaramila tany amin'ilay trano fisakafoana.

"Amerikana ianao," hoy izy. "Tsy misotro toaka ianao. Miteny Pôrtogey ianao. Mety ho Môrmôna ve ianao?"

"Eny, Môrmôna aho," hoy ny navaliko.

Nofihininy aho ary nigogogogo nitomany izy.

Io miaramila io, Lietna Mendes, dia mpikambana vaovao ihany ary vao avy nahazo mari-pahaizana avy ao amin'ny Akademian'ny tafika an-dranomasina

SARY NATAON'I ALLEN GARNS

Bireziliana. Rehefa teny ambony sambo dia vetivety dia fantany fa nanantena azy hanaraka ilay fomba fiaina feno hadalana ataon'ny miaramila rehefa mitsidika seranan-tsambo ilay kapiteny. Saingy nirotsaka tsy tapaka an-tsitrapo hanao "asa tsy mivoaka ny seranana" ny Lietna Mendes ary raha tsy izany dia tsy mandray anjara amin'ireo zavatra atao any ivelan'ny seranam-pandalovana. Lasa nanorisory ilay kapiteny izany. Rehefa niditra ny efitrano fisakafoana aho dia teo ampivazavazana ny Lietna Mendes izy noho ny tsy fiarahany amin'ny hafa.

Nanome baiko an'ilay lietna izy hoe: "Mandeha miaraka amin'ireo miaramila ianao any amin'ny seranam-pandalovana manaraka." "Ianao no hampiseho an'ilay miaramila Amerikana vahiny izany atao hoe miala voly izany. Izany no handrasany amintsika."

Nivavaka nandritra ny volana maro ny Lietna Mendes mba hahatakaran'ilay kapiteniny sy hanekeny ny fitsipika iainany. Lasa votoatin'ny ankamaroan'ny resaka nifanaovana tao amin'ny efitrano fisakafoana ny filazantsara hatrizay nahatongavako. Niresaka tamin'ireo miaramila hafa momba an'i Joseph Smith, ny Famerenana tamin'ny Laoniny sy ny Tenin'ny Fahendrena ary ny lalàn'ny fahadiovam-pitondrantena izahay. Vetivety dia niova ny fandraisana ny Lietna Mendes. Nesorin'ny miaramila ireo sary pôrnôgrafika narantiranty ary niaraka nisakafo tany amin'ny trano fivarotan-tsakafo iray izahay rehetra fa tsy nandeha tany amin'ny trano filanonana amin'ny alina rehefa niantsona tany amin'ny seranana manaraka.

Nanalefaka ny fony ireo lehilahy rehefa nanakaiky ny fiafaran'ilay telo herinandroko teny ambony sambo sy taorian'ny fifanakalozan-kevitra maro niarahana tamin'ilay kapiteny sy ireo miaramila mikasika ny finoantsika. "Azoko amin'izay ilay izy ankehitriny," hoy ilay kapiteny tamin'ny Lietna Mendes talohan'ny nandehanako ary nampiany hoe tsy hangataka azy mba handika ny fitsipika iainany intsony izy.

Tsy hohadinoiko na oviana na oviana io zavatra niainako io. Nianatra izaho sy ny Lietna Mendes fa mahafantatra antsika tsirairay avy ny Raintsika any an-danitra ary tia antsika sy miahy ny fiainantsika manokana. ■

Kelly Laing, Washington, Etazonia

## NIRESAKA TAMIKO NY RAHAVAVY SPAFFORD

Nilalao kilalao amin'ny internet momba ny fandrahoan-tsakafo aho indray alina efa tara raha nandalo ny vadiko ka nilaza fa handeha hatory izy.

"Ho avy aho," hoy aho taminy.

"Hinoako izany rehefa hitako," hoy izy.

Tao amin'ilay kilalao nolalaoviko dia nahandro sakafo tsy tena izy ao anatin'ny trano fivarotan-tsakafo tsy tena izy ho an'ny mpanjifa tsy tena izy aho. Nijery teo amin'ny efijerin'ilay solosaina aho ary niteny hoe: "Hay misy sakafo izay ho avy afaka 15 minitra."

Mba handaniana ny fotoana izay niandrasako dia nandray ny *Filles dans Mon Royaume: L'histoire et l'Oeuvre de la Société de Secours,* aho izay nipetraka teo ambony latabatra hatrizay nahazoako azy tao amin'ny Fikambanana Ifanampiana. Nanomboka namaky ny teny fanolorana aho. Nahita izao manaraka izao aho teo amin'ny pejy fahatelo izay nataon'i Belle S. Spafford, filoha fahasivin'ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany.

"Raha ny hevitro, ny vehivavy amin'ny ankapobeny ankehitriny," hoy ny nosoratany, "dia tsara raha mandinika ny zavatra mahaliana azy sy manombantombana ireo zavatra izay ataony ary avy eo dia manao dingana mba hanamorana ny fiainany, ka manao ho lohalaharana ireo zavatra tena manan-danja, amin'ny fametrahana ny fifantohana any amin'izay ahitana valisoa lehibe sy maharitra indrindra ka hanala ny tenany amin'ireo zavatra ataony izay tsy dia hitondra voka-tsoa" (2011, xiii).

Ankoatra ny soratra masina dia tsy mbola nisy zavatra izay novakiako ka nampientam-po lalina ahy toy izany. Niresaka tamiko io vehivavy izay efa nodimandry tamin'ny 30 taona mahery lasa io. Mbola mitombina kokoa angamba ny teniny ankehitriny noho ny tamin'ny fotoana izay nilazany azy.

Fantatro avy hatrany fa tsy tokony hilalao kilalao en ligne intsony aho. Novonoiko ny solosaina dia nandeha natory aho ary nilaza tamin'ny vadiko ny amin'ny fanapahan-kevitro. Ny ampitson'io dia tsy novelomiko mihitsy ny solosaina. Fa noeritreretiko kosa ny ora laniko isan'andro tamin'ireny kilalao ireny.

Nampitomboiko 365 (andro ao anatin'ny taona iray) ny telo ora isan'andro ary nozaraiko 24 (ora ao anatin'ny andro iray). Gaga aho raha nahita fa very 45,62 andro isan-taona aho. Very mandrakizay ireo ora sy andro sarobidy ireo. Fotoana izay tokony nolaniako tamin'ny famakiana soratra masina, fiarahana amin'ireo vady aman-janako, fanompoana ny hafa na filofosana amin'ny antso.

Matetika ireo Manampahefana Ambony no miresaka momba io lohahevitra io mandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany. Nefa tsy mbola nahatakatra izany aho ary noheveriko fa tsy nihatra tamiko izany.

Feno fankasitrahana aho fa nanampy ahy ny Fanahy Masina hahafantatra fa niresaka tamiko ireo Manampahefana Ambony—sy i Belle S. Spafford. ■

Sandy Howson, Ohio, Etazonia

# TSY FANTATRO HOE NAHOANA AHO NO TEO

Vao nahavita ny vavaka hariva fanaonay izaho sy ny reniko. Nifamihina izahay sady niteny hoe: "Tiako ianao" Avy eo dia nandeha tany amin'ny efitrano fatoriako aho. Rehefa nihazo ny varavarako aho dia nisy fahatsapana mafy tonga tao an-tsaiko fa ho faty ny reniko ny ampitson'io.

Niezaka niady tamin'ilay eritreritra ny atidohako sy ny foko. Tsy nisy zavatra tokony hitranga amin'ny reniko mihitsy. Milamina tsara daholo ny aminy.

Rehefa tonga tao amin'ny efitranoko aho dia nandohalika nivavaka ary nilaza tamin'ny Ray any An-danitra fa tsy tokony ho marina ny fahatsapako mikasika ny reniko. Nangataka taminy aho mba hanala ilay eritreritra tato amiko saingy tsy niala izany. Niverina tao amin'ny efitranon'ny ray aman-dreniko aho ary nilaza tamin'ny reniko fa nila fihina sy oroka fanampiny alohan'ny handehanako hatory. Niteny indray izahay hoe: "Tiako ianao," dia niverina tany amin'ny efitranoko aho. Elaela aho vao resin-tory tamin'io alina io.

Rehefa nifoha aho ny marainan'io dia natahotahotra. Soa fa teo ny reniko, faly sady salama tsara. Kanefa tany an'eritreritro dia mbola nijanona ihany ilay fahatsapana mahasorena fa nisy zavatra tsy mety. Tamin'ny fivoriana fifadian-kanina sy fijoroana ho vavolombelona tamin'io andro io dia nitsangana ny reniko ka nizara fijoroana ho vavolombelona mahafinaritra.

Taorian'ny fivoriana fanasan'ny Tompo dia lasa nampianatra tany amin'ny kilasin'ny Kilonga izy ary izaho kosa nandeha tany amin'ny Sekoly Alahady. Nanana fahatsapana mazava hafa aho tamin'izay fotoana izay fa nila nitsangana sy nivoaka tao amin'ny Sekoly Alahady. Tsy hoe te hisarika ny saina taty amiko aho fa nisy zavatra nanala ahy teo amin'ny sezako ka nitondra ahy nivoaka ny varavarana. Tao anatin'ny minitra vitsivitsy dia efa nipetraka tao amin'ny kilasin'ny Kilonga izay nampianaran'ny reniko aho nihaino azy nampianatra.

Tsy fantatro hoe nahoana aho no teo saingy fantatro fa teo amin'ny toerana izay tokony hisy ahy aho.

Avy eo tany an-tranon-drahalahiko ny tolakandran'io, dia nibanjina mivantana farany ny masoko ny reniko rehefa nidaraboka ka nodimandry noho ny embolie pulmonaire nahazo azy. Noho ny antony izay an'ny Ray any An-danitra sy noho ny famindrampony dia nandefa ny Fanahy Masina Izy mba hanomana ahy. Ireo bitsika ireo dia nanome ahy fotoana fanampiny niarahako tamin'ny reniko izay mety tsy ho nankamamiako raha toa ka tsy niraharaha ilay feo tony sy malefaka aho.


Mbola tsy niharihary be tamiko toy izany ny fitiavan'ny Raiko any An-danitra raha tsy nitranga ilay toe-javatra nanodidina ny nahalasana ny reniko. Tena voatahy isika manana Ray any an-danitra izay tia antsika tokoa ka nanome antsika ilay fanomezana manokan'ny Fanahy Masina. ■

Amber Cheney, Alabama, Etazonia

Niverina tao amin'ny efitranon'ny ray aman-dreniko aho ary nilaza tamin'ny reniko fa nila fihina sy oroka fanampiny alohan'ny handehanako hatory.



NATAON'I KATHLEEN PETERSEN



Rehefa nantsoiko ny biraon'ilay sambo ka niangavy azy ireo mba hanemotra roa andro ilay dia aho dia nilaza izy ireo fa tsy afaka miandry.

# NIVAVAKA HO AN'NY DIAKO HO ANY ROTUMA

Niainga omaly ny *Westerland*," hoy ny zaobaviko rehefa niarahaba anay tao amin'ny seranampiaramanidin'i Nadi ao Fidji.

Nalahelo sy diso fanantenana aho tamin'ilay vaovao. Ny *MV Westerland* no sambo tokony nitondra anay nijery ny zokiko lahy any amin'ny Nosy Rotuma. I Rotuma dia tokony ho 600 km avaratra andrefan'i Viti Levu, ny midadasika indrindra amin'ireo nosin'i Fidji. Raha tara sambo ianao dia tsy maintsy miandry ny sambo manaraka mandritra ny andro maromaro na herinandro maro mihitsy aza.

Herintaona talohan'io dia efa nandeha tany Rotuma aho nanampy ny rahalahiko nanavao ny tranon'ny renibenay ary nandao azy aho noho ny tsy fifankahazoana tamin'ny lafin'ny asa. Izao aho dia te hifanatri-tava aminy ka hilaza aminy fa nanenina aho.

Herinandro talohan'ny nandehananay fiaramanidina niala tany Australie nankany Fidji dia niteny ahy ny zanadrahalahiko fa hiainga ho any Rotuma ny andro mialohan'ny tokony hahatongavanay ny sambo *Westerland*. Nantsoiko avy hatrany ny biraon'ilay sambo ka niangavy azy ireo mba hanemotra roa andro ilay dia aho.

"Tsia, tsy azonay atao izany na dia tianay aza," hoy ny valinteny. "Efa nanomana lanonana fiarahabana ny Filankevitry ny Nosy Rotuma ka tsy maintsy miainga araka ny efa voalahatra ny sambo."

Nisy eritreritra niserana tao antsaiko ka nanapa-kevitra ny hifady hanina sy hivavaka aho.

"Ry Ray any An-danitra," hoy aho nivavaka, "tena te hahatratra io sambo mankany Rotuma io aho. Inoako fa tsy afaka manemotra andro iray na roa ny fiaingana izy ireo saingy Ianao kosa dia manana ny hery hanaovana izany. Azonao atao ve ny manala bolao iray na aiza na aiza amin'ilay sambo mba hampihemotra ny dia ka hahafahako hiondrana? Mila mankany Rotuma sy mihavana amin'ny rahalahiko aho."

Rehefa avy nandre ilay vaovao nandiso fanantenana izahay dia nandeha nankany amin'ilay seranana tany amin'ny lafiny ilan'ilay nosy izahay. Renay tao anefa fa nisy olana tao amin'ny maoteran'ilay sambo ka mbola tsy niainga izany. Namaly ny vavaka nataoko ny Ray any An-danitra! Rehefa nojerena dia ilay maotera manontolo mihitsy—fa tsy bolao iray monja—no nilaina nesorina mba hampitsaharana ilay menaka nitete be.

Rehefa niainga ihany ilay sambo herinandro taty aoriana, dia teny ambonin'izany aho. Rehefa tonga tany Rotuma aho dia namihina ny rahalahiko ka nifona taminy ary naverinay tamin'ny laoniny ny fifandraisanay. Azo antoka fa androm-pifaliana tamin'io.

Ho feno fankasitrahana mandrakizay aho noho io traikefa ara-panahy mahatalanjona io sy noho ny filazantsaran'i Jesoa Kristy naverina tamin'ny laoniny. Vavolombelona iray izany fa mbola misy ny fahagagana ankehitriny, fa velona ny Ray any An-danitra ary mamaly ny vavaka avy amin'ny fo ataontsika Izy, fa miara-miasa ny vavaka sy ny fifadian-kanina, ary marina ny filazantsara—na dia ao amin'ny tanàna kely iray ao amin'ny nosikelin'i Rotuma aza. ■

John K. Muaror, New South Wales, Australie

(Efa maty ny mpanoratra.)

NATAON'I ALLEN GARNS



**Nosoratan'i Randall L. Ridd**
Mpanolotsaina faharoa tao amin'ny fiadidian'ny Zatovolahy maneran-tany nanomboka tamin'ny 2013 ka hatramin'ny 2015

# MIAINA OMBAN'NY tena finiavana

Nianatra ny maha-zava-dehibe ny tena finiavana aho tamin'izaho mbola zatovo mpianatra seminera. Nanome fanamby anay ny mpampianatra anay mba hamaky ny Bokin' i Môrmôna. Mba hanaovana fanaraha-maso ny fivoaranay dia namorona tabilao iray izy izay misy ny anaranay eo amin'ny lafiny iray ary ireo boky ao amin'ny Bokin'i Môrmôna eny ambony. Isaky ny namaky boky iray izahay dia nametahany sarina kintana eo akaikin'ny anaranay.

Tamin'ny voalohany dia tsy nanao ezaka firy aho tamin'ny famakiana ary tsy ela akory dia hitako fa nihataraiky hatrany hatrany tany aoriana aho. Rehefa natosiky ny fahatsapana henatra sy ny toetrako tia mifaninana aho dia nanomboka namaky. Isaky ny nahazo kintana aho dia azoko ery ny aiko. Ary arakaraky ny nahazoako kintana no namporisika ahy bebe kokoa hamaky—eny anelanelan'ny fianarana, aorian'ny sekoly, isaky ny fotoana malalaka.

Tena tantara mahafinaritra tokoa ity raha mba afaka milaza aminareo aho fa ho vokatry ny ezaka izay nataoko dia lasa voalohany tao amin'ny kilasy aho—saingy tsia. Ary mety ho TSARA raha mba afaka nilaza taminareo aho hoe, nahazo zavatra tsaratsara kokoa noho ny mahazo voalohany aho—fijoroana ho vavolombelona momba ny Bokin'i Môrmôna. Saingy tsy niseho ihany koa izany. Tsy nahazo fijoroana ho vavolombelona aho. Kintana no azoko. Nahazo kintana aho satria izany no antony namakiako. Raha hampiasa ny tenin'i Môrônia dia izany no "tena finiava[ko]."

Tena nazava i Môrônia rehefa nanoritsoritra ny fomba hahitana raha marina ny Bokin'i Môrmôna: "Ary rehefa handray ireto zavatra ireto ianareo, dia ta hamporisika anareo aho ny mba hanontanianareo an' Andriamanitra, Ilay Ray Mandrakizay, amin' ny anaran'i Kristy, raha tsy marina ireto zavatra ireto; ary raha manontany aminkitsimpo ianareo, omban'ny *tena finiavana,* sady manam-pinoana an'i Kristy, dia haneho ny fahamarinan' izany aminareo Izy amin'ny herin' ny Fanahy Masina" (Môrônia 10:4; nampiana fanamifasana).

**Ny hoe tena finiavana dia midika hoe manao ny zavatra tsara noho ny antony tsara.**

## Ireo antony tsara

Rehefa jereko dia hitako fa aradrariny tokoa ny nataon'ny Tompo tamiko. Nahoana aho no tokony hanantena zavatra hafa ankoatra ny zavatra izay notadiaviko? Ny hoe tena finiavana dia midika hoe manao ny zavatra tsara noho ny antony tsara. Namaky boky tsara aho noho ny antony *ratsy*.

Efa aman-taonany maro taty aoriana aho vao namaky ny Bokin'i Môrmôna omban'ny tena finiavana. Fantatro ankehitriny fa manatanteraka ny tanjony masina dia ny



SARY NALAIN'I SERGEY NIVENS/ISTOCK/THINKSTOCK

mijoro ho vavolombelona ny amin'ny fiainana sy ny asa nanirahana an'i Jesoa Kristy ny Bokin'i Môrmôna satria novakiako omban'ny tena finiavana izany.

Miantefa amintsika rehetra eo amin'ny lafim-piainantsika rehetra ny lesona nianarako momba ny tena finiavana sy ny Bokin'i Môrmôna. Matetika loatra isika no manaraka fotsiny ireo fomba sy fahazarana izay efa voavolavola nandritra ny fiainantsika—mandeha ho azy fotsiny isika tsy mandinika tsara ny mety ho vokatry ny ataontsika. Ny miaina omban'ny tena finiavana dia hanampy zavatra hifantohana sy tanjona amin'ny fiainantsika ary afaka hitondra fiovana lehibe. Ny hoe miaina omban'ny tena finiavana dia midika hoe mahatakatra ny "nahoana"—ireo antony manosika antsika hanao zavatra. Hoy i Socrates hoe: "Ny fiainana tsy voalanjalanja dia tsy mendrika hiainana."[1] Noho izany dia saintsaino ny fomba handanianao ny fotoananao, ary manontania tena matetika hoe: "Nahoana?" Hanampy anao hianatra mamantatra izay mety ho vokatry ny zavatra ataonao izany. Tena tsara lavitra kokoa ny mijery any aloha sy manontany tena hoe: "Fa nahoana aho no hanao izany?" toy izay ny mijery ny efa lasa ka milaza hoe: "Nahoana, andray! Fa nahoana aho no nanao izany"



*Ny hoe miaina omban'ny tena finiavana dia midika hoe mahatakatra ny "nahoana"—ireo antony manosika antsika hanao zavatra. Hoy i Socrates hoe: "Ny fiainana tsy voalanjalanja dia tsy mendrika hiainana."*

### Inona no tian'ny Tompo hataonao?

Fony aho zatovolahy dia nanapa-kevitra ny tsy handeha hanao asa fitoriana. Rehefa afaka herintaona tany amin'ny oniversite sy herintaona tany amin'ny tafika dia nahazo asa tsara tao amin'ny hôpitaly tao an-toerana aho ka teknisianina tao amin'ny radiologie. Toa tena nandeha tsara ny fiainana ary toa tsy nilaina ny asa fitoriana.

Indray andro dia nanasa ahy hiara-hisakafo aminy i Dr. James Pigree, dokotera mpandidy tao amin'ilay hôpitaly. Tao anatin'ny resaka nifanaovanay dia nahita izy fa tsy nikasa ny hanao asa fitoriana aho ka dia nanontany izy hoe nahoana. Nolazaiko izy fa efa bebe taona aho sady efa mety tara be. Nilaza tamiko izy fa tsy antony tsara izany, raha niteny fa taorian'ny nahavitany ny fianarany ho mpitsabo no nandehanany nanao asa fitoriana. Ary avy eo izy dia nijoro ho vavolombelona momba ny maha-zava-dehibe ny asa fitoriana izay nataony.

Nisy fiantraikany lehibe tamiko ny fijoroana ho vavolombelona izay nataony. Nahatonga ahy nivavaka tsy mitovy tamin'ny fanaoko hatrizay izany—omban'ny *tena finiavana*. Nahita antony maro be tsy handehanako hanao asa fitoriana aho: Saro-kenatra aho. Nanana asa izay tiako aho. Afaka ny nahazo vatsimpianarana izay tsy ho azoko aorian'ny fandehanako manao asa fitoriana aho. Ary indrindra indrindra nanana sakaiza izay niandry ahy aho tamin'izaho tany amin'ny tafika, ary fantatro fa tsy hiandry ahy mandritra ny roa taona indray izy! Nivavaka aho mba hangataka fanamafisana fa nitombina ireo antony ireo ary marina ny ahy.

Akory ny hakiviako fa tsy nety nahazo ilay valinteny mora hoe eny na tsia izay nantenaiko aho. Avy eo dia tonga tamiko ny eritreritra hoe: "Inona no tian'ny Tompo hataonao?" Tsy maintsy niaky aho fa tiany handeha hanao asa fitoriana, ary lasa fotoana izay nandraisako fanapahan-kevitra goavana teo amin'ny fiainako izany. Ny zavatra tiako hatao ve no handeha hataoko sa ny sitrapon'ny Tompo? Izany no fanontaniana tokony hanontaniantsika matetika amin'ny tenantsika.

Nisafidy tamim-pankasitrahana ny hanao asa fitoriana aho ary notendrena hiasa tao amin'ny Misiônan'i Mexique Avaratra.

SARY NALAIN'NY JUPITERIMAGES/STOCKBYTE/THINKSTOCK

## Vokatra mandrakizay

Dimy amby telopolo taona taty aoriana dia namporisika ahy hitsidika an'i Mexique niaraka taminy ny zanako lahy. Nanantena ny hahita ny sasany tamin' ireo olona izay nampianariko izahay. Nanatrika ny fivorian'ny fanasan'ny Tompo tao amin'ilay tanàna kely izay nanombohako ny asa fitoriana izahay saingy tsy nahafantatra na dia olona iray aza aho. Taorian'ny fivoriana dia niresaka tamin'ny iray tamin'ireo mpikambana izahay ka nanontany azy raha toa ka nahafantatra olona tamin'ny lisitr'ireo olona izay nampianariko taona maro lasa. Notetezinay ilay lisitra fa tsy nisy fahombiazana, mandra-pahatonga teo amin'ilay anarana farany: Leonor Lopez de Enriquez.

"Eny marina!" hoy ilay lehilahy. "Mpikambana ao amin'ny paroasy iray hafa ity fianakaviana ity fa ato amin'ity trano ity izy ireo no mivavaka. Izy ireo no manao fivoriana fanasan'ny Tompo manaraka."

Tsy nila niandry ela izahay dia tonga niditra ny trano fiangonana i Leonor. Na dia efa 70 taona mahery aza izy izao dia tonga dia fantatro ary fantany koa aho. Nifamihina ela sy tamin-dranomaso izahay.

"Nivavaka nandritra ny 35 taona izahay mba hiverenanao aty ka hahafahanay misaotra anao noho ny fitondranao ny filazantsara tamin'ny fianakavianay," hoy izy.

Rehefa niditra ny trano fiangonana ny mpikambana hafa tao amin'ilay fianakaviana dia nifamihina sy latsa-dranomaso izahay. Tsy ela dia fantatray fa iray tamin'ireo zanakalahin'i Leonor no evekan'io paroasy io, zafikeliny ny mpampianatra hira sy ny mpitendry pianô ary ny ankamaroan'ireo zatovolahy ao amin'ny Fisoronana Aharôna. Vadin'ny mpanolotsaina ao amin'ny fiadidian'ny tsatòka ny zanany vavy iray. Vadin'ny evekan'ny paroasy eo akaiky ny zanany vavy iray hafa. Efa nanao asa fitoriana avokoa ny ankamaroan'ireo zanak'i Leonor ary ankehitriny dia efa nanao asa fitoriana koa ireo zafikely.

Tsapanay fa nanao asa fitoriana tsara lavitra kokoa noho ny nataoko i Leonor. Ankehitriny dia mahatsiaro amim-pankasitrahana ny ezaka nataony tsy nitandro hasasarana nampianatra azy ireo ny filazantsara ireo zanany. Nampianariny azy ireo fa ny fanapahan-kevitra kely, rehefa mandeha ny fotoana, dia hiafara amin'ny fiainana feno sy marina ary sambatra, ary nampianatra izany zavatra izany tamin'ny hafa koa izy ireo. Raha jerena dia mihoatra ny 500 ireo olona niditra tao amin'ny Fiangonana noho ity fianakaviana tena mahafinaritra ity.

Ary izany rehetra izany dia noho ny resaka iray izay nifanaovana teo am-pisakafoana. Nieritreritra foana aho hoe raha nifantoka bebe kokoa tamin'ny asany na tamin'ny fitadiavany ny zavatr'izao tontolo izao i Dr. Pingree dia mety tsy nanontany ahy mihitsy izy hoe nahoana aho no tsy nandeha nanao asa fitoriana. Saingy tany amin'ny olon-kafa sy ny hampandrosoana ny asan'ny Tompo ny nifantohan'ny sainy. Namboly voa izy izay efa nitombo ka nanome vokatra, ary mbola tsy mitsahamitombo hatrany (jereo ny Marka 4:20). Nampianatra ahy ny vokatra mandrakizain'ny fanapahan-kevitra kely hanao ny sitrapon'ny Tompo ny asa fitoriana nataoko.

## Tsarovy ny tanjonao mandrakizay

Matetika aho no nanao jery todika ny fiainako ary nanontany tena hoe nahoana no sarotra tamiko ny nandray fanapahan-kevitra nandeha nanao asa fitoriana. Sarotra izany satria variana aho; hadinoko ny fikasako mandrakizay—ny tena antony mahatonga antsika eto.

Tsy nifanaraka tamin'ny sitrapon'ny Tompo ireo faniriako sy ny sitrapoko, nefa ho mora kokoa ilay fanapahan-kevitra raha ny nifanohitra tamin'izany no niseho. Ary nahoana izany no tsy nifanaraka? Nandeha tany am-piangonana sy nandray ny fanasan'ny Tompo aho, nefa tsy nifantoka tamin'ny dikan'izany. Nivavaka aho, nataotaoko fahatany anefa izany tamin'ny ankapobeny. Namaky soratra masina aho saingy indraindray ihany sady tsy omban'ny tena finiavana.

Mamporisika anao aho mba hiaina fiainana misy fiheverana sy tanjona—na dia tsy nanao toy izany foana ianao tamin'ny lasa. Aza kivy noho ny fieritreretana ny zavatra izay efa nataonao na mbola tsy nataonao. Avelao ny Mpamonjy hanadio sy hamafa izany. Tsarovy ny nambarany: "Arakaraka ny nibebahany sy ny nitadiavany famelana tamin' ny *finiavana marina* no namelana azy" (Môrônia 6:8; nampiana fanamafisana).

Atombohy izao. Manàna fiainana voaeritreritra, izay ahitana ny fahatakarana ny antony anaovanao zavatra iray sy ny vokatr'izany. Rehefa ataonao ireo zavatra ireo dia ho hitanao fa ny antony tena manan-danja indrindra ao ambadiky ny zavatra rehetra izay ataonao dia satria tianao ny Tompo ary fantatrao ny Fitiavany tonga lafatra ho anao. Enga anie ianao hahita fifaliana lehibe eo amin'ny fikatsahanao ny fahalavorariana ary ny fanakaranao sy fanaovanao ny sitrapony. ■

*Notsoahina avy tamin'ny fampaherezam-panahy maneran-tany ho an'ny tanora tokan-tena sy mpivady vao herotrerony, "Fananana tanjona eo amin'ny fiainana: Ny lanjan'ny finiavana marina," natao tao amin'ny Brigham Young University–Idaho tamin'ny 11 janoary 2015. Mba hahitana ny lahateny iray manontolo dia midira ao amin'ny devotionals.lds.org.*

**FANAMARIHANA**

1. Socrates ao amin'ny Plato, *Apology* (2001), 55.

# Finoana, asa fanompoana ary mofo iray

**Nosoratan'i Nissanka (Nissh) Muthu Mudalige**

Niala tany Sri lanka dia nifindra tany Arménie aho tamin'ny taona 2007 mba handranto fianarana, ary dia nihaona tamin'ireo misiônera ka natao batisa ny taona manaraka. Taorian'ny batisako dia naniry mafy ny handeha hanao asa fitoriana amin'ny fotoana feno aho. Tsy afaka nanao izany aho satria nihoatra ny 25 taona. Na izany aza dia niantso ahy hanao asa fitoriana tapany ny filohan'ny misiôna. Ny andraikitro dia nahitana ny fiarahana miasa amin'ireo misiônera hafa sy ny fitoriana ny filazantsara. Tiako izany.

**Rehefa nody aho dia tsy nahatsiaro reraka. Ny hany zavatra tao an-tsaiko dia ny tsikin'ilay vehivavy efa antitra iray.**

## Fitsapana ny herimpo

Kely ny vola teo am-pelatanako tamin'izany fotoana izany. Avy eo dia rava ny asa aman-draharahan'ny raiko ka tsy afaka nandefa vola taty amiko intsony izy. Vola ho an'ny sakafo mandritra ny andro vitsivitsy fotsiny no nananako. Teo akaikin'ny toerana fonenako ny oniversite nianarako fa ny biraon'ny misiôna kosa dia 30 minitra raha mandeha fiara fitaterana. 200 drams (tokony ho 0,50 dôlara amerikana) no saran-dalana mandroso sy miverina.

Mbola te hilofo tamin'ny asa fitoriako ihany anefa aho. Rehefa niantso ahy ny misiônera iray mba hamangy mpikambana vitsivitsy miaraka aminy ka nangataka ahy mba hihaona tao amin'ny tranon'ny Sampana Central—izay 40 minitra niala teo amiko raha nandeha fiara fitaterana—dia nanaiky aho, na dia vola kely izay nahafahako nividy mofo iray fotsiny aza no taty amiko. Nandeha an-tongotra nankany amin'ilay tranon'ny Sampana Central aho. Andro nafana irain'ny fahavaratra izany ka dia tsy maintsy nijanona sy nisotro rano aho teny an-dalana. Adiny roa ny faharetan'izany vao tonga aho. Teny am-pandehanana nandritra ny adiny roa rehefa nody dia nividianako mofo ilay vola keliko farany.

## Fitsapana lehibe kokoa

Vao tonga tany an-trano kelikely aho dia naharay antso an-tariby avy tamin'ilay misiônera teo ihany. Hoy izy: "Nissh, azafady raha miantso anao indray aho fa misy mpikambana iray marary. Afaka ny ho tonga aty ve ianao mba ho namako rehefa hanome tsodrano azy aho?" Te hilaza taminy aho fa tena reraka nandeha tongotra adiny efatra tao anatin'ny hafanana saingy tsy namela ahy nanao izany ny foko. Nanome tanjaka sy herimpo ahy ny finoako ka dia niteny aho fa handeha.

Tonga ny mpiray trano tamiko avy eo. Nanontany azy aho raha afaka mindrana vola kely aminy hahafahako mandeha any amin'ny biraon'ny misiôna. Nilaza izy fa vola hividianany sakafo mandra-pahatapitry ny volana fotsiny no nananany ka tsy afaka nampindrana ahy izy.

Tampotampoka teo dia niantefa teny amin'ilay mofo vao novidiko izay nipetraka teo ambony latabatra ny masoko, izay mbola tsara—ilay hany sakafo nananako. Nalaiko izany ka hoy aho hoe: "Vao novidiko ity mofo ity; azonao raisina ve ity dia omenao



SARY NATAON'I DOUG FAKKEL

100 dram aho?" Nitsiky izy sady niteny fa azony natao izany. Nalaiko ilay vola ary nandray ny fiara fitaterana nankany amin'ny biraon'ny misiôna aho.

Novangianay izany mpikamban'ny Fiangonana izany, vehivavy efa antitra izay tsy afa-miala eo ampandriana. Zara raha afaka nanokatra ny masony izy mba hijery anay, saingy nitsiky tamiko izy. Niresaka tamiko manokana izy nahatsiaro ireo zavatra niseho teo amin'ny fiainany tany aloha. Tena faly izy nahita anay tao an-tranony. Niaraka nanome tsodrano azy izaho sy ilay misiônera. Nitsiky taminay indray izy, ary hitako ilay hazavana teo amin'ny tavany. Nilaza ny zanany vavy fa tamin'ny famangianay no fotoana voalohany nandritra ny volana maro izay nahitany ny reniny nitsiky.

Nandeha tongotra adiny roa indray aho nody saingy tamin'ity indray mitoraka ity dia tsy nahatsiaro reraka aho. Ny hany zavatra noeritreretiko dia ny tsikin'ilay vehivavy efa antitra sy ny resaka nifanaovanay. Tsapako fa tian'ny Ray any An-danitra novangiako izy. Izany angamba no zavatra nilainy mba hahazoana fifaliana bebe kokoa nandritra ny androny farany. Nahatsapa ho feno fankasitrahana aho noho ny fahafahako nandray anjara tamin'izany famangiana izany. Nangataka ny Ray any An-danitra aho mba hitahy izany vehivavy izany. Nangataka Azy koa aho mba hitahy ahy amin'ny sakafoko isan'andro nandritra ny fotoan-tsarotra ara-bola izay nolalovako.

### Fitahiana avy any ambony

Tsy namela ahy irery Andriamanitra. Nizara ny sakafony tamiko ny namako tamin'io volana io. Tsy mba nandry fotsy aho na dia tsy nanam-bola na kely aza. Nandeha tongotra nankany amin'ny biraon'ny misiona aho isan'andro—ary tsy nahatsiaro reraka mihitsy. Nahafaly ahy ilay fahafoizantena.

Nahazo fanasana imbetsaka hisakafo aho tamin'io volana io. Indray andro samy tsy nanam-bola izaho sy ny mpiray trano tamiko ary mofo kely iray fotsiny no nanananay mba hatao sakafo maraina. Tena noana izahay ny harivan'io. Raha teny andalana handeha hindrana vola tany amin'ny namanay iray izahay dia nisy fiara iray nijanona ka Armenianina anankiroa no tao anatiny. Nanontany anay ny fiavianay ireo lehilahy ireo. Rehefa avy niteny izahay hoe avy any Sri Lanka dia nanasa anay izy ireo hiara-hisakafo aminy any antranony. Tian'izy ireo ny nihaino ny zavatra rehetra momba an'i Sri Lanka ary dia nahafinaritra ny fiarahanay nisakafo.

Tiako ny Raiko any An-danitra sy ireo fitahiana rehetra izay omeny ahy tsy tapaka. Eo izy mba hanampy ahy, ary tsapako ny fiahiany ahy ampitiavana isan'andro. ■

*Mipetraka any Arménie ny mpanoratra.*



**Nosoratan'ny Loholona Dallin H. Oaks**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# AFAKA AMIN'NY FANDRIKY NY PÔRNÔGRAFIA

*Tsy maintsy mianatra ny fomba fandraisana andraikitra eo anatrehan'ny fitaovan-tserasera ahitana zavatra mamoa fady isika rehetra.*

Nanao lahateny mikasika ny pôrnôgrafia aho nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana folo taona lasa izay. Nanamafy ny fampitandreman'ireo mpitarika hafa aho mikasika ny voka-dratsy ara-panahy ateraky ny pôrnôgrafia. Nampitandrina aho fa lehilahy sy tovolahy be dia be no simbain'izay antsoiko hoe "literatiora fampiratiana ny firaisana ara-nofo tsy ara-dalàna."[1] Ny fampiasana ny pôrnôgrafia amin'ny endriny rehetra dia ratsy—manimba ny fahatsapana ara-panahy izany, mampihena ny fahafahana mampiasa ny herin'ny fisoronana izany, ary manimba ireo fifandraisana izay sarobidy.

Ankehitriny, 10 taona mahery aty aoriana, dia feno fankasitrahana aho fa maro no efa nisoroka sy nitoetra ho madio sy tsy voapentimpentin'ny loton'ny pôrnôgrafia, rehefa nihaino sy nanaraka ireo fampitandreman'ny mpaminany. Feno fankasitrahana ihany koa aho fa maro no efa nanaraka ireo fanasan'ny mpaminany mba hiala amin'ny pôrnôgrafia, hanasitrana ireo fo voaratra sy fifandraisana simba ary handroso hatrany eo amin'ny lalan'ny maha-mpianatra. Saingy miahiahy kokoa noho ny teo aloha aho noho ny sasany amintsika izay mbola voafandriky ny pôrnôgrafia, indrindra fa ireo zatovolahintsika ary zatovovavy koa aza izay tena mitombo isa.

Ny tena anton'ny fitomboan'ny olan'ny pôrnôgrafia dia satria amin'izao tontolo ankehitriny izao dia hita eny rehetra eny ireo teny sy sary vetaveta: ahitana izany ireo horonantsary, ireo fandaharana amin'ny fahitalavitra, ireo tambazotra ifaneraserana, ireo hafatra an-tsoratra, ireo applications ao anaty finday, ireo dokam-barotra, ireo boky, ireo hira ary ireo resaka ifanaovana andavanandro. Noho izany dia tsy azo ihodivirana fa voahodidin'ireo hafatra mamoha fady tsy tapaka isika rehetra.

SARY NATAON'I DOMIBNIC/ISTOCK/THINKSTOCK



*Ny fitodihana amimpanetrentena any amin'ny Tompo dia mitarika ny olona iray hanaiky ireo fahamarinana sasany izay, raha toa ka takatra tanteraka, dia manome hery sy manaisotra ny henatra.*

### I. Ireo ambaratongan'ny fandraisana anjara

Mba hanampiana antsika hanohitra izany ratsy tsy mitsaha-mitombo izany dia te hampiseho ambaratonga maro samihafa eo amin'ny fandraisana anjara amin'ny pôrnôgrafia aho ary hanome sosokevitra ny amin'ny fomba tokony hiatrehantsika ny tsirairay amin'izy ireo.

Tamin'ny fotoana sy toe-javatra teo aloha dia nifantoka indrindra tamin'ny fanampiana ny tsirairay mba hisoroka ny firotsahana voalohany na hiala amin'ny fiankinan-doha ny torohevitray. Na dia mbola manan-danja hatrany aza ireo ezaka ireo, ny zavatra niainana tamin'ny lasa sy ireo toe-javatra amin'izao fotoana dia maneho ny filàna torohevitra miantefa amin'ireo ambaratongan'ny fampiasana ny pôrnôgrafia manomboka amin'ny kely indrindra ka hatramin'ny fiankinan-doha. Tsara ny mifantoka amin'ny ambaratonga efatra samihafa amin'ny fandraisana anjara amin'ny pôrnôgrafia: (1) ny fijerena tsy nahy, (2) ny fampiasana tsindraindray, (3) ny fampiasana betsaka ary (4) ny fahazaran-dratsy (fiankinan-doha).

1. **Ny fijerena tsy nahy.** Mino aho fa samy efa tafajery pôrnôgrafia tsy nahy ny rehetra. Tsy misy fahotana ny amin'izany raha miala isika ka tsy manaraka izany. Toy ny fahadisoana izay mila fanitsiana fa tsy fibebahana.[2]
2. **Ny fampiasana tsindraindray.** Ny fampiasana pôrnôgrafia toy izany dia mety ho tsindraindray na matetika mihitsy aza saingy iniana atao foana izany ka izay no mahamratsy azy.

   Ny pôrnôgrafia dia miteraka sy mampitombo ireo fahatsapana ara-nofo mahery vaika. Nanome antsika ireo fahatsapana ireo ny Mpahary hanatanterahana ireo tanjony feno fahendrena saingy nanome didy ihany koa Izy izay mametraha ny fanehoana ireo fahatsapana ireo ho eo amin'ny lehilahy sy vehivavy manambady ihany. Mampihen-danja ny fanehoana fitiavana araka ny tokony ho izy eo amin'ny firaisana ara-nofo ny pôrnôgrafia ka mamporisika ny fanehoana ireo fahatsapana te hanao firaisana ara-nofo any ivelan'ny fanambadiana. Ireo izay mampiasa ny pôrnôgrafia dia tsy manome lanja ireo hery ireo izay tena mahery vaika ka na izy ireo afaka mamorona aina avy amin'izany na manimba izany. Aza mandeha amin'izany!

   Ny loza avy amin'ny fampiasana ny pôrnôgrafia amin'ny nahim-po, na im-betsaka na tsindraindray, dia ny fitarihany hijery matetika hatrany, izay tsy azo ihodivirana fa hampitombo ny fieritreretana tsy tapaka ireo fahatsapana te hanao firaisana ara-nofo sy fitondrantena vetaveta. Nahita ny mpahay siansa fa ny sary vetaveta dia mampiteraka zavatra ara-tsimika ao amin'ny ati-doha izay manome vahana ireo fahatsapana te hanao firaisana ara-nofo, ka mamporisika bebe kokoa ny saina haneho fitondrantena vetaveta.[3] Ny fitondrantena vetaveta na amin'ny endriny inona na amin'ny ambaratongany inona dia miteraka fahatsapana henatra, izay mety ho latsa-paka ao anatin'ny olona iray rehefa mandeha ny fotoana.
3. **Ny fampiasana betsaka.** Ny fampiasana ny pôrnôgrafia miverimberina amin'ny nahim-po dia mety hahatonga ny fampiasana izany ho lasa fahazarana, "fomba fitondrantena izay fanao tsy tapaka mandra-pahatonga izany ho lasa toy ny zavatra tsy fanahy iniana."[4] Eo amin'ny zavatra fanao mahazatra, ny olona dia mahatsapa filàna zavatra manaitra mba hananana ny fihetsehampo mitovy hatrany izay vao afa-po.
4. **Ny fahazaran-dratsy (Fiankinan-doha).** Lazaina hoe miankin-doha ny fihetsiky ny olona iray raha toa ka miteraka "fiankinan-doha" (voambolana iray fampiasan'ny mpitsabo entina hamaritana ny fampiasana ny zava-mahadomelina, ny toaka, ny filokana be, sns.) izany, izay tonga any amin'ny "faniriana tsy hay tohaina" ka "lasa lohalaharana eo anoloan'ny zavatra hafa rehetra eo amin'ny fiainany."[5]

> **Amin'ny alalan'ny fahasovan'i Jesoa Kristy dia afaka ny ho voavela heloka avokoa ny rehetra ka hahazo ny hery hiovana.**

### II. Ny lanjan'ny fahatakarana ireo ambaratonga ireo

Raha vantany vao mahafantatra ireo ambaratonga ireo isika dia mahafantatra ihany koa fa tsy izay rehetra mampiasa ny pôrnôgrafia an-tsitrapo dia tsy maintsy miankin-doha amin'izany. Raha ny marina dia tsy miankin-doha amin'ny pôrnôgrafia akory ny ankamaroan'ny zatovolahy sy zatovovavy maro izay manana olana amin'izany. Tena ilaina ny manao io fahasamihafana io—tsy ho an'ny ray aman-dreny sy ny mpivady ary ny mpitarika izay maniry ny hanampy fotsiny ihany fa ho an'ireo izay manana olana amin'izany ihany koa. Izao no antony.

Voalohany, arakaraka ny halalin'ny fandraisan'ny olona iray anjara ao—manomboka amin'ny fampiasana tsy nahy mankany amin'ny fampiasana tsindraindray na matetika amin'ny nahim-po, mankany amin'ny fampiasana betsaka

ka hatrany amin'ny fahazaran-dratsy (fiankinan-doha)—no mahasarotra ny fahasitranana amin'izany. Raha diso ny fisokajiana ny fitondrantena iray ka lasa ho fiankinan-doha dia mety hieritreritra ilay olona nanao azy fa very ny fahafahany misafidy sy ny fahafahany mandresy ilay olana. Mety hampihena ny fahazotoana ny ho sitrana sy hibebaka izany. Amin'ny lafiny iray kosa anefa, ny fananana fahatakarana mazava kokoa ny amin'ny halalin'ny olana iray—mba tsy horaisina ho tena lalim-paka na tafahoatra araka ny natahorana azy ilay izy—dia mety hanome fanantenana sy fahafahana lehibe kokoa hampiasa ny fahafahana misafidy hanajanona izany ka hibebaka.

Faharoa, toy ny fihetsika feno fahotana rehetra, ny fampiasana ny pôrnôgrafia amin'ny nahim-po dia mandroaka ny Fanahy Masina. Ny sasany izay efa niaina izany dia hahatsapa ho voatosika mba hibebaka. Ny hafa indray anefa dia mety hahatsiaro ho sanganehana ka hanafina ny fahatsapany ho meloka amin'ny alalan'ny fitaka. Mety hanomboka hahatsiaro tena ho menatra ihany koa izy ireo izay hitarika amin'ny fahatsapana ho rikoriko amin'ny tena. Raha mitranga izany dia mety hanomboka hino ny iray amin'ireo lainga lehiben'i Satana ilay mpampiasa izany: fa ny zavatra izay nataony na ny zavatra izay mbola ataony dia mahatonga azy ireo ho olona ratsy, tsy mendriky ny fahasoavan'ny Mpamonjy ary tsy afaka ny hibebaka. Tsy marina tsotra izao izany. Tsy mba lavitra loatra velively ka tsy takatry ny Mpamonjy sy ny Sorompanavotany isika.

Farany, zava-dehibe ny tsy manome anarana ny fampiasana betsaka na mahazatra ny pôrnôgrafia hoe fiankinan-doha satria tsy mamaritra tsara ny toe-javatra misy na ny toetra fenon'ny fibebahana sy fahasitranana takiana izany. Hanome fahafahana hahatakatra tsara kokoa ny zavatra izay ilaina hatao mba ho sitrana ny olona iray rehefa manana fahatakarana tsara kokoa ny hoe aiza amin'ilay dingana no misy azy.

### III. Miala amin'ny pôrnôgrafia


Izao dia andeha hodinihintsika ny fomba ahafahan'ny olona miala amin'ny fandriky ny pôrnôgrafia sy ho afaka amin'izany. Tsy hoe hanampy ireo izay manana olana amin'ny fandresena ny pôrnôgrafia fotsiny ihany izany fa hanampy koa ireo ray aman-dreny sy ireo mpitarika izay manampy azy ireo. Hahomby kokoa ny olona tsirairay amin'ny fisorohana sy fanasitranana ny pôrnôgrafia rehefa miresaka momba izany amin'ny ray aman-dreny sy ny mpitarika izy ireo.[6]

Na manao ahoana na manao ahoana ny halehiben'ny fandraisana anjara amin'ny fijerena amin'ny nahim-po ny pôrnôgrafia dia manaraka sy mitaky fitsipika fototra mitovy ny lalana mankany amin'ny fahasitranana sy ny fahadiovana ary ny fibebahana, dia: ny fanetrentena, ny maha-mpianatra, ny fanolorantena hanao drafitry ny tena manokana mba hiovana, ny mahatompon'andraikitra sy ny fanohanana ary ny faharetana ao amin'ny finoana.



SARY NATAON'I MAJIVECKA/ISTOCK/THINKSTOCK

*Ny fandraisana andraikitra eo anatrehan'ireo fahamarinana ireo dia mitaky ny tsirairay ihany koa mba hanolo-tena ny hiaina amin'ny maha-mpianatr'i Jesoa Kristy Tompo azy sy hanao ireo zavatra izay manadio sy mampahatanjaka azy ireo mba hanohitra ireo fakam-panahy amin'ny hoavy.*




### *A. Ny fanetrentena*

Mba handresena marina ny pôrnôgrafia sy ireo fitondrantena mifandray aminy dia tsy maintsy manao izay hananana fanetrentena ny olona tsirairay (jereo ny Etera 12:27). Ny fitodihana amim-panetrentena any amin'ny Tompo dia mitarika ny olona iray hanaiky ireo fahamarinana sasany izay, raha toa ka takatra tanteraka, dia manome hery sy manaisotra ny henatra. Anisan'ireo fahamarinana ireo ny hoe:

- Samy zanaka tian'ilay Ray any An-danitra be fitiavana avokoa isika tsirairay.
- Tia antsika sy mahafantatra antsika tsirairay manokana i Jesoa Kristy, Mpamonjintsika.
- Mihatra amin'ireo zanak' Andriamanitra rehetra ny Sorompanavotan'ny Mpamonjintsika.
- Amin'ny alalan'ny fahasovan'i Jesoa Kristy dia afaka ny ho voavela heloka avokoa ny rehetra ka hahazo ny hery hiovana.
- Samy manana ilay fanomezana sarobidin'ny fahafahana misafidy isika tsirairay, izay manome antsika fahafahana hampiasa ny fahefana sy ny herin'ny Sorompanavotana.
- Ny olona izay manana olana amin'ny pôrnôgrafia dia afaka manana fanantenana avy amin'ny hoe misy olona hafa izay efa nivoaka ho mpandresy tamin'io ady io.
- Ratsy ny pôrnôgrafia saingy ny firotsahana ao amin' izany dia tsy manova ilay olona ho ratsy.
- Afaka ny hiala amin'ny fandriky ny pôrnôgrafia ny olona tsirairay ka ho sitrana tanteraka, saingy tsy afaka ny ho tanteraka izany raha tsy amin'ny alalan'ny fifikirana amin'ny herin'ny Sorompanavotana irery ihany.
- Ny tena fibebahana amin'ny pôrnôgrafia dia mitaky zavatra bebe kokoa noho ny fijanonana tsy hampiasa izany fotsiny. Mitaky fiovampo amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Kristy izany fibebahana izany.

Ny fanekena ireo fahamarinana ireo dia manomana ara-panahy ny olona iray mba handray andraikitra eo anatrehan'izany, izay manokatra ny varavaran'ny fandraisana ny fanampian'ny Tompo mba hanaovana ireo fiovana ilaina amin'ny fibebahana ka ho sitrana.

### *B. Ny maha-mpianatra*

Ny fandraisana andraikitra eo anatrehan'ireo fahamarinana ireo dia mitaky ny tsirairay ihany koa mba hanolotena ny hiaina amin'ny maha-mpianatr'i Jesoa Kristy Tompo azy sy hanao ireo zavatra izay manadio sy mampahatanjaka azy ireo mba hanohitra ireo fakam-panahy amin'ny hoavy. Midika fanolorantena haneho fitondrantena ara-pivavahana an'ny tena manokana izany: vavaka sy fianarana ny soratra masina manan-danja kokoa, famonjena ireo fivoriana any am-piangonana, asa fanompoana, fifadian-kanina, ary (rehefa omen'ny eveka lalana) fandraisana ny fanasan'ny Tompo sy fitsaohana any amin'ny tempoly.

### *D. Ny fanolorantena hanao drafitry ny tena manokana*

Hahazo ny fahafahana mamantatra ireo fahatsapana lalina sy ireo toe-javatra miseho ara-tsôsialy ary ireo zavatra ara-batana manodidina izay mampisy ny fakam-panahy hampiasa ny pôrnôgrafia ireo mpianatr'i Jesoa Kristy izay manetry tena. Rehefa avy nandinika ireo zavatra mampisy ny fakam-panahy ireo izy ireo dia hanao drafitry ny tena manokana hialana amin'izany mba hanampy azy ireo:

- Hahafantatra ireo zavatra mampisy ny fakam-panahy sy ireo fanirian-dratsy rehefa mitranga izany.
- Hametraka zavatra atao manokana izay hanampy azy ireo hiala amin'ny fakam-panahy.
- Hampitodika ny eritreritra sy ny tanjaka mankany amin'ny Tompo.
- Hanoritra ireo zavatra atao manokana isan'andro izay hanamafy orina ny fanolorantenan'izy ireo manokana hiaina amim-pahamarinana.

Rehefa manao drafitry ny tena manokana ny tsirairay dia tokony hampiasa ireo fitaovana tena tsara izay atolotry ny Fiangonana. Ohatra: ny tranokalan'ny Fiangonana overcomingpornography.org dia ahitana zavatra ho azy ireo sy ho an'ireo mpikambana ao amin'ilay fianakaviana ary ny mpitarika ao amin'ny fisoronana izay manohana azy ireo ihany koa. Ankoatra izany, ny Fandaharanasan'ny Fiangonana misahana ny Fanasitranana amin'ny Fiankinan-doha

SARY NATAON'NY INGRAM PUBLISHING/ISTOCK/THINKSTOCK

dia natao ho an'ny mpikambana rehetra izay manana olana amin'ny zavatra mampiankin-doha, ary hanampy ny mpikambana ao amin'ny fianakavian 'izy ireo ihany koa.

*E. Ny maha-tompon'andraikitra sy ny fanohanana*

Ireo mpanaradia manetry tena an'i Jesoa Kristy izay manaiky fa mila ny Mpamonjy izy ireo dia hikatsaka ihany koa ny fanampian'ny evekany, izay nantsoin'ny Tompo mba ho mpitarika azy ireo ao amin'ny fisoronana sy mihazona ireo fanalahidy ilaina mba hahafahan'izy ireo mibebaka. Miaraka amin'ny faneken'ilay olona voakasika amin'izany ary raha toa ka mahatsapa ho entanim-panahy hanao izany ny eveka dia afaka miantso olona iray hafa ny eveka mba hiara-hiasa sy hanampy azy ireo. Na inona na inona zava-misy dia mihatra ity torohevitry ny Filoha Gordon B. Hinckley (1910–2008) ity:

"Mitalahoa amin'ny Tompo avy any anaty fanahinareo lalina any mba hanesorany aminareo ny fahazaran-dratsy izay manandevo anareo. Ary enga anie ianareo hanana ny herimpo hikatsaka ny tari-dalana feno fitiavana omen'ny evekanareo, ary ny torohevitry ny matihanina izay mahay mikarakara."[7]

Arakaraky ny halalin'ilay olana dia mety ho ilain'ilay olona ny fanampiana avy amin'ny olona na mpanolotsaina matihaina iray izay azo itokisana sy efa za-draharaha, ka azony itodihana amin'ny fotoana rehetra mba hankahery azy amin'ny fotoana isehoan'ny fahalemeny ary afaka ny hihazona azy ireo ho tompon'andraikitra manokana amin'ny drafitra nataon'izy ireo.

**Samy manana ilay fanomezana sarobidin'ny fahafahana misafidy isika tsirairay, izay manome antsika fahafahana hampiasa ny fahefana sy ny herin'ny Sorompanavotana.**

*F. Maharitra ao amin'ny finoana*

Tsy maintsy mbola mailo hatrany ireo olona izay efa nibebaka sy efa voatahy ka nandresy ny faniriana hampiasa ny pôrnôgrafia satria mbola hitady hanararaotra ny fahalemeny amin'ny maha-olombelona azy ireo hatrany ny fahavalo. Mety mbola hitranga hatrany ny fijerena tsy nahy na dia eo aza ireo ezaka rehetra mba hisorohana izany. Ny olona tsirairay mandritra ny fiainany dia tsy maintsy mianatra mifehy ireo fahatsapana mifandray amin'ny firaisana ara-nofo izay nomen'Andriamanitra azy ireo sy mitazona ny ezaka izay ataony mba ho madio.

## IV. Fangorahana ho an'ny rehetra

Izao aho dia hilaza teny fohy momba ny fomba itondrantsika ireo izay efa voafandriky ny pôrnôgrafia. Mila ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy isika tsirairay avy. Mila ny fangorahantsika sy ny fitiavantsika ireo izay manana olana amin'ny pôrnôgrafia rehefa manaraka ireo fitsipika sy ireo dingan'ny fahasitranana izay ilainy izy ireo. Aza melohina izy ireo. Tsy ratsy akory izy ireo na hoe tsy misy fanantenana intsony ny aminy. Zanakalahy sy zanakavavin'ny Raintsika any An-danitra izy ireo. Amin'ny alalan'ny fibebahana araka ny tokony ho izy sy tanteraka dia mety ho lasa madio sy tsy misy pentina ary mendrika ny fanekempihavanana sy ny fitahiana azo any amin'ny tempoly rehetra izay nampanantenain'Andriamanitra izy ireo.

Mamporisika ireo zatovovavy sy zatovolahy aho rehefa tonga ny fotoana hanambadiana mba hitandrina tsara ka hifidy vady mba ho namany mandrakizay izay madio sy tsy misy pentina eo anoloan'ny Tompo ary mendrika ny hiditra ny tempoly. Ny olona tsirairay izay nibebaka tanteraka tamin'ny pôrnôgrafia dia mendrika ireo fitahiana ireo.

## V. Famintinana

Samy ho sendra fitaovana ahitana zavatra vetaveta isika rehetra mandritra ny fiainantsika. Miaraka amin'ny fitarihan'ny Mpamonjintsika be fitiavana ka tafiditra ao anatin'izany ny toky avy amin'ireo fanekempihavanana amin'ny fanasan'ny Tompo fa hanana mandrakariva ny Fanahiny miaraka amintsika (jereo ny F&F 20:77) dia afaka mandray andraikitra araka ny tokony ho izy eo anatrehan'izany foana isika. Mijoro ho vavolombelona aho fa izany no tokony hataontsika mba hahazoana ireo fitahiana avy Aminy, dia Ilay itsaohantsika izany. Rehefa ataontsika izany dia handray feno kokoa ny fiadanan'ny Mpamonjy isika ary hitoetra eo amin'ilay lalana mankany amin'ny tanjontsika mandrakizay dia ny fisandratana. ■

**FANAMARIHANA**


1. Jereo ny lahatenin'i Dallin H. Oaks, "Pornography," *Liahona,* mey 2005, 87–90.
2. Jereo ny lahatenin'i Dallin H. Oaks, "Sins and Mistakes," *Ensign,* ôkt 1996, 62–67.
3. Jereo ny Donald L. Hilton Jr., M.D., "Pornography Addiction—a Supranormal Stimulus Considered in the Context of Neuroplasticity," *Socioaffective Neuroscience and Psychology,* boky 3 (2013), socioaffectiveneuroscipsychol.net/index.php/snp/article/view/20767; jereo koa ny "Porn Changes the Brain," fightthenewdrug.org.
4. *Webster's Encyclopedic Unabridged Dictionary of the English Language* (1989), "habit."
5. *American College of Physicians Complete Home Medical Guide* (1999), 564.
6. Ankoatra izany, dia tokony hanao resaka mazava nefa mendrika mikasika ny fananahana ny tanora sy ny ray aman-dreny. Ny tanora izay maheno mikasika ny firaisana ara-nofo eo amin'ny olombelona avy amin'ny namany fa tsy ny ray aman-dreniny dia ho mora voasarika kokoa hitady izany amin'ny alalan'ny pôrnôgrafia.
7. Gordon B. Hinckley, "A Tragic Evil among Us," *Liahona,* nôv. 2004, 62.

# *Eo amin'ny* TOERANA TOKONY HISY AZY *amin'ny* FOTOANA MAHAMETY AZY

**IREO LESONA MANDRITRA NY ALAHADY**

*Ny lohahevitra amin'ity volana ity:*
**Lasa tahaka an'i Kristy kokoa**

Efa nisy olona niteny taminao ve hoe ny zavatra izay natao-nao na nolazainao mihitsy no nilainy? Mitranga izany matetika satria maniraka anao amin'ny fotoana izay tokony hanampianao mihitsy ny Ray any An-danitra. Niray feo tamin'ny Fanahy ianao ka afaka nahafantatra izany fitaomana avy tamin'ny Ray any An-danitra izany. Mijanòna ho mendrika sy vonona ny hanampy—tsy fantatrao mihitsy hoe rahoviana ianao no hilainy mba hanampy ireo izay mila fanampiana.

Indro misy tantara roa mikasika ny olona izay nanao izany mihitsy:

## ILAY TAPAKILAN'NY FIANTSONANA

Nosoratan'i Fátima Rocha Gutiérrez

Nandeha nijery horonantsary izaho sy ny namako vitsivitsy avy ao amin'ny Fiangonana. Rehefa niditra ilay toerana lehibe fiantsenana izahay dia nahazo tapakila hahazoana toerana eo amin'ny fitobian'ny fiarakodia. Rehefa vita ilay horonantsary dia tsikaritray fa very ilay tapakila hahazoana toerana eo amin'ny fitobian'ny fiarakodia. Tamin'ny voalohany dia nieritreritra izahay fa afaka nandoa ny vidin'ilay tapakila fotsiny saingy samy tsy nisy nanana ny 180 pesos nilaina tamin'izany izahay.


Ny vokatry ny tsy fandoavana ny saran'ny fahazoana toerana eo amin'ny fitobian'ny fiarakodia dia ny famelana ny fiara ao amin'ilay toerana lehibe fiantsenana mba ho taritina hivoaka, izay mety ho lafo kokoa. Kivy tanteraka ireo namako, indrindra fa ilay nitondra fiara satria an'ny rainy ilay fiara. Nisitaka mba hivavaka aho. Nangataka tamin'ny Ray any An-danitra tamin'ny finoako sy ny fanetreko tena manontolo aho mba hanome anay ny fomba hamahana ny olanay ka hiverina soa aman-tsara any antranonay. Tsy ho hadinoko mandrakizay ny zava-nitranga segaondra vitsy monja taorian'ny vavaka nataoko.

Teny am-pandehanako niverina nanatona ilay fiara dia nisy olona iray tao aoriako niantso ny anarako. I Francisco izany, namako tany amin'ny sekoly ambaratonga faharoa. Nanontany izay nataoko teo izy ary nolazaiko azy ny zava-nitranga. Tsy nisalasala izy namoaka ny pôketrany ka nanome ahy vola ampy nandoavana ilay tapakila very. Izany fihetsika feno hatsarampanahy izany no valiny mivantana an'ilay fangatahako tamin'ny Ray any An-danitra.

Mety tsy ho fantatr'i Francisco mihitsy ny halehiben'ny fanampiana izay nataony saingy fantatro fa ho feno fankasitrahana lalina aho mandritra ny androm-pianako.

Tsy ampoizina indraindray ireo fomba hamalian'ny Ray any An-danitra ireo vavaka ataontsika saingy tsy misy ny kisendrasendra. Mahafantatra antsika tanteraka ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy ary manoro lalana eo amin'ny fiainantsika.





Fantatro fa rehefa miaina amim-pahamarinana isika dia hahazo fitahiana tsy tambo isaina izay ny Ray any An-danitra ihany no afaka manome azy antsika, anisan'izany ny fampanantenany antsika hoe "raha manao ireo zavatra ireo [isika], dia hasandratra [isika] amin'ny andro farany" (Almà 37:37). ■

*Mipetraka any Baja California, Mexique ny mpanoratra.*

## ANTSO AN-TARIBY ARA-POTOANA

Nosoratan'i Chen Ching Chuan

Rehefa nihalehibe aho dia tsy nino fa misy Andriamanitra. Feno korontana ny fiainako ary tao anatin'ireo androko maizina indrindra dia rera-tsaina ka naniry ny hanapitra ny aiko aho. Tamin'izany fotoana izany no nahatongavan'ireo misiônera nandondòna teo amin'ny varavarako. Ny filazantsara mihitsy no nilaiko. Voasarik'izany aho toy ny vy voasariky ny andriamby.

Tsy nifarana ireo fizahan-toetrako rehefa niditra ho mpikamban'ny Fiangonana aho saingy tsara kokoa ny toerako mba hanohitra ny fitarihan'ilay fahavalo. Tamin'izay no fotoana voalohany nahafantarako hoe manao ahoana izany fahasambarana izany.

Na izany aza dia tsy namaha ny fanagejany mora foana ny faharerahan-tsaina. Nisy fotoana aho te hilavo lefona indray. Tamin'izay fotoana izay indrindra no niantso Rahavavy Ting, vadin'ny eveka. Nilaza tamiko izy fa nahatsapa hoe nila niantso ahy. Nanontany izy hoe manao ahoana aho. Naboirako taminy avokoa ny tato anatiko. Amiko dia anjely nirahin'Andriamanitra izy.

Nanome hery ahy izany trangan-javatra izany. Nihanatanjaka ny finoako. Nahatsapa ho toy ny afaka nandresy ny fahafatesana aho. Nahatsapa ho voavonjy aho, tahaka ny voalaza ao amin'ny Almà 36:2–3 manao hoe:

"Tao amin'ny famatorana izy, ary tsy nisy afaka nanafaka azy afa-tsy . . . Andriamanitra. . . .

". . . Na zovy na zovy no hametraka ny fitokiany amin' Andriamanitra dia hotohanana izy amin' ny fizahan-toetra azy sy ny fahasahiranany ary ny fahoriany, ary hasandratra izy amin' ny andro farany."

Mbola miaina fizahan-toetra aho saingy tsy ho mora resy intsony. Nanampy ahy Andriamanitra tamin'ireo fizahan-toetrako sy ireo ahiahiko rehetra. Namonjy ahy tamin'ny fanagadrana sy fanandevozana ara-panahy Izy, eny hatramin'ny fahafatesana aza. Izy no Mpamonjiko. ■

*Monina any Taichung, Taiwan ny mpanoratra.*



### MIAMBINA ANTSIKA ANDRIAMANITRA

"Tena mandinika antsika Andriamanitra ary miambina antsika Izy. Saingy matetika no amin'ny alalan'ny olona iray hafa no hanomezany izay ilaintsika. Noho izany dia zava-dehibe ny fifanompoantsika ato amin'ny fanjakana."

**Filoha Spencer W. Kimball (1895–1985), *Enseignements des Présidents de l'Église: Spencer W. Kimball* (2006), 92.**

SARY NATAON'I BRYAN BEACH

# NY BOKIN'NY FIAINANAO

## *Inona no **hataonao** ao?*

Mitondra pejy vaovao iray izay hanoratana ny andro tsirairay. Manàna fiainana ka ny pejy tsirairay dia hilaza hoe: "Faly aho fa nanao izany" fa tsy hoe "Tahaka izay aho."

(Jereo L. Tom Perry, "How to Fill Your Book of Life," *Liahona,* feb. 2014, 61.)




SARY NATAON'I WELDEN C. ANDERSEN, TRAVIS DEMING, ARY CHERYL E. JOHNSON; STOCK PHOTOGRAPHS © HEMERA/THINKSTOCK, PHOTODISC/THINKSTOCK, ARY ISTOCK/THINKSTOCK

# Genesisy 1:26–27

*Inona no dikan'ny hoe nohariana tahaka ny endrik'Andriamanitra?*

26 Ary Andriamanitra nanao hoe: Andeha Isika hamorona olona tahaka ny endritsika, araka ny tarehintsika; ary aoka izy hanjaka amin' ny hazandrano ao amin' ny ranomasina sy ny voro-manidina sy ny biby fiompy sy ny tany rehetra ary ny biby rehetra izay mandady na mikisaka amin' ny tany. 27 Ary Andriamanitra nahary ny olona tahaka ny endriny; tahaka ny endrik' Andriamanitra no namoronany azy; lahy sy vavy no namoronany azy.



### NY ENDRIK'ANDRIAMANITRA

"Tsy manamaivana velively akory ny fanekena ny hery ambony kokoa noho ny tena fa manandratra kosa izany. Raha toa isika ka mahatsapa fa nohariana tahaka ny endrik'Andriamanitra dia ho hitantsika hoe tsy sarotra izany ny manatona Azy. . . . Izany fahalalana izany, izay azo amin'ny alalan'ny finoana, dia hitondra fahatoniana anaty sy fiadanana lalina."

**Filoha Thomas S. Monson, "The Lighthouse of the Lord," *Ensign*, nôv. 1990, 95–96.**

### ANDEHA ISIKA

Ilay hoe Isika dia mahatonga izany ho toy ny hoe miresaka amin'olonkafa Andriamanitra—satria izay no marina. Nampianatra i Joseph Smith hoe: "Tamin'ny voalohany ny lohan'ireo Andriamanitra dia niantso ny filankevitry ny Andriamanitra; ary niaraka izy ireo ka namorona [nanomana] drafitra iray hamoronana izao tontolo izao sy ny olona apetraka ao anatin'izany" (*History of the Church,* 6:308). Tao anatin'io filankevitra io ny Tompo Jesoa Kristy ary ny hafa koa (jereo ny Mosesy 2:26–27; Abrahama 4:26–27).

### ARAKA NY TAREHINTSIKA

"Andriamanitra koa dia tahaka antsika izao tany aloha tany, ary olona nisandratra izy ary mipetraka eo amin'ny seza fiandrianany any an-danitra ambony any! Zava-miafina lehibe izany. Raha toa ka triatra ny voaly amin'izao fotoana izao, ary . . . raha mahita Azy ianareo amin'izao fotoana izao dia hahita Azy tahaka ny endriky ny olona ianareo—tahaka ny vatan-tenanareo sy ny sarinareo ary ny endrika amin'ny maha-olona anareo manontolo."

***Enseignements des Présidents de l'Église: Joseph Smith*** **(2007), 44–45.**

"Ny olombelona dia zanak'Andriamanitra, noforonina tahaka ny endrik'Andriamanitra sy nandray ireo toetra araka an'Andriamanitra, ary tahaka ny zanakalahin'ny ray sy reny eto an-tany izay afaka ny ho lasa lehilahy, dia afaka manao toy izany koa ny taranaky ny ray aman-dreny any an-danitra, amin'ny alalan'ny traikefa azo mandritra ny taona sy ny fotoana, hivoatra ho lasa Andriamanitra."

**Ny Fiadidiana Voalohany, "The Origin of Man," *Improvement Era*, nôv. 1909, 81; *Ensign*, feb. 2002, 30.**

### FANJAKANA

"Tokony hampiasaina ampahendrena ny tany sy ny zavatra rehetra eo aminy mba hanohanana ny fianakavian'ny olombelona. Na izany aza anefa dia mpanompo avokoa ny rehetra—fa tsy tompony—manoloana ny tany sy ny hatsarany ka samy ho tompon'andraikitra eo anatrehan'Andriamanitra amin'ny zavatra izay ataony amin'ireo zava-boahariny."

**"Environmental Stewardship and Conservation," mormonnewsroom.org; jereo koa ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 104:13–15.**

### LAHY SY VAVY

"Ny lehilahy sy ny vehivavy rehetra dia tandindon'ilay Ray sy Renin'izao rehetra izao ary zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra ara-bakiteny."

**Ny Fiadidiana Voalohany, "The Origin of Man," *Improvement Era*, nôv. 1909, 78; *Ensign*, feb. 2002, 29.**

"Ny maha-lahy na maha-vavy dia toetra fatotra iray mamaritra ny maha-izy azy ny olona tsirairay sy ny tanjony tany amin'ny fiainana talohan'ny nahaterahana, sy amin'izao fiainana an-tany izao, ary any amin'ny mandrakizay."

**"Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an' Izao Tontolo Izao," *Liahona*, nôv 2010, 129.**

*Fanamarihan' ny Tompon' andraikitry ny famoahana: Ity pejy ity dia tsy natao entina hanazavana ireo soratra masina fehezina voafantina amin'ny seminera, fa natao fotsiny ho tari-dalana amin'ny fandalinan'ny tenanao manokana.*

# NY FITADIAVAKO NY FAHAMARINANA

*Nampianarina foana aho fa tsy misy izany Andriamanitra izany saingy nanapa-kevitra ny hitady izany ho an'ny tenako manokana aho.*

**Nosoratan'i Peng Hua**

Noho ny tenako notaizana tao amin'ny firenena Aziatika iray tia mifaninana sy tsy mandala ny fivavahana dia nanana faniriana lehibe foana ny ho lasa olona mahomby aho saingy tsy nanana fitsipika na fahamarinana mandrakizay hitarika ahy. Tao amin'ny fireneko, ny hoe "mahomby" dia midika hoe manan-karena sy matanjaka.

Nampianatra ahy foana ny ray aman-dreniko fa tsy misy izany Andriamanitra izany. Ho azy ireo, ny fivavahana na Andriamanitra dia zavatra tsy misy dikany ary ho an'ny olona tsy matanjaka irery ihany. Nandritra ny fotoana ela dia nihevitra ny tenako ho olona tsy mino an'Andriamanitra aho. Nampianatra ahy izy ireo fa tsy tokony hatoky na iza na iza aho afa-tsy ny tenako ihany. Koa hatry ny mbola kely aho dia nampiasa ny nofinofiko ambony ho antony nanosika ahy hianatra sy hiasa mafy tokoa.

Nanantena zavatra lehibe avy amiko ny ray aman-dreniko. Tian'izy ireo aho mba hitazona ny naotiko ho ambony foana. Nampalahelo ahy ny mahita ny tarehin'izy ireo diso fanantenana na ny maheno azy ireo mifamaly rehefa mahazo naoty ratsy aho. Ankoatra ireo enti-mody mahazatra dia tiako ihany koa ny nanao enti-mody fanampiny amin'ny faran'ny herinandro mba hitazonana ny naotiko ho ambony.

Na dia efa tanteraka aza ireo tanjona izay napetrako dia mbola nahatsapa ihany aho fa nisy zavatra bebe kokoa niandry ahy teo amin'ny fiainako. Fantatro tao am-poko lalina fa tsy maintsy mbola nisy zavatra hafa ankoatra izany.

Indray andro aho dia nanapa-kevitra ny handeha hitady manokana raha misy marina Andriamanitra. Raha nisy tokoa Izy dia tiako ho fantatra ny zavatra izay tiany ho ahy na raha toa ka zavatra tsy misy dikany noforonin'ny fisainan'olombelona fotsiny ny fivavahana. Samy tsy nisy natahorako ny handray ny iray tamin'ny valin'ireo fanontaniana ireo. Ny fahamarinana fotsiny no tiako ho fantatra.

Nanodidina io fotoana io dia lasa namako akaiky ilay mpiara-milalao basket amiko antsoina hoe Taylor. Indray maraina dia nangatahiko hitondra ahy tany am-pianarana izy. Nanaiky izy saingy tsy maintsy mifoha adiny iray mialoha aho hamonjy seminera miaraka aminy. Nanaiky tsy sazoka aho, tsy nahafantatra hoe inona izany. Nahafinaritra ahy ny seminera, eny noho ny zavatra tsapako tao kokoa mihoatra noho ny zavatra nianarako.

Taoriana kelin'izay dia nangataka ahy handeha hiangona niaraka taminy i Taylor. Tamin'ny voalohany aho dia nieritreritra fa somary mankaleo sy hafahafa ny any am-piangonana saingy taty aoriana aho dia nentanin'ilay fahatsapana tsara sy milamina izay tsapako tao amin'ny fanompoam-pivavahana.

Na izany aza dia mbola tsy resy lahatra aho fa nisy ifandraisany tamin'Andriamanitra ilay fahatsapana tsara. Ahoana no hahafantarako fa tsy avy amin'ny tenako manokana izany? Ahoana no hahafantarako fa tsy ny tenako no nahatonga ahy hanana izany fahatsapana izany?


Taorian'ny fisafotofotoan-kevitra tao anatiko dia nandeha tany amin'ny renin'i Tailor mba hitady valiny aho. Nilaza tamiko izy fa afaka mahazo valiny aho amin'ny alalan'ny famakiana ny soratra masina sy fivavahana momba ny valiny izay tadiaviko. Nivavaka aho fa tsy nahazo valiny ary nanana olana tamin'ny fankatoavana ireo lalàna sy didy izay nianarako. Imbetsaka aho no lasa sorena. Nanantena fisehoan'Andriamanitra izay mahatalanjona sy mampivarahontsana na karazana trangan-javatra mahagaga aho mba hanaporofoana fa misy Andriamanitra. Raha tsorina dia naniry hahazo fijoroana ho vavolombelona tsy azo hozongozonina tao anatin'ny indray mandeha aho. Raha ny marina dia arakaraka ny nivavahako no nahatsapako fahazavana bebe kokoa tao amin'ny fiainako. Arakaraka ny nanarahako ny didy no nahasambatra kokoa ahy. Arakaraka ny namakiako ny soratra masina no nandraisako fanambarana bebe kokoa. Nitombo tsikelikely ny fijoroana ho vavolombelona nananako, tahaka ny fiposaky ny masoandro amin'ny maraina.

Roa taona taty aoriana aho vao tapa-kevitra ny hatao batisa mba ho mpikamban'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany. Na dia niaina fenitra sy

SARY NATAON'I DAN BURR

fitsipika tsara maro aza aho taloha, ankehitriny kosa dia afaka milaza aho fa hitako ilay fahamarinana mandrakizay sy tena faratampony: Velona Andriamanitra. I Jesoa no Kristy, Mpamonjy sy Mpanavotra antsika. Misokatra ny lanitra. Misy mpaminan'Andriamanitra eto an-tany ankehitriny. Tena misy ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy. Tena mamela ny helok'ireo mpanota rehetra izay mibebaka Andriamanitra. Mety tsy mahay na manan-talenta tahaka ny olon-kafa aho saingy tsy voavidim-bola ny fahalalana izay ananako. ■

*Mipetraka any Californie, Etazonia ny mpanoratra.*



## AFAKA MISAFIDY NY HINO ISIKA

"Tsy fitsipika tsy arahan'asa ny zavatra inoana sy ny fijoroana ho vavolombelona ary ny finoana. Tsy mitranga fotsiny amintsika izany. Ny zavatra inoana dia zavatra safidiantsika—manantena izany isika, miasa ho amin'izany, ary manolo-tena ho amin'izany. Tsy hino tsy nahy ny Mpamonjy sy ny filazantsarany isika tahaka ny tsy hivavahantsika na handoavantsika ny fahafolonkarena tsy nahy. Misafidy amim-pahazotoana ny hino isika, tahaka ny hisafidianantsika ny hitandrina ireo didy hafa."

**Loholona L. Whitney Clayton Ao amin'ny Fiadidian'ny Fitopololahy, "Safidio ny hino,"** ***Liahona,*** **mey 2015, 38.**





# ZATOVOLAHY *SY* ZATOVOVAVY *mahatalanjona* AO AMIN'NY SORATRA MASINA

*Ianao dia afaka mianatra avy amin'ireo zatovo marin-toetra maro izay notehirizina ao anatin'ny soratra masina ny tantaran'izy ireo ary manaraka ny ohatra nasehon'izy ireo.*

**Nosoratan'i Gisela Guthier**

Tia ireo zatovo ao amin'ny Fiangonana ny Tompo. Manana fahatokiana lehibe anareo Izy. Nanome aingam-panahy an'ireo zatovolahy sy zatovovavy mahery fo mba hitarika sy hitahy ny vahoakany ny Tompo tamin'ny fotoana rehetra. Ilainy ny fahaizan'izy ireo mamorona sy ny herimpony ary ny maha-izy azy. Toy izany foana no nitranga ary mbola hitohy ho toy izany hatrany.

Lohahevitra sarobidy izay afaka jerena ao amin'ny soratra masina ireo ohatra maro momba ny zatovo mahery fo. Na dia efa niaina taloha elabe aza izy ireo dia azonao arahina ny ohatra nasehon'izy ireo ary azonao hisintonana lesona ny fiainany. Nanana olana tao amin'ny fianakaviany izy ireo; niaina teo anivon'ny olona tsy marina izy ireo; niatrika "Goliata" izy ireo, saingy ny herimpo sy ny fankatoavana ary ny finoana an'i Jesoa Kristy izay nananan'izy ireo no nanampy azy ireo handresy ireo zava-tsarotra niainan'izy ireo—tahaka ny ahafahan'ireo toetra ireo manampy anao ihany koa handresy ny zava-tsarotra.

## Abrahama

Nahavariana ny fanapahan-kevitr'i Abrahama sy ny fahasahiany ary ny fahavononany hanandratra ny feony hanohitra ny faharatsiana—ary vao mainka mahavariana kokoa rehefa fantatra fa nanompo sampy ny rainy. Fony izy mbola tovolahy dia nijoro mafy tamin'ny fahamarinana ka saika novonoina hatao sorona. (Jereo ny Abrahama 1:2–7.)

## Josefa tany Egypta

17 taona izy rehefa namidin'ireo zokiny ho andevo, fa noho ny fitahian'ny Tompo dia afaka nanao io toe-javatra sarotra izay niainany io ho zavatra tsara i Josefa. Tsy resy izy satria tsy nilavo lefona mihitsy. Tsy tapaka mihitsy ny fahatokiany ny Tompo. Ny hatsarana lehibe tao anatin'i Josefa dia niseho tamin'ny fomba mendri-kaja izay namelany ireo zavatra tsy rariny natao taminy. (Jereo ny Genesisy 37:35.)

## Davida

Mpiandry ondry i Davida tamin'ny fahatanorany ary niady tamin'ny orsa sy liona izy mba hiarovana ny ondrindrainy. Tsy avy tamin'ny fahaizany tamin'ny naha-mpiandry ondry azy ny fahatokiantenany; avy tamin'ny finoany ny Ray any an-danitra izany, araka ny hita tamin'ny ady nataony tamin'i Goliata. Jereo ny 1 Samoela 17:32–54.)


## Estera

Nanapa-kevitra ny nametraka ny ainy ho tandindomin-doza izy mba hanavotana ny vahoakany. Tsy ny hatsaran-tarehin'i Estera akory no nahatonga azy ho olona miavaka fa ny toetrany ara-panahy. (Jereo ny Estera 4–5.)

## Daniela

Nankatò ny lalàn'ny fahasalaman'ny Tompo izy na dia tsy nanao izany aza ny hafa nanodidina azy. Nivavaka izy na dia nifanohitra tamin'ny didin'ny mpanjaka aza ny mivavaka amin'ny Ray any An-danitra. Noho

SARY NATAON'I ANDREW BOSLEY



ny fahamarinan-toetra nananany sy ny fisokafany tamin'ny fitaoman'ny Fanahy dia nomen'ny Tompo ny fanomezam-pahasoavan'ny fandikana nofy sy fahitana i Daniela Nahazo hery sy fahendrena avy tamin'ny Ray any An-danitra izy hany ka tamin'ny fotoan'ny loza dia azony nampiasaina malalaka ny herin'ny lanitra. (Jereo ny Daniela 1; 6.)

### Nefia

Ohatra iray tena miavaka i Nefia rehefa nilaza hoe: "Handeha aho ary hanao ny zavatra izay efa nandidian'ny Tompo ahy" (1 Nefia 3:7). Nanana ny herimpo hanaovana ny zavatra izay nampanaovina azy izy. Nipetraka tao amin'ny trano tsara ve izy? Tsia, niaina tany an-tany foana izy nandritra ny taona maro. Nilamina daholo ve ny zava-drehetra teo amin'ny fiainany? Tsia, tezitra matetika taminy ny rahalahiny ary nanandrana namono azy indraindray. Tao anatin'izany rehetra izany dia nankatò ny didin'Andriamanitra izy.

### Ireo zatovolahy Amônita roa arivo

Notezain'ny ray aman-dreny mahatoky ireo zatovolahy ireo ary nitahy azy ireo ny finoany ny tenin'ny renin'izy ireo. Nianatra nihaino sy nankatò tamin'ny antsipiriany izy ireo ary nandritra ny ady nataon'izy ireo dia tsy nanana fisalasalana izy ireo fa hiaro azy ny Ray any An-danitra. (Jereo ny Almà 56:45–48.)

### Môrmôna

Novangian'ny Tompo izy teo amin'ny faha-15 taonany satria nanetry tena sy nadio ary tsy nisy pentina, na dia teo aza ny fahalotoan'ny olona nanodidina azy. Tamin'ny faha-15 taonany koa dia natao ho lehiben'ny tafika i Môrmôna. Taty aoriana dia nankinina taminy ny fitazonana ny soratra masina. (Jereo ny Môrmôna 1–2.)

### Joseph Smith

Tamin'ny faha-14 taonany dia namaky ny soratra masina izy ka nivavaka mba hahafantarany izay fiangonana tokony hidirany. Niantso azy ny Tompo mba hamerina amin'ny laoniny ny filazantsara sy ny Fiangonan'i Jesoa Kristy. Nanokana ny fiainany manontolo ho amin'ny fanatanterahana io asa nanendrena azy io i Joseph na dia teo aza ny sakana sy ny fahasahiranana maro. Novangian'ny anjely Môrônia izy tamin'ny faha-17 taonany izay nampiseho azy ireo takela-bolamena. Na dia tanora aza i Joseph Smith dia mpampianatra mahery vaika sy ohatra lehibe ho an'ny manodidina azy. (Jereo ny Joseph Smith—Tantara 1.)

### Ny tanora amin'izao andro izao

Moa ve efa lasa ireo fotoana nisian'ny zatovolahy sy zatovovavy mahatalanjona? Tsia! Nilaza tamin'i Joseph Smith ny anjely Môrônia fa teo andalam-pahatanterahana ny faminaniana'i Joela manao hoe:

"Handatsaka ny Fanahiko amin'ny nofo rehetra [Izaho Tompo]; dia haminany ny zanakalahinareo sy ny zanakavavinareo, ny lahiantitrareo hanonofy, ary ny zatovonareo hahita fahitana;

"Ary na dia ny mpanompolahy sy ny mpanompovavy aza dia handatsahako ny fanahiko amin'izany andro izany" (Joela 3:1–2; jereo ny Joseph Smith—Tantara 1:41). ■

*Nipetraka tany Alemana ny mpanoratra izay mpampianatra seminera ary nodimandry tamin'ny 2012.*

# "Rehefa narary ny reniko dia nifady hanina sy nivavaka ho azy izahay, saingy maty ihany izy. Ahoana no ahafahako manaiky izany?"

Fotoana mampalahelo eo amin'ny fiainanao izany. Rariny raha mila maka toky sy valiny amin'ireo fanontanianao maro ianao: "Nahoana izy no tsy velona? Mbola hahita azy indray ve aho? Ahoana no ahafahako manohy ny fiainako tsy misy azy?"

Sady manome fampiononana no manome valinteny ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. Nampanantena ny Tompo hoe: "Sambatra izay rehetra mitoloko, fa izy no hampiononina" (3 Nefia 12:4). Katsaho ny Fanahy Masina fa Izy no ilay Mpampionona.

Manontany tena ianao raha nisy nandre ireo vavaka nataonao. Matokia: maheno ny vavaka ataontsika foana ny Ray any An-danitra. Mampanantena antsika ny Tompo sy ireo mpaminany velona fa marina izany. Mihatra aminao ihany koa ny nolazain'ny Tompo tamin'i Joseph Smith manao hoe: "Ny fivavakao sy ny fivavaky ny rahalahinao dia efa tafakatra hatreo an-tsofiko" (F&F 90:1). Saingy tokony ho tadidintsika fa ny Ray any An-danitra dia mamaly ny vavaka ataontsika miaraka amin'ny fomba fijery mandrakizay ao an-tsaina (jereo ny Isaia 55:8–9). Izany no mahatonga antsika manaraka ny ohatry ny Mpamonjy amin'ny fangatahana fitahiana saingy avy eo dia mangataka amim-pahatsorana mba ho ny sitrapon'ny Ray no hatao (jereo ny Lioka 22:42).

Na dia mafy aza izany dia mety ho fotoana hivoaranao io fitsapana io. Afaka mianatra mba hanana finoana ny sitrapon'Andriamanitra ianao na dia midika aza izany fa tsy sitrana ny reninao. Marina fa tianao ho velona izy. Saingy ny fisedrana eto amin'ity fiainana an-tany ity dia ny matoky an'Andriamanitra amin'ny fotoana rehetra—indrindra fa rehefa sarotra izany. Raha mahatoky azy ianao "dia hiara-miasa ny zava-drehetra ho tombontsoa[nao]" (F&F 90:24).

**Tafiditra ao anatin'ilay drafitra ny fahafatesana**

Araka ny drafitry ny fahasambaran'ny Ray any An-danitra ho antsika dia mifototra amin'ny fahafatesana sy ny fitsanganana amin'ny maty ny fiverenantsika eo anatrehany, izay hanampy antsika hiova avy amin'ity mety maty ity ho amin'ny toetry ny tsy mety maty. Mila manaiky fotsiny ianao hoe ao anatin'ilay drafitra ny fahafatesana ary mino fa indray andro any dia mbola ho afaka ny hiaraka indray amin'ny reninao izay nodimandry. Fantaro fa any amin'ny tontolon'ny fanahy ny reninao ary miandry anao izy.

*David M., 18 taona, Kasai Andrefana, République Démocratique du Congo*

**Any amin'ny tontolon'ny fanahy izy**

Voan'ny homamiadana ny reniko roa taona lasa izay. Tsy tiako ny nahita azy nanaintaina, ary naniry ny ho afaka nanao zavatra aho. Ary na dia nihatsara aza ny reniko dia mafy tamiko izany. Any amin'ny toerana iray izay tsy hahatsapany fanaintainana na fijaliana ny reninao. Mafy ny tsy mahita azy intsony saingy tsy irery na oviana na oviana ianao. Ho tia anao foana izy ary ho eo mandrakariva ny Ray any An-danitra hampitraka anao rehefa ketraka ianao. Tsy ho avela irery na oviana na oviana ianao. Niaritra ireo fanaintanan'izao tontolo izao i Jesoa Kristy. Tsapany ny zavatra tsapanao ary fantany ny zavatra iainanao. Ataovy izay nataoko tamin'ny fotoana nandalovako fitsapana: mankanesa any Aminy dia hohamaivaniny ny enta-mavesatrao.

*Shiloh W., 18 taona, Chihuahua, Mexique*




*Ireo valinteny dia natao ho fanampiana sy ho fanoroan-kevitra fa tsy fanambarana ôfisialy ny fotopampianaran' ny Fiangonana.*

**Ho tafaray indray ny fianakavianao**
Vao 12 taona monja aho no maty ny reniko. Tsy mpikamban'ny Fiangonana aho tamin'izany fotoana izany. Rehefa narary izy dia nivavaka mafy aho mba ho salama ny reniko. Nanana finoana be aho ary natoky an'Andriamanitra tao amin'ny fanantenana fa hiverina ny fahasalamany. Indrisy anefa fa tsy sitrana izy. Nanontany tena aho hoe nahoana no tsy maintsy maty mbola tanora izy ka nandao ahy nefa mbola tao anatin'ny fahatanorako aho. Tezitra aho ary nisy fotoana nisalasalako hoe nisy Andriamanitra. Amin'izao mahampikamban'ny Fiangonana ahy izao dia takatro ny drafitry ny famonjena. Fantatro fa miandry ahy izy ary mbola ho tafaray ny fianakavianay.
*Inaê L.,19 taona, Minas Gerais, Brésil*

**Mampianatra antsika ny fitsapana**
Maty ny reniko telo taona lasa izay. Hitombo ny fifandraisanao amin'ny Rainao any An-danitra sy ny Mpamonjy anao rehefa mitodika any Amin'izy ireo ianao amin'ny fotoana mahasahirana. Ho hitanao fa io fitsapana io, na dia mandratra fo aza, dia mety ho fitahiana ihany koa. Mivavaha amin'ny Ray any Andanitra mba hahazo fiadanana sy fanomezan-toky. Matokia an'ilay drafitry ny Tompo ho anao. Ekeo fa ny Ray any An-danitra dia mahafantatra ny toerana halehantsika sy ny zavatra ilaintsika mba hahatongavana any. Tia anao ny Tompo ary tiany hanana fifaliana ianao. Natao hampianatra antsika sy hampahatanjaka antsika kokoa ny fitsapana antsika.
*Meghan B., 18 taona, Ontario, Canada*

**Mbola hahita azy indray ianao**
Maty ny renibeko tamin'ny faha-17 taonan'ny reniko. Nifady hanina sy nivavaka ho azy ny fianakaviana herinandro maromaro talohan'ny nahafatesany. Nomena tsodranon'ny fisoronana ihany koa izy. Ny zavatra izay tena nanome fiadanana ny reniko dia ny fahafantarany fa mbola ho afaka hahita ny reniny indray izy any amin'ny fiainana ho avy. Ny tanjon'ny reniko dia ny hiaina ny fiainany amin'izay izy mba ho mendrika an'izany fitahiana izany. Malahelo aho fa tsy ho afaka ny hihaona aminy mihitsy amin'ity fiainana ity saingy tsy andriko ilay fotoana izay hifanenanay amin'izay.
*Cari R., 15 taona, Utah, Etazonia*



**NATAONAO IZAY REHETRA AZONAO NATAO**

"Momba ny fanasitranana ny marary dia mazava ny nolazain'ny [Tompo] manao hoe: 'Ary ankoatra izany, dia izao no zavatra hitranga fa izay manam-pinoana Ahy mba ho sitrana, *ary tsy voatendry ny ho faty,* dia ho sitrana' (F&F 42:48; nampiana fanamafisana). Matetika loatra isika no tsy miraharaha ilay andian-teny manoritra manao hoe 'ary tsy voatendry ny ho faty.' . . . Aza kivy raha efa nanao vavaka mafy sy nanatanteraka ny tsodranon'ny fisoronana kanefa tsy misy fivoarana na maty mihitsy aza ilay olona tianao. Makà fiononana amin'ny hoe nanao izay rehetra azonao natao ianao. . . . Mety ho tsara kokoa mba hahasoa *antsika* ilay fivavahana sy fifadiankanina ary finoana izay nataontsika."

**Loholona Lance B. Wickman, mpikambana tao amin'ny Fitopololahy nanomboka tamin'ny 1994 ka hatramin'ny 2010, "But If Not," *Liahona*, nôv. 2002, 30–31.**

## FANONTANIANA HO AVY

"Misy milaza amiko fa mila manana namana izay tsy mitovy fitsipika amiko aho mba hampahatanjaka ny ahy. Marina ve izany?"

Alefaso ny valinteninao, ary raha tianao, dia mandefasa sary à haute résolution hatramin' ny 15 nôvambra 2015 ao amin' ny liahona.lds.org, amin'ny alalan'ny email ao amin'ny liahona@ldschurch.org, na amin'ny alalan'ny taratasy (jereo ny adiresy ao amin' ny pejy 3).

Tsy maintsy hita ao amin' ny e-mail na taratasy alefanao ireto fampahalalana ny mombamomba anao manaraka ireto sy ny fanomezan-dalana: (1) anarana feno, (2) daty nahaterahana, (3) paroasy na sampana, (4) tsatòka na distrika, (5) ny fanomezanao lalana natao an-tsoratra, ary raha toa ka latsaky ny 18 taona ianao dia ny fanomezan-dalana nosoratan'ny ray aman-dreninao (ekena ny fandefasana izany amin' ny e-mail) mba hamoahana ny valinteninao sy ny sarinao.

Mety ho asiam-panamboarana ireo valinteny noho ny halavany sy mba hampazava kokoa izay tiana hambara.

# Fanapahan-kevitra mpandresy

*Fahafahana ho azy mba hilalao ao amin'ny ekipa mpandresy izany—nahoana izy no hiteny hoe tsia?*

**Nataon'i Marissa Widdison**
Gazetibokin'ny Fiangonana
Niainga tamin'ny tantara marina

*"Mahatsiarova ny andro sabata hanamasina azy" (Mosià 13:16).*

Nihazakazaka niditra ny varavarana eo aloha i Miranda, feno fisaorana fa nangatsiaka kokoa ny tao an-tranony noho ny hafanan'ny toetr'andro fahavaratra tao ivelany. Tsemboka izy avy nilalao baolina kitra, lalao farany tamin'ny taona, sady kivy satria resy ny Teal Turbos. Resy indray.

Niditra tao an'efitrano i Neny ary nitondra tavoahangin-drano sy harona nisy ireo ambin'ny voasary voatetika avy tany amin'ilay lalao. "Tena nilalao tsara ianao. Tsy mora ny asan'ny mpiandry tsatokazo."

Tena *n*ilalao tsara i Miranda—nahasakana baolina betsaka izy ary nandaka mafy kokoa noho ny mahazatra. Saingy mbola tsy nilalao baolina kitra na oviana na oviana avokoa teo aloha ny ankamaroan'ny ankizivavy tao amin'ny ekipany, ary androany no naha-ôfisialy azy fa resy foana izy ireo isaky ny lalao tamin'ity taona ity.

"Mba te ho ao amin'ny ekipa izay efa nandresy indray mandeha fotsiny aho indraindray" Nisy ranomaso kely nirotsaka avy tamin'ny sisin'ny mason'i Miranda ka nilatsaka teo amin'ny fanamiany maintso manga.

Rehefa nakimpiny ny masony dia naneno ny telefaonina.

Noraisin'i Neny ilay telefaonina ary rehefa afaka fotoana fohy dia hoy izy: "Ho anao ilay antso."

"Manahoana, Miranda ve izany? Tom ity, mpanazatra ny Chili Kickers. Nijery ny lalaonareo aho androany Tena nahafinaritra ny fahitana anao teny."

Nanomboka nidoboka mafy kokoa ny fon'i Miranda. Ny Chili Kickers no ekipa mpilalao baolina kitra tsara indrindra tao amin'ny ligy!

"Hilalao amin'ny kilalao fifaninanana isam-paritra ny ekipanay amin'ny volana manaraka. Tena nilalao tsara ianao androany ka tiako ianao mba hiaraka aminay ho mpiandry tsatokazo mpandiby."

Efa nila ho nitsamboatra nivoaka ny tratrany mihitsy ny fon'i Miranda. Fahafahana ho azy mba hilalao hiaraka tamin'ny ekipa mpandresy izany.

"Te handeha aho!" Hoy i Miranda. Niresaka nandritra ny minitra vitsivitsy izy ireo momba ny antsipiriany mialohan'ny nametrahany ny telefaonina dia nihazakazaka nankao amin'ilay efitra iray hafa izy mba hilaza tamin'i Neny. Nanomboka nanoratra ireo datin'ny fanazaran-tena sy ny lalao teo amin'ny kalandirien'ny fianakaviana izy ireo.

Tampotampoka teo dia tsy nanoratra intsony i Neny, nijanona teo ambonin'ny iray tamin'ireo efamira teo amin'ny kalandirie ny peniny.

"Oay! Miranda a! Amin'ny andro alahady ireto lalao ireto. Jereo ange e!" Nanondro ny



SARY NATAON'I BRAD TEARE



## ANDRON'NY FAHAFINARETANA

Mampianatra antsika ny soratra masina fa ny Sabata dia tokony ho andro mahafinaritra (jereo ny Isaia 58:13). Inona avy ireo zavatra mahafinaritra azonao atao amin'ny andro alahady? Inona avy ireo fomba tsara sy miavaka entinao hitsaohana ny Ray any An-danitra?

fandaharam-potoan'ny lalao izy ary nitodika tany amin'ny Miranda niaraka tamin'ny endrika niahiahy. "Inona no tokony hataontsika araka ny eritreritrao?"

Kivy i Miranda sady nanaiki-molotra izy nieritreritra ny safidiny. Mety hamela azy hilalao i Neny raha nangataka izy, kanefa rehefa nieritreritra momba ny hoe nilalao andro alahady izy—indrindra ny hoe tsy mandeha miangona—dia nanotika ny kibony. Fantany fa natokana handehanana miangona ny andro alahady sy hivavahana amin'ny Ray any An-danitra, ary tsy afaka ny hanao ireo zavatra ireo marina izy rehefa milalao baolina kitra.

"Angamba tokony hiantso azy indray aho ka hilaza aminy fa tsy afaka ny hilalao," hoy i Miranda. Niezaka ny tsy hitomany izy. Na dia fantany aza fa izany no safidy tsara dia sarotra ny manajanona zavatra izay niriany mafy tokoa.

"Ary fantatrao ve hoe inona no eritreretiko?" Hoy i Neny sady namihina azy. "Zaza tena tsara ianao araka ny eritreritro."

Ny alahadin'iny, rehefa nipetraka tao amin'ny Kilonga i Miranda, dia nieritreritra momba ny safidy tsara izay nataony. Gaga ilay mpanazatra rehefa niantso i Miranda ka niteny hoe tsy afaka nilalao baolina kitra amin'ny andro alahady izy. Niezaka nanao izay hampiova ny eritreriny izy saingy nifikitra tamin'ny fanapahankeviny i Miranda. Rehefa nihaino ireo hira sy lesona ao aminn'ny Kilonga i Miranda tamin'izay dia nitsiky. Ilay fahatsapana feno fiadanana tao ampony no nilaza taminy fa tao amin'ny toerana tokony hisy azy izy. Nandray fanapahan-kevitra mpandresy izy rehefa dinihina tokoa. ■

FANONTANIANA MIOMPANA AMIN'NY LOHAHEVITRA IRAY

# Inona no tena tianao indrindra amin'ny maha-mpikamban'ny Fiangonana anao?



Tiako ny hoe afaka mandray ny mofo sy ny rano ho fahatsiarovana an'i Jesoa Kristy isika mandritra ny fanasan'ny Tompo. Mampahatsiahy antsika ny vatany ny mofo ary ny rano kosa dia mampahatsiahy antsika ny rany. Rehefa mandray ny fanasan'ny Tompo isika dia afaka manakimpy ny masontsika ka mieritreritra ireo zavatra rehetra izay nataon'i Jesoa Kristy ho antsika.

**Ava J.,9 taona, Caroline Avaratra, Etazonia**



Tiako ny mianatra fa afaka hiaraka mandrakizay ny fianakaviana (Renee)

Afaka manana namana aho, afaka mamaky ny soratra masina isan'andro aho ary afaka mianatra ny filazantsara aho. (Ralph)

**Renee sy Ralph E., 9 taona sy 10 taona, Metro Manille, Philippines**



Tiako rehefa mahatsapa ny Fanahy Masina aho. Afaka mahatsapa be ny Fanahy Masina aho rehefa mihaino ireo lahateny sy ireo lesona. Tsapako ihany koa izany rehefa manampy ny hafa aho.

**Kaylee C., 7 taona, Virginie, Etazonia**



Ny zavatra tena tiako dia izahay afaka mianatra sady milalao, ary afaka mianatra bebe kokoa momba an'i Jesoa Kristy. Tiako ny mianatra momba Azy satria Izy no Mpamonjiko. (Liz)

Tiako ny mianatra momba an'i Jesoa ary fantatro fa tia antsika i Jesoa. (Lalo)

**Liz sy Lalo S., 8 taona and 6 taona, Californie, Etazonia**



Tiako ny mankany amin'ny Kilonga sy ny mihira.

**Hayden H., 5 taona, Utah, Etazonia**



Tiako ny mianatra momba an'i Jesoa Kristy ary tiako ny mankany amin'ny Kilonga sy maka namana.

**Catherine W., 7 taona, Caroline Avaratra, Etazonia**



Tiako fa afaka mahazo namana vaovao be dia be aho ary afaka mampianatra ireo namako izay tsy mpikamban'ny Fiangonana momba ny filazantsara. Afaka mihaino ny fivoriamben'ny Fiangonana aho ka mihaino ny mpaminany sy ireo Apôstôly miteny. Mahafinaritra ihany koa ny takarivan'ny mpianakavy satria mandeha mivoaka mihinana glace izahay indraindray. Mmm!

**Savannah H., 12 taona, Washington, Etazonia**

## FANONTANIANA MANARAKA

"Rehefa mifamaly ny neniko sy ny dadako dia tena miahiahy sy malahelo be aho. Inona no azoko atao?"

Manana torohevitra momba izany ve ianao? Alefaso aty aminay ny valinteninao sy ny sarinao alohan'ny 31 ôktôbra 2015 Jereo ao amin'ny pejy 3 ny adiresinay na alefaso amin'ny alalan'ny email amin'ny liahona@ldschurch.org. (Asio hoe "Question Corner" eo amin'ny antony.) Tadidio ny mampiditra ny fanomezan-dalana avy amin'ny ray aman-dreny!

*Ny valinteny dia natao ho fanampiana sy ho fanoroan-kevitra fa tsy fanambarana ny fotopampianaran'ny Fiangonana.*

# NY PEJINTSIKA



*Misiônera vavy, nataon'i Abril S., 9 taona, Mexique*



## MISAOTRA ANAO AHO ANDRIAMANITRA

Misaotra Anao aho Andriamanitra noho ny fahazavana.
Satria izany dia mamiratra andro aman'alina.
Misaotra Anao aho Andriamanitra noho ireny hazo ireny.
Satria izany no mampitony ny rivotra mahery.
Misaotra Anao aho Andriamanitra noho ireo zavatra maro hafa tsy haiko faritana.
Fa fantatro lalina ato anatiko hoe Ianao no namorona ity fiainako.
Na dia mety tsy dia tena lafatra aza ity fiainako ity,
Dia afa-po aho raha mbola velona ety.

**Nisha J., age 10 taona, Repôblikan'i Palau**




***Niaraka natao batisa tao anatin'ny andro iray ny ankizilahy efatra avy ao amin'ny paroasy iray ao Argentine. Miara-mitsangana amin'izy ireo ny evekany (afovoany).***



***Nahazo ny antsony hanao asa fitoriana ny rahalahiko sy ny naman'ny fianakaviana iray. Nandeha fiara nandritra ny adiny valo izahay nankany amin'ny tempoly tao Freiberg, Alemana mba hahafahan'izy ireo mandray ny fanafiana masina any amin'ny tempoly.***

***Nijanona nandritra ny dimy andro izahay amin'izay afaka manao asan'ny tempoly be dia be ny fianakaviako. Misy trano fandraisam-bahiny ho an'ny fianakaviana ao amin'ny faritry ny Tempoly. Nanampy ny mpikarakara zaridaina izaho sy ny ankizy sasany hafa ka nomeny glace izahay. Tena faly izahay tamin'izany.***

***Tsy andriko ny taona manaraka rehefa feno 12 taona aho ka ho afaka ny hanao batisa ao amin'ny Tempoly.***

**Alicka S., 11 taona, Slovaquie**

Miaraha mianatra momba ny Testamenta Vaovao amin'ity taona ity!

# I Petera sy Kornelio ary ilay Anjely



Nosoratan'i Erin Sanderson


Taorian'ny nitsanganan'i Jesoa tamin'ny maty sy niverenany tany an-danitra dia nitory tany amin'ny toerana maro i Petera sy ireo Apôstôly hafa, saingy tamin'ny Jiosy irery ihany.

Manamboninahitra tao amin'ny tafika romanina i Kornelio. Nino an'Andriamanitra izy, saingy tsy Jiosy izy. Nisy anjely niseho taminy ary nilaza taminy mba hampaka an'i Petera. Nandefa ny olony hitady an'i Petera i Kornelio ary nilaza tamin'i Petera ny Fanahy Masina mba hanaraka azy ireo.

Rehefa tonga tao amin'ny tranon'i Kornelio i Petera dia nampianatra ireo olona marobe izay tafavory tao. Nolazainy tamin'izy ireo ny momba ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ary nahatsapa ny Fanahy Masina izy ireo ka nahafantatra fa marina izany. Rehefa hitan'ny naman'i Petera fa nampianatra olona izay tsy Jiosy izy dia taitra izy ireo. Saingy niteny taminy i Petera fa efa nianatra fa ny filazantsaran'i Jesoa Kristy dia ho an'ny olona rehetra. (Jereo ny Asan'ny Apôstôly 10:1–48; 11:1–18.) ■

*Monina any Utah Etazonia ny mpanoratra.*

ANKAVIA: SARY NATAON'I CRAIG STAPLEY; ANKAVANANA: SOMBINY AVY TAMIN'NY *SARIN'I KRISTY*, NATAON'I HEINRICH HOFMANN, NAHAZOANA LALANA AVY TAMIN'NY C. HARRISON CONROY CO.



## MIVONÒNA HIZARA!

Fomba iray hahafahana ho tonga misiônera tsara ny miezaka mba hitovy bebe kokoa amin'i Jesoa. Hetezo ireo karatra ary fenoy toetra iray izay tianao hampiharina. Mety te hiezaka ny ho "Elder Tsara Fanahy" na "Soeur Mankasitraka" angamba ianao. Apetraho amin'ny toerana izay mety hampahatsiahy anao ny tanjonao ny karatrao.

Elder

Soeur

Soeur

Elder

## RESAKY NY MPIANAKAVY

Vakio ny Matio 28:19–20. Miresaha mikasika ny fomba ahafahantsika mizara ny filazantsara amin'ny olona rehetra. Eritrereto ireo fanontaniana izay mety hananan'ireo namanao na ny mpiara-monina aminao mikasika ny filazantsara. Azonao atao tantara an-tsehatra kely miaraka amin'ny fianakavianao ny fametrahana sy famaliana ireo fanontaniana.

**Hira:** Misafidiana hira momba ny asa fitoriana, toy ny "Proclamons la Verité" (*Recueil de Chants pour les enfants*, 92).

**Soratra masina:** Matio 28:19–20

**Horonantsary:** Midira ao amin'ny Biblevideos.org mba hijery ny "Peter's Revelation to Take the Gospel to the Gentiles."



## TOROHEVITRA AMIN'NY FANDALINANA NY SORATRA MASINA

Afaka mahatakatra bebe kokoa ny soratra masina isika rehefa mizara ny zavatra izay ianarantsika. Mamakia andinin-tsoratra masina iray miaraka amin'ny fianakavianao ary miresaha momba ny dikan'ireo teny na andian-teny sarotra sy ny dikan'ilay soratra masina aminao ary ny fomba hampiharana izany eo amin'ny fiainanao.

## HIANATRA MISIMISY KOKOA

Talohan'ny niantsoana an'i Petera ho mpianatra dia mpanjono fantatra tamin'ny anarana hoe Simona izy. Nomen'i Jesoa ny anarana hoe Petera izy izay midika hoe "vato" na "vatolampy." Rehefa niala teto an-tany i Jesoa dia i Petera no lehiben'ny Apôstôly sy nitarika ny Fiangonana. Nihazona ireo fanalahidy, na ny fahefana, na ny fisoronana izy.



*Efa taorian'ny misasakalina tamin'izay saingy fantatr'i Tate fa fotoana tokony niresahany izany.*

# Mitady fanampiana

**Nataon'i Kimberly Reid**
Niainga tamin'ny tantara marina

*"Ry Ray any An-danitra, mivavaka aho, mba tariho sy ambeno isan'andro aho" (*Children's Songbook, *19).*

Nandrinandry tsy natory tao anatin'ny maizina i Tate, niezaka ny tsy hitomany. Efa nivavaka izy mba hahazo fanampiana kanefa toa nisy rahona mainty matevina nihantona teo amboniny, nanakana ny Fanahy.

"Ahoana raha tsy ho hadinoko mihitsy iny fandaharana mahatsiravina tamin'ny fahitalavitra iny?" hoy izy sady natahotra.

Andro vitsivitsy lasa izay dia nahavita aloha ny enti-modiny izy ka nivadika teo amin'ny fahitalavitra. Saingy tsy nanampo ny hahita zavatra toy *izany* teo amin'ny efijery izy.

Taitra loatra izy ka hadinony hatramin'ny namono haingana ny fahitalavitra izay tokony ho nataony.

Tsy fanahy iniany izany. Tsy tokony nijery zavatra toy izany izy nefa izao dia tsy afaka nanadino izany. Indraindray mandalo ao an-tsainy izany any am-pianarana, eo amin'ny latabatra fisakafoana—mandritra ny fotoam-bavaka mihitsy aza. Rehefa amin'ny fotoana toy izany dia faly izy fa tsy afaka namaky ny tao an'eritreriny i Neny sy i Dada. Nampianatra an'i Tate ny ray aman-dreniny mba tsy hijery sarin'olona tsy miakanjo. Fantany fa nanantena azy tsy hijery fandaharana mahery setra amin'ny fahitalavitra sy ny horonantsary ary amin'ny jeux vidéo koa izy ireo.

"Ankehitriny fantatro hoe nahoana," hoy i Tate niteny irery.

Niala teo am-pandriany i Tate ka nandohalika indray. Inona no azony natao?

"Ry Ray any An-danitra," hoy i Tate nibitsibitsika. "Ampio aho tsy hieritreritra intsony momba ny zavatra izay hitako." Nofafany ny ranomaso izay niforona teo amin'ny masony ary nihaino izy. Nihanidoboka mafy ny fony. Nieritreritra izy fa nahatsapa ny Fanahy Masina nibitsika taminy saingy tsy izany ilay valinteny tiany ho azo.

*Nila niteny tamin'ny ray aman-dreniny izy.*

"Nahoana?" Hoy i Tate nanontany tena. Hahatsapa ho toy ny zazakely izay mankao amin'ny efitranon'ny ray aman-dreniny amin'ny sasakalina izy. Dia *hilaza* izany amin'izy ireo ve? Nahatsapa ho menatra sy tsy nahazo aina indray izy.

Avy eo dia nisy eritreritra mazava tonga tao an-tsainy: Tian'ny Ray any An-danitra izy mba ho faly. Tian'ny Ray any An-danitra izy mba hahatsapa ny Fanahy indray, mba hieritreritra zavatra tsara ary ho marin-toetra amin'ny fianakaviany. Tiany indrindra i Tate mba ho lasa mpihazona ny Fisoronana Aharôna mendrika rehefa feno 12 taona afaka volana vitsivitsy. Tsapan'i Tate fa raha toa ka hotazoniny ny zavatra izay hitany ary hafeniny ho tsiambaratelo dia hijanona tsy ho faly momba izany foana izy.

Fantar'i Tate fa nila fanampiana izy—ary vao avy nilaza azy mihitsy ny Fanahy Masina hoe aiza no ahitana izany.

Nijery ilay tarehimarika mazava tamin'ny famantaran'ora teo akaikin'ny fandriany i Tate. Efa nanakaiky ny tamin'ny 1:00 maraina tamin'izay. Nitsangana izy ary nandeha tamin'ilay lalantsara maizina nitondra tany amin'ny efitranon'ny ray aman-dreniny. Nitelin-drora tamimpahatahorana izy dia nandondona teo amin'ny varavaran'izy ireo.

"Neny ô? Dada ô?"

"Tate ve izany?" hoy ny feon'i Neny mbola rendremana.

"Misy olana angaha?" hoy i Dada nanontany.

"Ie," hoy i Tate. "Afaka miresaka ve isika? Ary mety afaka mahazo tsodrano ve aho?"

Narehitr'i Dada ny jirony teo amin'ny sisin'ny fandriany ary nasainy niditra aho. Sambany tao anatin'ny andro maro no nahatsapa hafanana sy fanantenana ary fahazavana i Tate. ■

*Monina any Utah Etazonia ny mpanoratra.*





SARY NATAON'I MARK ROBISON

# Oay! Ahoana amin'izay ary izao?

Afaka miseho na aiza na aiza izany—ao an-trano, any an-tsekoly, na any an-tranon'ny namana iray. Tampotampoka eo dia mahita zavatra izay *fantatrao* fa tsy tsara ianao—amin'ny telefaonina, fahitalavitra, solosaina, na amin'ny fitaovana filalaovana, na ao anaty boky na gazetiboky. Inona ary no azonao atao *izao* mba hampahazo aina anao?





Halaviro izany. Vonoy izany. Apetraho izany. Ataovy ho toy ny poizina ho an'ny atidohanao izany—satria izany tokoa izany.

Resaho amin'ny neninao na ny dadanao izany. Ny ray aman-dreny no mahafantatra tsara indrindra anao ary tian'izy ireo ho voaro sy faly ianao. Aza menatra. Ny zavatra nitranga taminao saika mitranga amin'ny olona rehetra ao anatin'ny fotoana iray.

Aza mipetra-potsiny. Mijere na mamakia zavatra tsara. Manaova zavatra mampa-vitrika. Manaova zavatra tsara. Miaraha amin'ny fianakaviana na namana.

Tadidio hoe iza ianao. Tsy ratsy ianao noho ny zavatra hitanao. Zanak'Andria-manitra ianao ary tia anao Izy ary te hanampy anao ho voaro sy ho faly.



Miresaha foana. Mety hanampy anao ny miresaka amin'ny neninao na ny dadanao isaky ny tsy nampahazo aina anao ny zavatra hitanao nandritra ny tontolo andro. Afaka manampy anao mba hanao drafitra hiarovana anao amin'ny fijerena zavatra tsy tokony hojerena ny ray aman-dreny. Raha mahatsiaro tena ho voafandrika sy miahiahy na ohatra ny te hijery zavatra tsy tokony hojerena indray ianao dia lazao azy ireo ihany koa izany.

Afoizo izany. Alao sary an-tsaina hoe mamotsotra balaonina ny tenanao ka mijery izany mandeha mitsingevaheva. Miezaha ho tony ary avelao ny zavatra izay hitanao hitsingevaheva miala ny sainao. Izao dia alao sary an-tsaina ny tempoly, ny fianakavianao, na zavatra hafa izay tianao jerena.



SARY NATAON'I SHAWNA J. C. TENNEY

# Ny voatavon'i Paul

**Nosoratan'i Ray Goldrup**

Niainga tamin'ny tantara marina



SARY NATAON'I AMY WUMMER

Nanampy an'i Dada namboly zaridaina i Paul. Naniry izy mba ho teo i Eric rahalahiny mba hanampy. Saingy tany lavitra tany nanao asa fitoriana i Eric.

"Tsy mba ho lehibe tahaka an'i Eric mihitsy aho," hoy i Paul. "Ahoana no ahafahako mandeha manao asa fitoriana tahaka azy?"

"Aza matahotra!" hoy i Dada. "Mbola hitombo ianao."



Nanolotra voam-boatavo vitsivitsy an'i Paul i Dada. Nanampy an'i Paul namboly izany izy.

"Hitombo ka ho lasa voatavo lehibe ve ireto voa madinika ireto?" Hoy i Paul nanontany.

"Raha karakarainao tsara izany," hoy i Dada.

Nandeha nivoaka foana i Paul isan'andro mba hijery ny zaridaina. Notondrahany izany ary tsy ela dia nanomboka nisy tsimoka kely nipoitra. Nihalehibe ny raviny. Nesorin'i Paul tamim-pitandremana tsara ireo ahi-dratsy.





Tamin'ny fararano dia efa naniry be ny voly voatavony. Ary nisy voatavo lehibe miloko volomboasary!

Notaritaritin'i Paul i Dada mba hijery izany. "Nokarakarainao tsara ny voly voatavonao!" Hoy i Dada.

"Ie! Ary hokarakaraiko tsara ny tenako amin'izay mba ho lehibe koa aho." Hoy i Paul sady nitsiky. "Ary rehefa lehibe aho dia afaka mandeha manao asa fitoriana toa an'i Eric!" ■

*Monina any Utah Etazonia ny mpanoratra.*

# Ilay saham-boatavo

Nahavokatra voatavo firy i Paul?
Hitanao ve ireo zavatra miafina hafa? ■



# Iray amin'ny iray tapitrisa!

Tonony: Jan Pinborough
Feony: Michael F. Moody




© 2010 An'i Jan Pinborough sy Michael F. Moody. Zo rehetra voatokana.
Ity hira ity dia azo adika raha ilaina any am-piangonana na any an-tokantrano, tsy azo itadiavam-bola.
Ity fanamarihana ity dia tsy maintsy ampidirina ao amin'ny tahadika tsirairay izay havoaka.



**Nosoratan'ny Filoha Henry B. Eyring**
Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

# NY LALANA MANKANY AMIN'NY TOERANA AZO ANTOKA

*Iray amin'ireo fomba ahafantarantsika fa avy amin'Andriamanitra ny fampitandremana iray dia satria efa nampiharina ny lalàn'ny vavolombelona, ireo vavolombelona nahazo lalana.*

Toa tsy manam-pahataperana ny fanirian'ny Mpamonjy hitarika antsika ho any amin'ny toerana azo antoka. Ary tsy misy fiovana ny fomba fanehoany ilay lalana. Manisy lalana mihoatra ny iray izy mba hahatongavan'izany any amin'ireo izay vonona hanaiky izany. Ary anisan'izany lalana izany foana ny fandefasana hafatra amin'ny alalan'ny vavan'ireo mpaminaniny isaky ny mendrika ny hanana mpaminanin'Andriamanitra eo anivony ny olona. Omena andraikitra hampitandrina ny olona hatrany ireo mpanompo nahazo alalana ireo amin'ny fanambarana amin'izy ireo ny lalana mankany amin'ny toerana azo antoka.

Rehefa nihamafy ny fifanenjanana tao Missouri avaratra, Etazonia, tamin'ny fararanon'ny taona 1838, dia nampiantso ny Olomasina rehetra ny Mpaminany Joseph Smith mba hiangona tao Far West ho fiarovana azy ireo. Maro ireo tany amin'ny toerampiompiana sy fambolena nitokana na tao anatin'ny andiana tranokely niparitaka. Nanome torohevitra manokana an'i Jacob Haun izy, izay mpanorina ny tanàna kely iray nantsoina hoe Haun's Mill (fitotoam-boan'i Haun). Nahitana izao manaraka izao ny tahirintsoratra iray tamin'izany fotoana izany: "Nandefa teny tamin'ny alalan'i Haun, tompon'ilay trano fitotoam-boa, ny Rahalahy Joseph mba hampahafantatra ireo rahalahy izay nipetraka tao mba hiala ka ho any Far West, saingy tsy nampitain'i Haun ilay hafatra" (Philo Dibble, ao amin'ny "Early Scenes in Church History," ao amin'ny *Four Faith Promoting Classics* [1968], 90). Taty aoriana dia noraketin'i Joseph tao amin'ny tantarany hoe: "Hatramin'io andro io dia nanome ahy fahendrena Andriamanitra mba hanavotra ireo olona mandray torohevitra. Izay nanaraka ny torohevitro dia tsy mba nisy novonoina velively" (*History of the Church,* 5:137). Avy eo ny mpaminany dia nanoratra ilay fahamarinana mampalahelo fa tokony ho avotra ny ain'ny olona tsy manantsiny tao Haun's Mill raha naharay sy nanaraka ny toroheviny izy ireo.

Amin'izao androntsika izao dia efa nampitandremana tamin'ny torohevitra momba ny toerana hahitana fiarovana amin'ny fahotana sy ny fahoriana isika. Ny iray amin'ireo fanalahidy hahafantarana ireo fampitandremana ireo dia ny fiverimberenan'izy ireo. Ohatra, imbetsaka tao amin'ireny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany ireny ianao no efa naheno ny mpaminanintsika nilaza fa hamerina ny tenin'ny mpaminany teo aloha ary noho izany dia ho vavolombelona faharoa na fahatelo aza indraindray. . . . Nanoratra ny Apôstôly Paoly fa "amin'ny tenin'ny vavolombelona roa na telo no hanorenana mafy ny teny rehetra" (2 Korintiana 13:1). Iray amin'ireo fomba ahafantarantsika fa avy amin'Andriamanitra ilay fampitandremana ny hoe efa nampiharina ny lalàn'ny vavolombelona, ireo vavolombelona nahazo lalana. Raha toa ka miverimberina ireo tenin'ny mpaminany dia tokony hisarika ny saintsika izany ary hameno fankasitrahana ny fontsika noho ny fiainana ao anatin'izany fotoana feno fitahiana izany. . . .

Tia antsika ny Ray any An-danitra. Naniraka ny Zanany Lahitokana Izy mba ho Mpamonjy antsika. Fantany fa ho tandindomin-doza lehibe isika eto amin'ny fiainana an-tany, ny ratsy indrindra amin'izany dia avy amin'ireo fakam-panahin'ny fahavalo mahatsiravina iray. Izany no anisan'ny antony nahatonga ny Mpamonjy nanome ny fanalahidin'ny fisoronana mba hahafahan'ireo izay manan-tsofina ho enti-mihaino sy finoana hankatoavana handeha any amin'ny toerana azo antoka. ■

*Avy tamin'ny "Finding Safety in Counsel,"* Liahona, *jolay 1997, 23–25*



# HEVI-BAOVAO MANAITRA



**Impiry isika no mifaneho teny feno hatsaram-panahy?**

"Afaka mitsapa ny tenantsika manokana isika amin'ny fametrahana fanontaniana vitsivitsy. . . . 1. Oviana ny fotoana farany niderako ny vadiko, na tamin'ny fotoana niarahanay samirery na teo anatrehan'ireo zanakay? 2. Oviana ny fotoana farany nisaorako azy, na nanehoako fitiavana taminy, na nitondrako azy am-bavaka tamin-kafanampo sy tamim-pinoana? 3. Oviana ny fotoana farany nitsaharako tamin'ny fitenenana zavatra izay fantatro fa mety handratra? 4. Oviana ny fotoana farany nialako tsiny sy nangatahako famelan-keloka tamim-panetrentena—ka tsy nanampy ireo andian-teny hoe 'fa raha mba nanao an'izao mantsy ianao' na 'fa raha mba tsy nanao an'izao mantsy ianao'? 5. Oviana ny fotoana farany nisafidianako ny ho faly toy izay ny hitaky hoe izaho no 'manana ny rariny'?"

**Linda K. Burton,** Filohan'ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany, "Hiara-hivoatra isika," *Liahona,* mey 2015, 31.

# Hita ao amin'ity laharana ity koa

## HO AN'NY TANORA


### MIAINA OMBAN'NY **tena finiavana**

Hanampy anao hanao ireo zavatra tsara tokony hatao noho ny antony tsara ny fahatakaranao "ny anton'ireo" fanapahan-kevitra noraisinao. Mianara miaina fiainana misy finiavana!



p. 44

## HO AN'NY ZATOVO



p. 62

### TANORA MAHATALANJONA AO AMIN'NY SORATRA MASINA

Ny tolona natrehan'ireo zatovo tao anatin'ny soratra masina dia tsy nitovy tamin'ny antsika, kanefa afaka manaraka ny herimpo sy ny finoana ary ny fankatoavana nasehony isika mba handresena ny olana atrehantsika.

## HO AN'NY ANKIZY

### Mitady fanampiana

Tsy nitsahatra nieritreritra ny zavatra hitany tamin'ny fahitalavitra i Tate ka dia nivavaka tamin'ny Ray any andanitra izy mba hahafantatra ny zavatra tokony hatao.



p. 72

MALAGASY
4 02125 70654 4

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY